
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2018

# Liahona



## Loholona Gong sy Soares: "Vavolombelon'ny anaran'i Kristy eran'izao tontolo izao," p. 12, 18

**Zavatra 8 tokony ho takatra momba ny evekanao, p. 24**

**Joseph Smith: "Nentanim-panahy mba hampandroso ny foto-kevitr'i Ziona," p. 28**

**Ny tantaran'ny Andro Farany momba ireo fanekempihavanana nataontsika tamin' Andriamanitra, p. 34**



"NY FAHAFANTARANA FA NY **RAY AMAN-DRENINTSIKA ANY AN-DANITRA DIA NANAO DRAFITRA MBA HAHAZOANTSIKA NY FAHASAMBARANA FARATAMPONY ARY NY FISANDRATANA** DIA MANOME ANTSIKA FAHAFAHANA HIJERY LAVITRA, MANOME ANTSIKA NY MAHA-IZY ANTSIKA AMIN'NY MAHA-ZANAKA MALALAN'NY RAY AMAN-DRENY MASINA ANTSIKA, ARY MAMPITOMBO NY FAHATOKIANTSIKA NY TOMPO."

LOHOLONA QUENTIN L. COOK

*Avy amin'ny "Ny naha-feno famindram-po ny Tompo," pejy 34.*

# Liahona, Ôktôbra 2018


34

## LAHATSORATRA MANOKANA


6 **Ireo fitsipika momba ny fanompoana: Mahazo fanampiana mba hanampiana ny hafa**
*Ahoana no ahafantarantsika ny fotoana sy ny fomba hampandraisana anjara ny hafa ao amin'ny fanompoana ataontsika?*

12 **Loholona Gerrit W. Gong: Tiava ny Tompo ary matokia Azy**
Nosoratan'ny Loholona D. Todd Christofferson

18 **Loholona Ulisses Soares: Lehilahy iray tsy misy fitaka**
Nosoratan'ny Loholona Neil L. Andersen

24 **Ny zavatra tian'ny eveka tsirairay ho fantatr'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny**
Nosoratan'i Michael Meyers
*Indraindray isika dia manadino fa olona toa antsika ihany ireo eveka, izay manao izay vitany hanatanterahana tsara ny antson'izy ireo.*

28 **Olomasina: Ny tantaran'ny Fiangonana—Toko 8: Ny fitsanganan'ny Fiangonan'i Kristy**
*Rehefa voatonta printy ny Bokin'i Môrmôna dia olona maro no voatarika hiditra ao amin'ilay Fiangonana marina. Taorian'ny famoahana dia nandrafitra ny Fiangonana i Joseph.*

34 **Ny naha-feno famindram-po ny Tompo**
Nosoratan'ny Loholona Quentin L. Cook
*Hahazo fitaomam-panahy ireo mpikambana rehefa mamaky mikasika ireo Olomasin'ny Andro Farany mahatoky ao anatin'ilay andiam-boky vaovao momba ny tantaran'ny Fiangonana.*



## LAHATSORATRA FOHY


4 **Fanehoana ny finoana: Michael Isaac—Bydgoszcz, Pologne**

10 **Ny zavatra inoantsika: Mankaiza ny vola avy amin'ny fahafolonkarena**

40 **Ny feon'ny Olomasin'ny Andro Farany**

80 **Mandra-pihaonantsika indray: Fanohanana avy amintsika**
Nosoratan'ny Filoha James E. Faust

**EO AMIN'NY FONONY**
*Izay ananako no omeko anao,* nataon'i Water Rane.

## HO AN'NY TANORA




44 **Ny faharisihantsika hiaina ny filazantsara**
Nosoratan'i Mindy Selu
*Ny antony iainantsika amim-pahamarinana dia tena mifototra amin'ny zavatra iray.*

48 **Ny dingana voalohany mankany amin'ny fibebahana**
Nosoratan'i Aurilas Peterson
*Nitaky herim-po be dia be ny fankanesana tany amin'ny evekako saingy nisy fiantraikany lehibe tamiko izany.*


***Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Torohevitra: Ahoana no ahafahanao mampamiratra ny fahazavanao?***


## HO AN'NY ZATOVO

50 **Mianatra araka ny fomban'ny Tompo**
Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar
*Rehefa avelantsika ho mpampianatra ny Fanahy dia hitombo ny fahafahantsika hianatra.*

54 **Fomba 5 hianaran-javatra avy amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany**
*Diniho ireo hevitra ireo mba hianaran-javatra bebe kokoa avy amin'ireo hafatra mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana.*

56 **Nampianarin'ny Fanahy Masina**
*Ireo zatovo ireo dia mizara ny zavatra nianarany avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana.*

58 **Sary: Raha mihaino ianao**

59 **Ireo toe-javatra mikasika ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany**

60 **Fanontaniana sy valiny**
*Ahoana no ahafahako manasa ny Fanahy ho ao an-tranoko rehefa miady na mifamaly ny olona?*

62 **Ireo lalana izay manomana anao amin'ny hoavinao**
*Ireo zavatra niainan'ireo tanora miisa efatra ireo dia afaka mampiseho anao ny fomba ahitana fahombiazana amin'ny hoavy.*






## HO AN'NY ANKIZY




66 **Mampitampita ny fitiavan' Andriamanitra**
Nosoratan'i Allie B.
*Rehefa nifindra izahay dia nahatsikaritra aho fa vitsy ny olona tao amin'ny sampana nisy anay. Noho izany dia nanapakevitra ny hanao zavatra aho teo anatrehan'izany.*

67 **Vavaka teny amin'ny canyon**
Nosoratan'i Carsen K.
*Natahotra aho hoe tsy hahita intsony ny lalanay miverina mankany amin'ny fiara.*

68 **Areheto ny fahazavanao: Mamirapiratra any amin'ny République Tchèque**

70 **Mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy ireo Apôstôly**
Nosoratan'ny Loholona Jeffrey R. Holland

71 **Ny pejintsika**

72 **Finoana sy fanantenana sy ary fahasoavana—Fizarana 3: Fanantenana tany Hollande**
Nosoratan'i Megan Armknecht

74 **Fikambanan'ny mpamaky ny Bokin'i Mômôna**

75 **Ireo olona be herim-po ao amin'ny Testamenta Taloha: Be herim-po i Estera**

76 **Tantara ao amin'ny Soratra Masina: I Estera Mpanjakavavy**
Nosoratan'i Kim Webb Reid

79 **Pejy lokoina: Afaka manampy ny hafa hahatsapa hoe tiana aho**

**ÔKTÔBRA 2018 BOKY. 18 LAH. 3**
**LIAHONA 14754 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring
**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares
**Mpanomana ny Fanontana:** Hugo E. Martinez
**Mpanampy amin'ny Fanontana:** Randall K. Bennett, Becky Craven
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, LeGrand R. Curtis Jr., Edward Dube, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Donald L. Hallstrom, Douglas D. Holmes
**Tale mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon
**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Francisca Olson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jon Ryan Jensen, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison
**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst
**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Derek Richardson
**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris
**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est,
Antananarivo 101, Madagascar
**Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.**
**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.
Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)


© 2018 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.
**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny *Liahona* mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
October 2018 Vol. 18 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)
POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2).
NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.


# Zavatra maro kokoa mahaliana ao amin'ny internet




Mamakia lahatsoratra dia alefaso koa ny anao ao amin'ny **liahona.lds.org**



Mitadiava hafatra manentana ny fanahy sy azo zaraina (amin'ny teny Anglisy, Pôrtogey ary Espaniôla) ao amin'ny **facebook.com/liahona**



Mandefasa tatitra ao amin'ny **liahona@ldschurch.org**



Misorata anarana ao amin'ny **store.lds.org** Na tsidiho ny ivon-toerana mpaninjara iray, na anontanio ny mpitarika ao amin'ny paroasy, na antsoy ny 1-800-537-5971 (Etazonia sy Kanadà).

SARY FAMANTARANA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Asa,*** *62*
***Asa fitoriana,*** *43, 66*
***Bokin'i Môrmôna,*** *28, 74*
***Eveka,*** *24, 48*
***Fahafolonkarena,*** *10*
***Fahoriana,*** *4*
***Famelan-keloka,*** *48, 72*
***Fanahy Masina,*** *50, 56, 60*
***Fanambarana,*** *41, 50*
***Fanompoana,*** *6, 24*
***Fibebahana,*** *48*
***Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany,*** *54, 56, 58, 59*
***Fijoroana ho vavolombelona,*** *56, 68, 71*
***Finoana,*** *4, 40, 42, 44*
***Firaisan-kina,*** *24, 43, 60*
***Fitiavana,*** *66, 79*
***Fizakan-tena,*** *40, 62*
***Herim-po,*** *75, 76*
***Jesoa Kristy,*** *44, 70*
***Joseph Smith,*** *28, 34*
***Mianatra,*** *50*
***Mpaminany,*** *42, 71, 80*
***Mpitarika ao amin'ny Fiangonana,*** *12, 18*
***Ohatra,*** *68*
***Ray any An-danitra,*** *34, 43*
***Tantaran'ny Fiangonana,*** *28, 34*
***Tempoly,*** *42, 71*
***Testamenta Taloha,*** *75, 76*
***Vavaka,*** *4, 40, 41, 67, 68*







*"Afaka mitondra zavatra tsara be dia be ny faharariana," hoy i Michael, izay voan'ny aretin'ny voa (insuffisance rénale). Koa satria nampitombo ny fankasitrahany ny filazantsara ny aretiny dia hoy izy hoe: "fitsapana tsara izany."*

**LES NILSSON, MPAKA SARY**

# Michael Isaac

*Bydgoszcz, Pologne*

Tezitra aho tamin'ny voalohany.

"Nahoana no izaho?" Nivavaka aho. "Nanompo Anao aho ry Tompo." Rehefa afaka elaela dia nahatakatra aho. Hoy ny soratra masina hoe: "Izay manam-pinoana Ahy mba ho sitrana, ary tsy voatendry ny ho faty, dia ho sitrana" (F&F 42:48).

Manohy mivavaka ho ahy ireo mpikamban'ny Fiangonana, saingy miharatsy ny fahasalamako. Heverin'izy ireo fa tsy misy mahare ny vavaka ataon'izy ireo, kanefa misy mahare izany satria lasa olona tsaratsara kokoa izy ireo ary satria tsapako ny fitiavana asehon'izy ireo ahy.

Ary na dia hoe salama aza aho, dia haharitra hafiriana sisa ny fotoana hiainako amin'izao taonako izao? Na dia izany aza, dia maro ny zavatra mbola miandry ahy.

Manana ny Fiangonana aho. Manana fomba iray ifandraisana amin' Andriamanitra aho amin'ny alalan'ny vavaka, amin'ny alalan'ny fifadiankanina, amin'ny alalan'ny zavatra rehetra ataontsika. Koa inona moa no ilaiko ankoatra izany?

Indraindray aho dia mieritreritra ny tenako hoe: "Izay angamba no antony mamparary ahy, mba hahafahako mahatakatra ny halehiben'ny Fiangonana izay misy ahy sy ny halehiben'ny filazantsara."

**MITADIAVA MISIMISY KOKOA**

Mianara bebe kokoa momba ny fiatrehana ireo olan'ny fiainana miaraka amin'ny herin'ny fanantenana avy amin'ny Filoha Russell M. Nelson ao amin'ny **lds.org/go/10185**.

Raha te hahita Fanehoana ny finoana bebe kokoa dia jereo ao amin'ny **lds.org/go/18**.

# Ireo Fitsipika momba ny fanompoana

# MAHAZO FANAMPIANA MBA HANAMPIANA NY HAFA

*Ahoana no fomba hampandraisantsika anjara ny hafa rehefa mila fanampiana isika ao anatin'ny ezaka ataontsika mba hanompo? Mandray anjara mandritra ireo dinidinika momba ny fanompoana sy ireo fivorian'ny filankevitra isaky ny Alahady voalohany.*

Rehefa nampalemy an'i Kathy ny aretina sclérose en plaques dia tsy maintsy nampiasa seza misy kodiarana izy. Hitany fa nila fanampiana izy isaky ny alina rehefa hiala eo amin'ilay seza ho eny am-pandriana. Tsy vitan'ny mpikambana iray monja ilay asa. Noho izany dia nifandinika mikasika ny toe-javatra niainany ny kôlejin'ny loholona ary nanapa-kevitra fa handrindra fandaharam-potoana mba hanampiana azy isaky ny hariva.[1]

Rehefa fantatsika ny zavatra ilain'ireo tompointsika sy ny tanjaka ananan'izy ireo dia afaka mahita isika fa mila fanampiana mba hanomezana izay zavatra ilain'izy ireo. Ireo dinidinika momba ny fanompoana sy ireo fivorian'ny filankevitra isaky ny Alahady voalohany dia sehatra anankiroa ahafahana miresaka mikasika ny fomba hampandraisana anjara ny hafa araka ny tokony ho izy.

### Ireo dinidinika momba ny fanompoana

Ireo dinidinika atao isaky ny telo volana eo amin'ireo rahavavy manompo sy ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana ireo na eo amin'ireo rahalahy manompo sy ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona no hany tatitra *ôfisialy* ataontsika mikasika an'ireo izay tompointsika. Ilay dinidinika dia fahafahana ananana isaky ny telo volana farafahakeliny (1) mba hifampiresahana momba ny tanjaka sy ny zavatra ilaina ary ny toe-javatra mianjady amin'ireo fianakaviana sy ny olona eo ambany fiandraiketana, (2) mba hamaritana ny zavatra izay azon'ny kôlejy, na ny Fikambanana Ifanampiana, na ny filankevitry ny paroasy hitondrana fanampiana, ary (3) mba hianarana avy amin'ny mpitarika sy hahazoana fankaherezana manoloana ireo ezaka atao amin'ny fanompoana.

Mampahafantatra mivantana ireo zavatra manan-danja amin'ny eveka ny filohan'ny kôlejin'ny loholona sy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana ary hahazo torohevitra sy torolalana avy aminy.

Afaka mahita fampahalalana bebe kokoa mikasika ireo dinidinika momba ny fanompoana ianao ao amin'ny ministering.lds.org.

### Manao izay hampafonja ireo dinidinika momba ny fanompoana

Mba hanohanana ny fanambaran'ny Filoha Russell M. Nelson fa ny fandaharan'asa mikasika ny fanompoana dia ho lafin-javatra manan-danja iray izay hisy fiantraikany eo amin'ny lalan-kizoran'ny

*FAHANO IZY IREO*, NATAON'I JORGE COCCO SANTÁNGELO

"Ireo fitsipika momba ny Fanompoana" dia natao mba hanampiana antsika hianatra ny hifampikarakara, fa tsy natao hozaraina toy ireo hafatra mandritra ireo famangiana. Rehefa mahafantatra ireo tompointsika isika dia hitaona antsika hahafantatra ny hafatra mety hilain'izy ireo ny Fanahy Masina ho fanampin'ny fikarakarantsika sy ny fangorahantsika.



# NAMPANDRAY ANJARA NY HAFA I JESOA

**Namahana olona niisa 5.000 tamin'ny mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa i Jesoa. Vakio ny Jaona 6:5–14 ka tadiavo hoe impiry ny Mpamonjy no nampandray anjara ny hafa tao anatin'ity asa fanompoana ity.**



Fiangonana, dia nampianatra ny Loholona Gary E. Stevenson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny fahatanterahan'izany fahitany izany . . . dia mifototra amin'ny fampianarana araka ny tokony ho izy an'ireo rahalahy sy rahavavy manompo sy ny famporisihana azy ireo tsara mandritra ny dinidinika momba ny fanompoana."[2]

Torohevitra efatra ho an'ireo rahalahy sy rahavavy manompo:

- Atreho ny dinidinika mba hahazoana torohevitra. Mivonòna hianatra.
- Mivonòna hiresaka mikasika ireo fanampiana izay mety ilanao fanampiana ny fanatanterahana azy.
- Mifantoha amin'ireo tanjaka sy ireo fahaiza-manao ananan'ny olona tsirairay fa tsy amin'ireo zavatra ilany fanampiana fotsiny.
- Mifampiresaha amin'ny fiadidiana mba hakana hevitra eny anelanelan'ny dinidinika isaky ny telo volana rehefa ilaina izany.

Torohevitra dimy ho an'ireo mpitarika:

- Tsy ilaina atao lava be ny dinidinika fa manokàna fotoana ampy fotsiny any amin'ny toerana iray izay ahafahana manao fifampiresahana matotra.
- Araraoty ilay fotoana hanompoana ilay rahalahy na rahavavy manompo.
- Aza mametraka fanontaniana izay mahatonga ny olona hihevitra fa toa manisa ny famangiana fotsiny ianao na manisy marika ao anaty lisitra fa vita ny fifampiresahana tamin'olona iray ("Nahavita ny fanompoanao ve ianao?"). Fanontaniana izay manamafy orina ireo fihetsika tokony hatao no apetraho ("Inona no zavatra tsapanao rehefa nivavaka ho an'ilay fianakaviana ianao? Inona no nitranga rehefa nandray andraikitra teo anatrehan'ireo bitsika ireo ianao?").
- Mihainoa amin-kitsimpo ary mandraisa naoty.
- Miaraha mifanakalo hevitra. Ireo mpiara-manompo dia manana fahafahana handray fanambarana mikasika ireo izay tendrena hotompoin'izy ireo.[3]

Ny fifanoroana hevitra mikasika ireo zavatra ilain'ny hafa no votoatin'ireo dinidinika momba ny fanompoana. Jereo koa ny lahatsoratra mikasika ireo fitsipika momba ny Fanompoana "Counsel about Their Needs," ao amin'ny laharana volana septambra 2018.

### Fanontaniana sy valiny mikasika ireo dinidinika momba ny fanompoana

*Inona no atao hoe dinidinika momba ny fanompoana?*

Fifanakalozan-kevitra eo amin'ireo rahalahy manompo sy ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny kôlejy izany na eo amin'ireo rahavavy manompo sy ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana any amin'ny toerana iray izay manome fahafahana azy ireo hikatsaka sy hahazo fanentanam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina. Vokatr'izany dia afaka ny hoentanim-panahy hiambina sy hitia ary hampahery araka ny fomban'ny Mpamonjy ireo rahalahy sy rahavavy manompo.

*Moa ve tsy maintsy mifanatri-tava rehefa manao ireo dinidinika isaky ny telo volana ireo?*

Amin'ny ankapobeny dia mifanatri-tava ny hanaovana izany saingy azo atao an-telefaonina na ara-tambazotra ifaneraserana izany rehefa tsy afaka mifanatri-tava. Amin'ny ankapobeny, dia mandray anjara amin'ilay dinidinika ireo mpiara-manompo rehefa azo atao izany.

*Inona no tanjon'ny dinidinika momba ny fanompoana?*

Ireo dinidinika momba ny fanompoana dia fotoana iray ahafahan'ireo rahalahy sy rahavavy manompo mba handinika ny toe-javatra misy amin'izao fotoana izao, sy hanao drafitra ho an'ny hoavy ary hitady izay fanampiana ilain'ireo olona na fianakaviana izay tompoin'izy ireo. Izany dia fahafahana iray hiresahana mikasika ireo loharanom-pitaovana azon'ny kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana omena.

*Ahoana no fomba hiatrehako ireo olana izay hazonina ho tsiambaratelo na saro-pady?*

Ireo rahalahy sy rahavavy manompo dia tsy mizara ireo fampahalalana hazonina ho tsiambaratelo afa-tsy amin'ny filohan'ny kôlejin'ny loholona na amin'ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana ihany, na tonga dia mivantana amin'ny eveka. Tsy tokony hozaraina mandritra ny fivorian'ny filankevitra isaky ny Alahady voalohany ireo fampahalalana izay hazonina ho tsiambaratelo na saro-pady.

*Afaka mijery horonan-tsary fanofanana izay mampiseho ireo dinidinika momba ny fanompoana ianao ao amin'ny* ***ministering.lds.org.***



## Fivorian'ny filankevitra isaky ny alahady voalohany

Ankoatra ireo dinidinika momba ny fanompoana, dia fomba iray hafa mba hampandraisana anjara ny hafa amin'ny fanompoana ny fivorian'ny filankevitra isaky ny alahady voalohany. Mandritra ny fivorian'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny kôlejin'ny loholona, dia afaka ny ho tonga eo amin'ireo izay manatrika amin'ny alalan'ny Fanahy sy afaka ny ho tonga avy amin'ireo olona hafa ao anatin'ny vondrona ny fanentanam-panahy.

Ny tanjon'ny fivorian'ny filankevitra dia ny:

- "Hifampizara hevitra momba ireo andraikitra sy fahafahana hanao zavatra ary olana misy eo an-toerana;
- "Hianatra avy amin'ny fampahalalana entin'ny tsirairay sy ny zavatra niainan'ny tsirairay; ary
- "Hanao drafitra mba handraisana andraikitra eo anatrehan'ireo fahatsapana voaray avy amin'ny Fanahy."[4]

Mihoatra noho ny fifanakalozan-kevitra ny fivorian'ny filankevitra: ireo fivoriana ireo dia mitarika antsika mba handray andraikitra manokana na miaraka ao anatin'ny vondrona araka izay anentanan'ny Fanahy. Afaka mahatsapa faniriana ny hanatanteraka ny asan'ny Tompo ireo mpikambana vokatr'ireo fivoriana ireo.

## Fanasana mba handray andraikitra

"Ny vavaka ataontsika androany," hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia, "enga anie ny vehivavy sy ny lehilahy rehetra, ary ireo tovolahy sy tovovavy, mba hanana fanolorantena lalina kokoa ny hifampikarakara amin'ny fo tokoa, ka ny fitiavana madion'i Kristy no hany hery manosika azy ireo hanao izany."[5] ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny horonan-tsary *Mormon Messages* "Lift," lds.org/media-library.
2. Gary E. Stevenson, ao amin'ny "Ministering Interviews" (horonan-tsary), ministering,lds.org.
3. Jereo ny Russell M. Nelson, "Manompo," *Liahona,* mey 2018, 100
4. *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana,* ao amin'ny *Liahona,* nôv. 2017, 137; misy koa ao amin'ny comefollowme.lds.org.
5. Jeffrey R. Holland, "Miaraka amin'izy ireo sy manatanjaka azy," *Liahona,* mey 2018, 103.

# MANKAIZA NY VOLA AVY AMIN'NY FAHAFOLONKARENA

*Inona no mitranga amin'ny vola izay arotsakao ho fahafolonkarena?*



*Mandray vola ianao.*



*Manolotra ny ampahafolon'ny vola miditra aminao ianao mba ho fahafolonkarena (jereo ny F&F 119).*



*Omenao ny mpikambana iray ao amin'ny epîskôpà na ny fiadidian'ny sampana ny fahafolonkarenanao na alefanao en ligne ao amin'ny donations.lds.org.*



*Any amin'ny Foiben'ny Fiangonana, ny Fiadidiana Voalohany, ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny Episkôpà Mpiahy no mandrafitra ny Filankevitra misahana ny Fampiasana ny Fahafolonkarena (jereo ny F&F 120). Araka ny fomba hitarihan'ny Tompo dia mandray fanapahan-kevitra hendry izy ireo mikasika ny fomba hampiasana ireo vola avy amin'ny fahafolonkarena ireo.*

# NY FAHAFOLONKARENA DIA METY AMPIASAINA AMIN'NY:



*Fanorenana sy fikarakarana ireo tempoly sy ireo fiangonana ary ireo trano hafa an'ny Fiangonana*



*Fanatanterahana ireo fandaharan'asan'ny Fiangonana momba ny fianarana*



*Fanontana printy ireo soratra masina na boky hafa*



*Fanaovana fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana*



*Fanaovana asa fifanampiana sy fanasoavana*



*Fanaovana asa fitoriana*




*Fanatanterahana fiaraha-mientana eo anivon'ny Fiangonana mba hanamafisana ny finamanana eo anivon'ny ireo mpikambana any amin'ny paroasy sy sampana*

**MIANÀRA MISIMISY KOKOA**

- Loholona David A. Bednar, "Ny varavaran'ny lanitra," fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2013.
- Malakia 3:7–18
- *"Fahafolonkarena," Miorim-paka ao amin'ny Finoana* (2004), 180–82

SARY NATAON'I DAVID HABBEN



**Nosoratan'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

LOHOLONA GERRIT W. GONG:

# Tiava ny Tompo ary matokia Azy

Vao nanambady tsy ela sy nivoaka fianarana avy tao amin'ny Oniversiten'i Oxford Angletera, i Gerrit W. Gong dia nianatra tamin'ny alalan'ny traikefan'ny tena manokana fa rehefa tia ny Tompo sy matokia Azy isika dia hanampy antsika, hitarika antsika, ary hampatanjaka antsika Izy.

I Geritt dia nahazo ny vatsim-pianarana Rhodes ka niasa mafy mba hahazo mari-pahaizana anankiroa. Doctorat ny iray tamin'izany. Sady tao amin'ny episkôpà tao amin'ny paroasin'i Oxford izy tamin'io fotoana io. Tsaroan'izy sy i Susan vadiny ny torohevitra nomen'ny Loholona David B. Haight (1906–2004) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo rehefa nanatanteraka ny fanambadian'izy ireo tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy. "Nilaza taminay izy mba hanana antso lalandava," hoy ny Loholona Gong. "Fantatray fa raha toa ka natoky an' Andriamanitra izahay ary nanao ny tsara indrindra vitanay, dia hanampy anay Izy."

Nahazo "fanampiana avy any an-danitra sy famindrampo lehibe" tokoa i Gerrit sy i Susan, hoy izy. Raha nanohy tao amin'ny episkôpà i Gerrit dia nahatontosa ireo fitakiana rehetra hahazoana mari-pahaizana doctorat, ankoatra ny bokiny, izy. Nangataka tsodranon'ny fisoronana tamin'ny evekan'ny paroasin'i Oxford izy, dia i Alan Webster. Tao anatin'ilay tsodrano dia nandray izao fampanantenana izao i Gerrit: "Mitozoa amin'ny fanaovana izay rehetra vitanao, dia hitahy anao ny Tompo."

Ny mpikambana roa izay mpitantsoratra momba ny lalàna nanan-traikefa dia nanolo-tena ny hanampy hanoratra amin'ny milina ny sora-tanany, ary afaka namita ny bokiny tao anatin'ny volana vitsivitsy i Gerrit. Raha ny marina dia sady nahavita ny maîtrise sy ny doctorat izy tao anatin'ny telo taona mahery kely monja. Rehefa nahavita fianarana izy dia nanaiky ny toerana iray misahana ny fikarohana ataon'ny oniversite. Nampatanjaka ny fahatokiany ny Tompo ny traikefany tao Oxford, fahatokiana izay maharitra hatramin'izao ary hitohy hitahy an'i Gerrit W. Gong amin'izy manompo ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo amin'izao fotoana izao.

### Mofo sy hazandrano

"Ny Tompo dia tsara fanahy sy feno indrafo ary mikatsaka ny hitahy antsika," hoy ny Loholona Gong. "Raha toa ka manao ny tsara indrindra vitantsika isika, dia hanao izay ahafahantsika manao mihoatra noho izay vitantsika Izy. Tahaka ny fampitomboana ireo mofo sy hazandrano izany. Raisin'ny Tompo izay efa misy ary hatsarainy mihoatra lavitra noho izay azontsika atao samirery izany."

Ny fitsipiky ny mofo sy hazandrano dia marina ihany koa amin'ny fianarana, hoy izy. "Na dia tsy misy aza ny fahafahana mankany am-pianarana dia ny fananana toe-tsaina tia mianatra no zava-dehibe, satria mandrakizay ny fianarana.





Lazain'ny Loholona Gong fa avy amin'ny ray aman-dreniny, i Jean sy Walter, ary avy amin'i Susan vadiny ny ankamaroan'ny fifaliany. Ny tokantranon'ny ray aman-dreniny dia "heniky ny fitsaohana lalina noho ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany tsirairay," hoy izy. Rehefa nihaona voalohany tamin'ny vadiny ny Loholona Gong dia tsapany ho toy ny olona efa fantany hatrizay izy.

Afaka mikatsaka fahazavana sy fahamarinana isika rehetra na inona na inona toe-javatra iainantsika. Rehefa manao izany isika dia hanampy antsika hahita izany ny Tompo."

## Fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana

Raha tao Oxford ny Loholona Gong, dia nianatra fitsipika iray hafa an'ny filazantsara izy, anankiray izay antsoiny hoe "fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana."

"Rehefa manakaiky bebe kokoa ny Tompo isika dia lasa mifanakaiky bebe kokoa ihany koa," hoy izy. "Fony tao Oxford izaho sy i Susan dia sarobidy taminay avokoa ny zavatra niainana arapianarana sy ny zavatra niainanay tao amin'ny paroasy. Maro amin'ireo namana tianay indrindra hatramin'izao no olona avy tao amin'ny Paroasin'i Oxford."

Anisan'ireo namana ireo i Tim sy Katherine Witts izay mahatsiaro ny fandehanana any amin'ny tempoly niaraka tamindry Gong. "Tsaroako mazava tsara fa nanaisotra ny famantaranandrony mba tsy ho variana na ho voafehin'ny fotoana rehefa mandinika ireo zavatra momba ny mandrakizay ny Rahalahy Gong," hoy ny Rahavavy Witts. "Izany fihetsika kely izany dia nanampy ahy ho mazoto kokoa amin'ny fitsaohako manokana ao amin'ny tempoly."

Mihaona matetika amin'ireo namana fantatr'izy ireo ry Gong mivady ny amin'ny filazantsara. "Hisy olona hanao hoe, niaraniasa taminao izahay fony ianao tao amin'ny filankevitra avo, na zavatra mitovitovy amin'izany," hoy ny Loholona Gong, "ary afaka mifamadika izany. Feno fankasitrahana aho noho ny filohan'ny tsatòka iray sy ny filankevitry ny paroasy izay nanampy ahy fony aho eveka tena tanora. Isika rehetra dia manantrosa amin'ireo ray aman-dreny, rafozana, mpiray vodirindrina, filohan'ny misiôna, anabavy, ary mpitarika ao amin'ny fisoronana izay tsara fanahy amintsika, mitarika antsika, ary mankahery antsika mba hanatona an'i Kristy."

## Lovam-pianakaviana

Ny tantaram-pianakavian'ny Loholona Gong dia voasoritra manomboka eo amin'ny taranaka miisa 34 miverina hatrany amin'ny Dragona Gong Voalohany izay teraka tamin'ny 837 taona taorian'i J.K. Nifindra monina avy tany Chine nankany Etazonia ny raibe sy ny reniben'ny Loholona Gong. I Jean reniny dia

SARY LAFIKA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

niditra ho mpikamban'ny Fiangonana fony izy zatovovavy tany Hawaii, Etazonia, ary nianatra tao amin'ny Brigham Young University tao Provo, Utah, Etazonia taty aoriana, toerana izay nipetrahany niaraka tamin'ny fianakavian'i Gerrit de Jong, Mpiandraiki-draharaha voalohany tao amin'ny College of Fine Arts (Ivon-toeram-pampianarana ambony miompana amin'ny haikanto). "Nanampy ahy hahatakatra hoe manao ahoana izany fianakaviana ao amin'ny filazantsara izany ry de Jong," hoy izy.

Taorian'ny BYU, dia nianatra tao amin'ny Stanford University tao Palo Alto, Californie, Etazonia i Jean, izay toerana nihaonany tamin'i Walter A. Gong. "Efa Kristianina izy ary nahatakatra haingana izay natolotry ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny," hoy i Jean. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy, ary nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy ireo herintaona taty aoriana. Lasa mpampianatra za-draharaha izy ireo ary raha atambatra dia nandany mihoatra ny 70 taona nampianarana.

"Lasa patriarika ihany koa i dada," hoy ny Loholona Gong, "ary satria nomena tao antranonay ireo tsodranon'ny patriarika, dia heniky ny fanajana lalina noho ny fitiavan' Andriamanitra ny tsirairay amin'ireo zanany ny tokantranonay."

Tamin'ny 23 desambra 1953, tao Redwood City, Californie, no teraka ny voalohany tamin'ireo zanak'i Jean sy i Walter anankitelo. "Ny fanampin'anarany, Gerrit, dia holandey, mba hanomezam-boninahitra an'i Gerrit de Jong," hoy i Jean nanazava. "Ny fanampin'anarany hafa dia Walter, mba hanomezam-boninahitra ny rainy. Ary ny anaram-pianakavianay dia sinoa, izay manome voninahitra ny lovany."

Nilaza i Jean fa i Gerrit dia tsara fanahy tamin'ireo zandriny, i Brian sy i Marguerite. "Tiany ny manampy azy ireo," hoy izy, "na dia amin'ny zavatra kely toy ny fampianarana azy ireo mamatotra ny tadin-kiraron'izy ireo aza." Tsaroany ny fodiana tany an-trano avy any am-piangonana indray andro ary naheno an'i Gerrit sy Brian nilaza fa nahakamo ny lahateny iray nandritra ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo. "Koa nomeko fanamby izy ireo: -Dia mila manao lahateny tsara kokoa ianareo izany.- Nanaiky hanao ilay fanamby izy ireo ary nanomboka nifantoka bebe kokoa tamin'ireo lahateny izy ireo," hoy izy.

Fony zatovo i Gerrit dia tia mandeha mibaby kitapo ary manao dia an-tongotra miaraka amin'ireo zatovolahy hafa tao amin'ny paroasiny. I Wally Salbacka, namany hatrizay, dia mahatsiaro ny dia nandritra ny filasiana manokana iray. "Niaraka tamin'i Gerrit sy i Brian rahalahiny aho, ary namana iray izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Noho ny antony tsy haiko dia nanomboka nihira avy tao amin'-ny fihirana izahay. Nihira ny feo voalohany i Gerrit, nihira ny feho fahatelo i Brian, ary nihira ny beso aho. Nihira hira 10 na 20 angamba izahay, noho ny fitiavana nihira fotsiny. Zavatra niainana nahafinaritra izany. Gaga ilay namanay tsy mpikamban'ny Fiangonana."

Tsaroan-drahalahy Salbacka ihany koa fa tany amin'ny lisea dia nangataka tamin'ireo mpitarika ny fanentanana mandritra ny lalao





Avy any ankavia: I Marjorie sy Gordon B. Hinckley miarahaba an'i Gerrit sy Susan tamin'ny fanambadian-dry Gong mivady. Ny Loholona Gong dia nampianatra fianakaviana iray fony izy misiônera tany Taiwan, ary taona maro taty aoriana rehefa lasa Manampahefana Ambony izy, dia nihaona tamin'ny zafikelin'ny iray tamin'ireo zanakavavy tao amin'ilay fianakaviana. Tany Vietnam, nandoko rindrindra iray hitondrana fifaliana ho an'ireo ankizy miatrika olana ny Loholona sy ny Rahavavy Gong. Nivondrona niaraka tamin'ireo izay nanampy tamin'ny fandokoana rindrina tany Vietnam ireo olona ao amin'ny fianakaviana Gong.



fifaninanana mba hitarika fanentanana mangina ho an'ny ekipa mpanao échecs i Gerrit. "Nandresy lahatra azy ireo izy fa ny fanohanana aratsaina dia tsara ho an'ny rehetra," hoy izy, "ary tena tonga tamin'ilay fifaninana izy ireo!"

Taorian'ny lisea dia nianatra tao amin'ny Brigham Young University ny Loholona Gong. Nanompo tao amin'ny Misiônan'i Taipei Taiwan izy nanomboka tamin'ny 1973 ka hatramin'ny 1975, dia niverina tao BYU, izay nahazoany ny license en études asiatiques sy études universitaires.

### Fihontihontiana sy fanambadiana

Taorian'ny asa fitoriany dia nilatsaka antsitrapo ny Loholona Gong mba hanolotra takariva amorom-patana isaky ny alahady tao amin'ny Ivon-toerana Fanofanana Misiônera ao Provo. Ireo takariva amorom-patana dia nanampy ireo misiônera handeha ho any Taiwan mba hahafantarana ny momba



ireo olona, fomba amam-panao, ary kolotsaina any. Anisan'ireo misiônera ireo ny Rahavavy Susan Lindsay avy any Taylorsville, Utah, zanakavavin'i Richard P. sy Marian B. Lindsay. Mpikambana tao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy ny Rahalahy Lindsay. "Tsapako fa ho toy ny olona efa fantatro hatrizay i Susan," hoy ny Loholona Gong.

Roa taona taty aoriana, volana vitsy taorian'ny niverenan'i Susan tao BYU taorian'ny asa fitoriany, dia tao Provo i Gerrit sy ny fianakaviany. Nampianatra tao amin'ny oniversite ny rainy, ary nanao drafitra ny hitsidika mandritra ny roa herinandro i Gerrit. Niitatra ho efatra herinandro ilay fitsidihana, rehefa nampiaraka isan'andro izy sy i Susan. Dia nandeha nanao fiofanana arak'asa tany Hawaii i Gerrit mialoha ny niverenany tany Oxford.

"Nihontihonty avy tany amin'ny ilam-bolantany roa samy hafa izahay," hoy ny Loholona Gong nitantara. "Niezaka ny nianatra tany Angletera aho raha teo ampamantarana ny zavatra rehetra azoko fantarina momba azy avy tany am-pitan'ny Ranomasina Atlantika."

"Tamin'ny alalan'ny telefaonina no nanatanterahana ny fifamofoana," hoy ny Rahavavy Gong. "Nody indray izy tamin'ny Thanksgiving, ary nivady izahay ny andro voalohany nisokafan'ny tempoly rehefa tonga ny taona vaovao." Roa herinandro taty aoriana dia nisidina nankany Angletera izy ireo mba hanomboka fiainam-baovao miaraka.

"Rehefa mivady ny olona dia miresaka momba ny fianakaviana anankiroa lasa iray izy ireo," hoy ny Loholona Gong. "Ary tena nitranga tamiko izany. Mahatsapa ho isan'ny fianakaviana Lindsay tahaka ny maha-anisan'ny fianakaviana Gong ahy aho.



## Lalan-kasa mamiratra

Rehefa avy nandalo kely tao amin'ny Oxford University izy dia nifindra niasa ho an'ny governemanta tao Washington, D.C., Etazonia i Gerrit. Tamin'ny 1984 dia niasa tao amin'ny fampielezan-kevitra handaniana indray an'i Reagan na Bush izy, izay nizarany toeram-piasana tamin'i Mike Leavitt izay lasa governoran'i Utah taty aoriana. "Mpandinika sy mpieritreritra lalina i Gerrit," hoy Rahalahy Leavitt, "kanefa nampiavaka azy ny hatsaram-panahiny miavaka."

Mpanampy manokana ny Sekreteram-panjakana lefitra i Gerrit tamin'ny 1985. Lasa mpanampy manokana ny ambasadaorin'i Etazonia tany Pékin, Chine izy tamin'ny 1987. Ary nanomboka tamin'ny 1989 ka hatramin'ny 2001, dia nitana toerana maro izy tao amin'ny Center for Strategic and International Studies tao Washington, D.C. Dia niverina teo amin'ny tontolon'ny fianarana ambony izy rehefa nanaiky ny toerana ho mpanampy ny filoha teo amin'ny lafin'ny fanaovana drafitra sy fanombantombanana tao amin'ny Brigham Young University. Sivy taona no nihazonany izany anjara toerana izany.

Tao amin'ny birao nifanila taminy i Carri Jenkins, mpanampy ny filoha teo amin'ny lafin'ny seraseran'ny oniversite tao BYU. Tsaroany ny fahaizan'i Gerrit Gong mankahery ireo izay manodidina azy. "Raha toa ka tsy matoky tena ianao fa afaka manatanteraka asa nampanaovina iray izay sarotra, dia nanana izany fahatokian-tena izany ho anao izy," hoy izy. "Nataony avokoa izay rehetra vitany mba hanoroana hevitra anao, hanomezana fanantenana ho anao, ary hamelana anao handroso sy hampiseho ny fahaizanao."



Ny mpitsara federaly Thomas B. Griffith, izay nahafantatra ny Loholona Gong tany Washington sy tao BYU, dia namariparitra ny fifandraisana taminy ho toy izao: "Rehefa mifarana ny fifanakalozan-kevitra iray dia tsikaritrao fa ianao no nifantohana. Mpihaino tsara izy. Mametraka fanontaniana izay mahatonga anao hieritreritra izy."

Cecil O. Samuelson, Fitopololahy Manampahefana Ambony nisaorana tamim-boninahitra sy filohan'ny BYU teo aloha dia nilaza fa ny Loholona Gong dia "mangina amin'ny ankapobeny, kanefa miasa tsy tapaka ny sainy."

### Fiainam-pianakaviana

I Gerrit sy i Susan dia lasa ray sy renin'ny zanakalahy efatra—Abraham, Samuel, Christopher, ary Matthew—izay nihalehibe tao anatin'ny toe-javatra maro samihafa.

"Rehefa tany Pékin izahay dia fitahiana ho an'ireo zanakay ny lasa mpinamana be," hoy ny Loholona Gong.

"Tetsy andaniny dia nanana fahafahana hahita fomba fijery mivelatra momba an'izao tontolo izao izy ireo," hoy ny Rahavavy Gong nanampy. "Tetsy ankilany kosa dia nanampy anay hanjary ho fianakaviana nifandray be izany. Ireo zanakay lahy dia mbola milaza hatrany fa ny zavatra tsara indrindra nataonay amin'ny maharay aman-dreny anay dia ny nanomezanay rahalahy ho azy ireo."

"Indray andro dia nampiasanay ny dia maimaim-poana azo noho ny fisidinanay matetika," hoy ny Loholona Gong. "Navelanay hisafidy ny toerana haleha ny tsirairay. Nanomboka tao Washington, D.C., izay nonenanay izahay, dia nankany Angleterre, République Tchèque, Grèce, Turquie, Inde, Chine, ary Japon.

"Nanana lalàna iray tsy azo nihodivirana izahay nandritra izany dia izany," hoy Susan. "Na taiza na taiza nalehanay dia nihinana izay nohanin'ny mponina teo an-toerana izahay." Farany, tany Japon rehefa nifarana ilay dia, dia nilaza tamin'ireo zanany lahy ny Loholona Gong fa hoentiny any amin'ny trano fisakafoanana malaza eran-tany amin'ny henomby izy ireo. Nihinana hamburger niisa 17 tao amin'ny McDonald's ireo zanakalahy efatra ary ny rainy sy reniny noana be.

"Na i Neny na i Dada dia samy nanome lanja ambony momba ny fianarana amin'ny alalan'ny zavatra iainana," hoy i Abraham. "I Dada dia nieritreritra lalina momba ny fomba hamolavolan'ny zavatra iainana ny olona, ka anisan'izany ireo kolontsaina manontolo." Nomarihin'i Abraham ihany koa fa ny rainy dia "miresaka ampitandremana satria ilainy hoe voaheviny tanteraka sy tena inoany izay lazainy."

Tsaroan'i Sam fa "na dia sahiran-dava aza izy tao amin'ny Departement d'État, dia nanokana fotoana i Dada isan-kalina nanazatra sy nanofana ahy tamin'ny fifaninana matematika ho an'ny kilasy fahatelo, nantsoina hoe -Challenge 24-, izay tiako nidirana. Nolazainy fa raha toa aho ka mandresy dia hanao fety izahay miaraka amin'ny gilasy sundaes misy karazana fangarony miisa 24." Tody hatrany amin'ny fifaninana nasiônaly i Sam fa tsy nandresy. Nihinana sundaes ihany anefa ny fianakaviana Gong. Kanefa tsy mora ny nahita karazana fangarony niisa 24, ary ny anankiray tamin'izany dia hena nohamainina.

I Christopher sy i Matthew dia nanao fanamarihana ny amin'ny "fankasitrahana ny fifampitokisana sy ny fifankatiavana ary ny fifanoloran-tena ataon'ny rainay sy ny reninay." Fitiavana izay ifampizaran'ny Loholona sy ny Rahavavy Gong izany ary koa zarain'izy ireo amin'ny tsirairay amin'ireo zanakalahiny sy ny havany.



“Ankoatra ny maha-ray feno fanolorantena an’i Gerrit, dia zanakalahy sy rahalahy feno fanolorantena ihany koa izy,” hoy i Susan. “Manan-danja ho azy ireo anjara asa ireo. Ampiany izahay hahatakatra fa ny fifandraisan’ny fianakaviana no manan-danja indrindra amin’ny zavatra rehetra.”

### Traikefa tao amin’ny Fiangonana

Na dia teo aza ny asa mahatototra be sy ny fianakaviana, ny Loholona Gong dia nanohy nanompo an-tsitrapo tao amin’ny Fiangonana, ka efa mpikambana tao amin’ny filankevitra avo, mpitarika ny vondron’ny mpisorona avo, filohan’ny Sekoly Alahady teo anivon’ny amin’ny tsatòka, mpampianatra seminera, eveka, filohan’ny misiônan’ny tsatòka, filohan’ny tsatòka, ary Fitopololahin’ny Vondrom-paritra.





Avy any ankavia: Tany Thailande, nihaona tamin’i Francis Xavier Kardinaly Kriengsak Kovithavanij, Arseveka Katolika any Bangkok ny Loholona Gong. Mankamamy ireo dia hiarahana manokana amin’ny tsirairay amin’ireo zanany lahy ny Loholona Gong, toy ity dia nankany Kanadà niaraka tamin’i Sam zanany lahy ity. Nizara ny eritreriny momba ny Mofon’aina tamin’ireo mpampianatra seminera sy institiota ny Loholona Gong tamin’ny taona 2017. Mifampiarahaba ao an-tokantranon’ny mpikambana kambojiana iray ny Rahavavy Gong.

Na inona na inona niantsoana azy, sy teo amin’ny fiainam-pianakaviany ihany koa, dia naneho tsy tapaka toetra miavaka izy. “Mijery ny rehetra ho zanakalahy sy zanakavavin’ny Ray any An-danitra izy,” hoy ny Rahavavy Gong. “Fa ambonin’izany rehetra izany dia tia ny Tompo izy. Tena iriny amin’ny fony manontolo ny hanangana ny fanjakana sy hitahy ireo zanaky ny Ray any An-danitra.”

Tia ny vadiny izy. “Na inona na inona asaina ataoko,” hoy izy, “dia eo akaikiko foana i Susan. Mifandray amin’ny rehetra izy ary mahay mitodika any amin’ny olon-kafa. Vonona foana ny handeha any amin’ny toeram-baovao izy sy hanandrana zava-baovao, izay tena ankasitrahako.”

### Fanompoana tao amin’ny Fitopololahy

Ny Loholona Gerrit W. Gong dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin’ny 3 aprily 2010. Nantsoina izy ho ao amin’ny Fiadidian’ny Vondrom-paritra Azia izay tao Hong Kong ny foibeny. Dia lasa Filohan’ny Vondrom-paritra Azia izy taty aoriana. Tamin’ny 6 ôktôbra 2015 dia notohanana ho ao amin’ny Fiadidian’ny Fitopololahy ny Loholona Gong, ka nitohy tao ny traikefany maneran-tany, anisan’izany ireo fitondrana fanovana teo amin’ny vondrom-paritra tany amin’ny toerana maro samihafa manerana izao tontolo izao toa an’i Afrika sy Amerika Afovoany.


“Mihaona amin’ireo Olomasina any amin’ireo toerana ireo ianao dia lasa tia azy ireo,” hoy izy. “Mahatsiaro ho voatahy ianao satria misy olona miresaka aminao momba ny finoany, satria manjary ampahany amin’ny fahatakarana ny hoe iza Andriamanitra sy ny fomba hitiavany antsika tsirairay ny zavatra iainan’izy ireo mahakasika ny fiasan’Andriamanitra eo amin’ny fiainan’izy ireo.”

“Rehefa mandefa ny Loholona Gong any amin’izay mety ho toe-javatra misy izahay, dia mahatsapa ho nahita namana iray ireo izay voakasik’izany,” hoy ny Filoha Russell M. Nelson. “Manana fahalalana ambony izy, kanefa manetry tena. Mifandray amin’ny olona amin’ny ambaratonga rehetra izy ary vonona lalandava sy maharesy lahatra mandrakariva.”

### Antso ho Apôstôly iray

Rehefa niantso ny Loholona Gong mba ho mpikambana ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo ny Filoha Russell M. Nelson, dia “nandray ny tanako tamim-pitiavana ny mpaminany, niaraka tamin’i Susan malalako teo anilako, ary nanolotra ahy ity antso masina avy amin’ny Tompo ity izay tsy nampoiziko mihitsy” (“Tafatsangana i Kristy,” *Liahona,* mey 2018, 97). Manetry tena, kanefa manana antoka amin’ny fitiavany sy ny fahatokiany ny Tompo ny Loholona Gong, ary dia nanaiky ilay antso. Notohanana izy tamin’ny 31 martsa 2018. Rehefa nomanin’ny Tompo tamim-pitandremana tokoa, dia manompo amin’ny maha- “[vavolombelona] manokan’ny anaran’i Kristy eran’izao tontolo izao” (F&F 107:23) izy izao. ■

SARY NALAINA NANDRITRA NY FAMPAHEREZAM-PANAHY AVY AMIN’NY DESERET NEWS



**Nosoratan'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

LOHOLONA ULISSES SOARES:

# Lehilahy iray tsy misy fitaka

Tany amin'ny fiandohan'ny asa fanompoany, rehefa nisafidy ireo Apôstôliny i Jesoa, dia nahita an'i Natanaela nanatona Azy Izy. Fantany avy hatrany ny hatsarana tao amin'i Natanaela, ka nanambara Izy nanao hoe: "Indro ny tena Isiraelita tsy misy fitaka!"[1]

Fantatr'i Jesoa fa i Natanaela dia lehilahy iray feno fahadiovam-po, marin-toetra tamin'ireo fikasany, ary tsy nisy fihatsaram-belatsihy na famitahana. Tian'ny Tompo ny toetrany feno fahitsiana marina, dia nantsoiny ho Apôstôly i Natanaela.[2]

Toa an'i Natanaela fahiny i Ulisses Soares, ary nantsoin'ny Tompo ihany koa izy.

## "Ny hazavan'ireo ray aman-dreniko"

Teraka tany São Paulo, Brésil tamin'ny 2 ôktôbra 1958 i Ulisses, izay zandriny indrindra tamin'ny mpirahalahy efatra. Nanana fiainana tsotsotra izy ireo, kanefa olona mendri-kaja sy niasa mafy izay nihaino ireo misiônera ny ray amandreniny, dia i Apparecido sy Mercedes Carecho Soares. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy ireo tamin'ny 1965, fony i Ulisses enin-taona.

"Tsy mbola nahita an-drahalahy Appareciodo tsy namonjy fivoriana aho," hoy i Osiris Cabral, izay filohan'ny tsatòka fony i Ulisses mbola zatovolahy. "Tena nahatoky i Mercedes. Nandova ny fanolorantenan'ny ray aman-dreniny i Ulisses."

Namony ho azy ny fo tsaran'i Ulisses rehefa nianatra ny fomban'ny Tompo izy. "Nitombo tao amin'ny Fiangonana aho, nanaraka ny hazavan'ireo ray aman-dreniko," hoy ny Loholona Soares. Rehefa nanaraka izany hazavana izany izy dia nihanatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona nananany na dia teo aza ny fanoherana.

"Izaho irery no mpikamban'ny Fiangonana tany antsekoliko, ary niezaka hatrany ny hisintona ahy sy hanosika ahy hanao ireo zavatra ratsy ireo zazalahy hafa," hoy izy. "Nila nianatra niaro tena aho tao anatin'ireo olana ireo, kanefa natoky mandrakariva ny Tompo tamin'ny foko manontolo aho mba hanampy ahy hahomby. Raha mbola zatovolahy aho dia nianatra fa raha manao ny anjaranao ianao dia hanao ny Azy ny Tompo. Kanefa mila mihazona mafy ny tanany sy ny filazantsarany ianao."

Rehefa 15 taona i Ulisses, dia nangataka azy mba hampianatra ny kilasy Sekoly Alahady ho an'ny zatovo ny evekany. Nifototra amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara ny iray tamin'ireo lesona nampianariny. Nandalina ny Bokin'i Môrmôna i Ulisses, tsapany hatrany fa marina ny Fiangonana, ary nino ny Mpamonjy Jesoa Kristy izy.







ny fankatoavana ireo didy sy ny fananana fiainana mendrika. Nohamafisiny ihany koa ny fiomanana ara-bola.

Ankehitriny dia mitondra anjara biriky amin'ny fandaniana ilaina amin'ny asa fitorian'izy ireo ny misiônera rehetra avy any Brésil, ka fianakaviana maro no mandoa ny fandaniana rehetra. Rehefa nanakaiky ny taona hanaovana asa fitoriana dia nanapa-kevitra i Ulisses fa hitady ny vola rehetra ilainy amin'ny asa fitoriany izy. Tamin'ny alalan'ny fampiasany ny fahaizana miasa mafy izay nianarany raha niasa tao amin'ny orinasa kelin'ny rainy ka nanjary nahaizany nanindry faingana ireo bokotra eo amin'ny milina fanoratana, dia nahita asa iray atao amin'ny andro mazava izay nanampiany ny orinasa iray hanomana ny karaman'ny mpiasa i Ulisses.

Rehefa nanomana ny lesony izy dia naniry ny hijoro ho vavolombelona mafy tamin'ny kilasiny momba ny fahamarinan'ny filazantsara. "Nandalina sy nivavaka mafy aho," hoy ny Loholona Soares. "Rehefa avy nandohalika aho, dia nisy fahatsapana tena malefaka tonga tao am-poko, feo kely iray izay nanamafy tamiko fa teo amin'ny lalana marina aho. Tena nahery vaika izany ka tsy ho afaka nilaza hoe tsy nahafantatra velively aho."

Rehefa nitombo saina i Ulisses dia nianatra izy fa raha toa ka manao mihoatra noho izay nandrasana na nangatahina izy dia hitahy be azy ny Tompo. Tonga ny lesona toy izany rehefa niomana ny hanao asa fitoriana izy. Nandritra ireo dinidinika niarahana tamin'i Ulisses dia nohamafisin'ny evekany ny maha-zava-dehibe

"Lehibe tao amin'ny Fiangonana aho, nanaraka ny hazavan' "ireo ray aman-dreniny, Apparecido sy Mercedes Soares (ankavia) ny Loholona Soares. Rehefa natoky ny Tompo i Ulisses na dia teo aza ny fanoherana, dia nianatra izy fony zazalahy mba hihazona mafy amin'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany.

Rehefa afaka tamin'ny fanadinana sarotra iray izy dia nanomboka nanaraka fampianarana amin'ny hariva izay niompana tamin'ny haitoebola tao amin'ny lisea miompana amin'ny fampianarana teknika iray. Isam-bolana, rehefa avy nandoa ny fahafolonkarena izy, dia nanangona vola ho an'ny asa fitoriany. Herintaona taty aoriana dia nafindra tao amin'ny departemanta misahana ny toebola tao amin'ny orinasa nisy azy izy.

"Izany no fomba nanangonako vola handoavana ny asa fitoriako," hoy ny Loholona Soares. "Ary isam-bolana, nandritra ny telo taona nialoha ny fotoana nandehanako, dia nividy zavatra izay hilaiko aho—lobaka iray, pataloha iray, ba kiraro, karavato iray, valizy iray." Nila sy nahazo fitiavana sy fanohanana matanjaka avy

SARY LAFIKA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

tamin'ny ray aman-dreniny sy ireo mpitarika teo an-toerana ihany koa izy.

Nantsoina hanompo tao amin'ny misiônan'i Rio de Janeiro Brésil i Ulisses. Ny ampahany voalohany tamin'ny fotoana nanaovany asa fitoriana dia teo ambany fiahian'ny Filoha Helio da Rocha Camargo, izay lasa Manampahefana Ambony nantsoina voalohany avy any Brésil taty aoriana. Nanomboka ny asa fitoriany tany amin'ny fiandohan'ny taona 1978 i Ulisses. Ny tempoly voalohany tany Amerika Latina tao São Paulo dia notokanan'ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) taty aoriana tamin'io taona io.

Tamin'ny janoary 1980, i Ulisses sy ny mpiara-manompo taminy, izay tsy mbola nahazo ny fanafiana masiny, dia niditra ny fiara fitaterana iray tao Rio de Janeiro ka nandeha nandritra ny adiny valo nankany amin'ny tempolin'i São Paulo Brésil. Nihaona taminy tany ny ray aman-drenin'i Ulisses sy ireo iray tampo aminy, ary nofehezina mandritra izao fotoana izao sy amin'ny mandrakizay ny fianakaviana Soares. Tsy hadinon'i Ulisses na oviana na oviana ireo adiny dimy niarahana tao amin'ny tempolin'i São Paulo. Tamin'io andro io ihany, dia niverina tany amin'ny sahan'ny misiôna izy sy ny mpiara-manompo taminy.

### Mametraka an' Andriamanitra ho lohalaharana

Nankamamy asa fitoriana nahomby izay nampatanjaka kokoa ny fijoroana ho vavolombelona nananany i Ulisses. Rehefa nody izy dia nahita asa iray ary nanomboka nandalina ny haitoebola sy ny toe-karena tao amin'ny oniversite iray teo an-toerana.

Fito volana taorian'ny niverenany dia nifanena tamin'ny "Rahavavy Morgado" nandritra ny dihy niraisan'ny tsatòka maromaro izy. Mpitarika ny faritra nisy azy i Ulisses nandritra ny fotoana iray tamin'ny asa fitoriana, ary niaraka nandritra ilay takariva izy roa mba hiresadresaka sy hifampizara ireo tantara nandritra ny asa fitoriana. Nanomboka nampiaraka izy ireo telo herinandro taty aoriana.

Valo taona i Rosana Fernandes Morgado rehefa nanomboka nitondra azy tany am-piangonana i Margareth zokiny vavy. Taty aoriana dia nahazo lalana avy tamin'ny rain'izy ireo mba hatao batisa ireto naman' ny Fiangonana mahatoky roa ireto, saingy nila niandry ny faha-17 taonany avy izy ireo. Nandeha niangona nandritra ny sivy taona i Rosana mialoha ny nahazoany lalana mba hatao batisa.

Nipetraka tany São Paulo avaratra i Ulisses, ary niara-nipetraka tamin'ny ray aman-dreniny tany amin'ny faritra atsimon'ny tanàna i Rosana. Nandaniana adiny roa ka hatramin'ny adiny telo mandeha fiara fitateram-bahoaka ny famakivakiana ny tanàna midadasika. Soa ihany fa nipetraka teo akaikin'ny tranon'ny ray aman-dreniny i Margareth sy i Claudio vadiny.

"Rehefa tonga mba hampiaraka amin'i Rosana i Ulisses rehefa faran'ny herinandro dia sarotra taminy ny niverina nody lavitra amin'ny alina," hoy ny Loholona Claudio R. M. Costa, Fitopololahy Manampahefana Ambony, nitantara momba ilay ho zaodahiny. Koa, nasain'izy mivady mba hatory ao an-tranony i Ulisses rehefa avy nampiaraka. "Natsanganay nandritra ny fotoana elaela izy," hoy ny Loholona Costa nanampy izany.

"Natory teo amin'ny seza lava tao amin'ny efitra fandraisam-bahiny izy," hoy ny Rahavavy Costa. "Vao nivady vao haingana izahay ka tsy nanana bodofotsy fanampiny. Saingy nampirakofanay an'ilay lambam-baravarankely tranainy izay nanananay izy. Faly izy satria afaka ny hahita an'i Rosana indray ny ampitso. Tsara fanahy tamin'ny anabaviko izy, ary tena tia azy ny ray aman-dreniko."

Nivady tao amin'ny tempolin'i São Paulo Brésil tamin'ny 30 ôktôbra 1982 i Ulisses sy i Rosana.

Nidera an'i Rosana vadiny ny Loholona Soares amin' "ireo zavatra tsara rehetra teo amin' ny fiainako." Natao mariazy tamin'ny 1982 izy ireo (ankavanana indrindra), roa taona taorian'ny fihaonana taorian'ny asa fanompoan'izy ireo tao amin'ny Misiônan'i Brésil Rio de Janeiro.





Ny Loholona Soares miaraka amin'i Rosana tamin'ny taona 2000 (ambony); miaraka amin'ny fianakaviany (ankavanana ambany); ary misiônera tamin'ny fotoana feno tamin'ny 1979 (ambony ankavanana), miaraka amin'i Eliezer Wagner de Souza Santos sy i Regina fofombadiny tamin'izany (vadiny ankehitriny). Ny Rahalahy Santos dia filohan'ny Tsatòkan'i Vila Velha Brésil, ao amin'ny faritr'i Espírito Santo, amin'izao fotoana izao. Hita ao aoriana i Kim Pickett, mpiara-manompo tamin'ny Loholona Soares.

Raha miaraka amin'ny Loholona sy ny Rahavavy Soares mandritra ny minitra vitsy ianao dia ho hitanao haingana ny fifankatiavana, ny fifankamamiana, ary ny fifanajan'izy ireo. Ho an'ny Loholona Soares, i Rosana dia "ohatra teo amin'ny hatsaran-toetra sy ny fitiavana ary ny fanolorantena tanteraka amin'ny Tompo sy amiko ary amin'ny fianakaviako."[3] "Fanomezana avy amin' Andriamanitra" i Ulisses ho an'ny Rahavavy Soares.

Nanampy ny Rahavavy Soares hoe: "Tena tompon'andraikitra sy olo-marina mandrakariva izy, nikarakara tsara hatrany ny fianakavianay, ary tena nitondra ahy tsara mandrakariva. Nanao ny tsara indrindra vitany izy tamin'ny antsony rehetra tato amin'ny Fiangonana. Mandeha sy manatanteraka izy. Mametraka ireo zavatra momba an' Andriamanitra ho lohalaharana foana izy teo amin'ny fiainany. Latsa-pitia aminy foana aho satria fantatro fa mametraka ireo zavatra momba an' Andriamanitra ho lohalaharana izy, ary mametraka ahy ho lohalaharana ihany koa izy."



Momba ny vadiny, dia hoy ny Loholona Soares hoe: "Tena olona be herim-po sy manentana ny fanahy ao amin'ny fianakavianay izy." Feno fitiavana izy, tsara fanahy ary manana faharetana amin'ny olona rehetra. Mampiray ny fianakavianay izy, ary mahita ny tsara ao amin'ny olona rehetra. Nandray anjara lehibe tamin'ny zavatra nitranga teo amin'ny fiainako izy. Nihanihany aho nilaza taminy momba ny antsoko ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nanao hoe: -Ianao mihitsy no tompon'andraikitra amin'izao satria notanterahinao teo amin'ny fiainako tokoa ny herin'ny filazantsara.-"

## Be fitiavana

Tsaroan'i Gustavo, lahimatoan-dry Soares mivady, ny alina iray, fony izy zazalahy, izay tsy nankatoavany ny ray aman-dreniny ka nivoahany tsy an-kiera mba hijery ny fankalazana fanao isan-taona iray fantany amin'ny hoe Festa Junina tao akaikin'i São Paulo.

"Teo afovoan'ny vahoaka maro aho mankafy ny fotoana rehefa nandre ny mpanao filazana iray niantso ahy ho eny anoloana," hoy izy. "Tamin'izany fotoana izany no nahitako ny raiko."

Tena natahotra be ny ray aman-dreniny, saingy tsy nanala-baraka nibedy mafy an'i Gustavo ampahibemaso i Ulisses fa namihina azy mafy kosa.

"Nifampidinika tamin'ny fomba matotra momba ny tsy fahitana ahy izahay, kanefa nitondra ahy tamim-panajana ny ray aman-dreniko," hoy i Gustavo nitantara. "Nahatsapa ho voaro aho, ary fantatro fa tena tia ahy izy ireo."

Manolo-tena ho an'ny fianakaviany i Ulisses. Na dia eo aza ny asany mafy sy ny fivezivezena fatratra nandritra ny taona maro, dia nanome fotoana hanorenana fifandraisana tamin'ny zanany hatrany izy.

Rehefa notohanana ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Loholona Soares tamin'ny 31 martsa 2018, dia angamba tsy nisy olona gaga noho i Gustavo sy ireo anabaviny roa, i Lethicia Caravello sy i Nathalia Soares Avila. Kanefa raha toa ka maha-mendrika ny ho antsoina ho apôstôly ny fitiavana, asa mafy, fitserana, ary fanetrentena, hoy izy ireo, dia afaka mahatakatra ny antony niantsoan'ny Tompo ny rainy izy ireo.

"Rehefa niantso ny apôstôliny i Jesoa dia tsy naka ireo Fariseo manam-pahaizana be Izy fa nifidy mpanarato," hoy i Lethicia. "Toy izany ny raiko sy ny reniko. Matoky tanteraka ny Tompo izy ireo, ary mampiasa azy ireo Izy mba hanatanterahana ny asany satria fantany fa tsy tia tena izy ireo, vonona ny hiasa mafy, ary ampy fanetrentena mba hanekena fanitsiana."



Ilay hoe "be fitiavana" izay toetra ananan'ny rain'izy ireo dia hanampy azy amin'ny firosoany ho iray amin'ireo vavolombelona manokan'ny Mpamonjy, hoy i Nathalia nanampy. "Manana ny fo hanatanterahana izany izy," hoy izy. "Mahatsapa ny fitaoman'ny lanitra izy ary tia ny olona rehetra sy maniry ny hanao ny marina."

### "Hilamina ny zava-drehetra"

Tamin'ny Loholona Soares filohan'ny Misiônan'i Porto Portugal Soares nanomboka ny taona 2000 ka hatramin'ny 2003 dia nanjary lasa fanta-daza tamin'ny fampiasana ilay fehezan-teny amin'ny teny pôrtogay manao hoe: "Tudo vai dar certo"—hilamina ny zava-drehetra.

"Nampianatra izany anay izy," hoy i Ty Bennett, iray tamin'ireo misiônerany. "Miaina fiainana fiainana feno finoana sy fijerena ny lafi-tsaran-javatra izy hoe, raha toa ka manao izay irin'ny Tompo isika dia hilamina ny zava-drehetra."

Nampianariny ihany koa ireo misiônerany tsy hampiasa ireo teny hoe *sarotra* na *tsy ho tanteraka,* hoy i Richard Shields, misiônerany iray hafa. "Nantsoinay hoe -fanamby- ireny. Izany torohevitra izany dia namolavola ny fiainako rehefa nijery ireo zavatra ho -fanamby- mba horesena fa tsy -zava-tsarotra- na -tsy ho tanteraka.- aho."

Tsy tonga avy amin'ny fiainana mora ny finoana sy ny fijerena lafi-tsaran-javatra toy izany. Fantatry ny Loholona sy ny Rahavavy Soares tsara ny fahakiviana avy amin'ny tsy fananana, ny harerahana avy amin'ny asa sy fandalinana mandritra ny tontolo andro, ireo olana ara-pahasalamana, ary ny ratram-po avy amin'ny tsy fahazoana zaza, zanaka maty eo am-piterahana, ary ny famoizana iray tampo sy ray aman-dreny.

Kanefa mandritra ny lalampiainana, dia nametraka ny finoan'izy ireo teo amin'ireo teny ao amin'ny soratra masina tian'ny Loholona Soares indrindra izy ireo: "Aoka ianao hanetry tena; ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin' ny tanana sy hanome anao ny valin' ny fivavakao."[4]



"Ampahan-javatra ao amin'ny fivoarantsika ireo fanamby," hoy ny Loholona Soares. "Kanefa rehefa maharitra isika amin'ny fahoriana, rehefa mianatra ny mihoatra an'ireo fanambin'ny fiainana isika, rehefa mijanona ho mahatoky isika, dia hiahy antsika lalina ny Tompo ary hanome antsika an'ireo fitahiana nampanantenainy."

Ary rehefa mihazona mafy ny anjam-by isika, hoy izy nanampy, dia tsy hamela antsika ho irery ny Tompo.

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona Soares hoe: "Ny fihazonana mafy tsy tapaka amin'ireo didy, amin'ny filazantsara, amin'ireo soratra masina, ary amin'ny Tompo Jesoa Kristy dia hanampy antsika handresy ireo fanambin'ny fiainana." "Rehefa mandohalika mba hivavaka isika, dia hiaraka amintsika Izy ary hitarika antsika. Hitarika ny fanahintsika any amin'izay lalana tokony haleha sy izay zavatra tokony hatao Izy. Rehefa mankatò sy manetry tena isika dia hamaly ireo vavaka ataontsika ny Tompo."

### Mpianatra feno fanolorantena

I Ulisses Soares dia lehilahy mahavita zavatra sy tsara omana. Ny fianarana nataony, anisan'izany ny maîtrise amin'ny fitantanana orinasa, dia nanomana azy hiasa ho mpahaitoebola sy mpanamarina ny fampiasana vola ho an'ny orinasa hita manerana ny firenena maro tany Brésil. Izany traikefa izany dia nanomana azy hiasa ho an' ny Departemanta misahana ny fitantanam-bola ao amin'ny Fiangonana, ka izany koa avy eo rehefa feno 31 taona izy dia nanomana azy ho lasa tale faran'izay tanora indrindra ny raharaha ara-nofo tao amin'ny Fiangonana. Nanampy be azy izany fiomanana izany rehefa lasa filohan'ny misiôna izy sy tamin'ny niantsoana azy ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 2 aprily 2005.

Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny 6 janoary 2013, dia mpanolotsaina ary avy eo Filohan'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra Brésil izy ary mpanolotsaina tao amin'ny Vondrom-paritra Afrika Atsimo Atsinanana. Mpanolotsain'ny Loholona Dale G. Renlund, izay



Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'izany izy tany. Ny Loholona Dale G. Renlund izay mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo amin'izao fotoana izao, dia mahatsiaro fatratra ny fotoana niarahan'izy ireo.

"Ny Loholona Soares dia mpianatr'i Jesoa Kristy feno fientanentanana sy feno fanoloran-tena," hoy ny Loholona Renlund. "Tsy mahafantatra olona aho izay mahatsapa ho matanjaka kokoa satria eo amin'ny faritry ny Tompo izy. Ary raha asaina manao zavatra iray izy, dia ataony amin'ny heriny rehetra izany."

Nilaza izy fa "latsa-pitia" haingana tamin'ireo Olomasina tany Afrika ny Loholona Soares. Ny iray amin'ireo asa nanirahana azy voalohany tao amin'io vondrom-paritra io dia ny hiahy ny fihaonamben'ny tsatòka tany Kananga, Repoblika Demôkratikan'i Congo. "Rehefa niverina izy dia tsy nitsaha-niresaka momba ny hatsarana sy ny fanoloran-tenan'ireo olona nihaona taminy," hoy ny Loholona Renlund.

Ny Loholona L. Whitney Clayton, izay niara-nanompo tamin'ny Loholona Soares nandritra ny dimy taona sy tapany tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, dia miantso ny Loholona Soares ho mpanangana fifanarahana. "Mihaino sy mandrefy ny eritreriny izy. Mitandrina ny fomba hitondrany ny tenany izy ao amin'ireo fivoriana mba ho lasa toy ny an'ny amboaram-peo ny feonay, fa tsy ho toy ny mpihira feo tokana mifaninana."




Teo anivon'ireo Olomasina tany Pérou (havia), Ghana (ambany), ary ireo firenena hafa nanompoan'ny Loholona Soares, "mora tia olona" ny Loholona Soares hoy ny Loholona Claudio R. M. Costa.



Na dia eo aza ny asany mafy sy ny fivezivezena fatratra nandritra ny taona maro, dia nametraka ny vadiny sy ny zanany ary ny zafikeliny (ambany havia) ho lohalaharana hatrany teo amin'ny fiainany ny Loholona Soares. Nanokana fotoana, niaraka tamin'ny vadiny, mba ho tonga mpanao lakozia matihanina (havia indrindra) ihany koa izy.

SARY MIARAKA AMIN'I ROSANA VADINY, EO ANOLOAN'NY TEMPOLIN'I SALT LAKE, NALAIN'I KRISTIN MURPHY, *DESERET NEWS*

Maneho fanetrentena ny Loholona Soares eo amin'ny fahafahany miresaka amin'ny teny pôrtogay, anglisy, espaniôla, ary frantsay. Kanefa izany fanomezam-pahasoavana izany, izay mitaky fitandremana tsy tapaka, dia fitahiana ho an'ny Fiangonana, hoy ny Loholona Clayton. Afaka miresaka amin'ny ankamaroan'ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny fiteni-n'izy ireo ny Loholona Soares.

"Mpitarika efa hatramin'izy mbola zazalahy i Ulisses," hoy ny Loholona Claudio Costa momba ny zaodahiny. "Tena marani-tsaina izy ary tena mahavita zavatra, ary tsapany ilay andraikitra hoe hanolotra ny tsara indrindra vitany. Mora aminy ny mitia ireo izay manodidina azy. Manana ny fon'ny tena mpianatry ny Mpamonjy izy, ary manana ny fijoroana ho vavolombelona azo antoka fa i Jesoa no ilay Kristy. Tiako izy ary feno fankasitrahana aho manohana azy amin'ny maha-Apôstôlin'ny Tompo azy."

Ary ny Loholona David A. Bednar, raha niresaka momba ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanampy hoe: "Ny Loholona Soares dia mpianatry ny Mpamonjy tsy misy pentina, tsy misy fitaka, ary tsy manan-tsiny. Olona sy fianakaviana tsy tambo isaina no nahazo sy mahazo ary hahazo fitaomampanahy mba hanana faniriana lehibe kokoa hanaraka ny Mpamonjy sy hiaina ireo fitsipiky ny filazantsarany amin'ny alalan'ny hazavana eny amin'ny endriny, sy ny tsikiny mahafinaritra, ary ny fihetsiny feno fitiavana."

Amin'izao fotoampitantanana misy antsika izao dia nilaza momba an'i Edward Partridge ny Tompo nanao hoe: "Ny fony madio eo anoloako, fa izy dia tahaka an' i Natanaela fahiny izay tsy misy fitaka ao aminy."[5] Ny Tompo dia nilaza momba an'i Hyrum Smith hoe: "Fa Izaho Tompo dia tia azy noho ny fahitsian' ny fony, ary satria tia izay marina eo anoloako izy."[6]


Torak'izany koa no lazain'ny Tompo momba an'i Ulisses Soares. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 1:47.
2. Jereo ny James E. Talmage, *Jésus le Christ* (1916), 217–18, 222.
3. "Miteny amin'ny herin'ny Fanahy Masina ireo mpaminany," *Liahona,* mey 2018, 98.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:10.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41:11.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:15.

# Ny zavatra tian'ny **eveka tsirairay** ho fantatr'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny

*Ireto misy fahamarinana miisa valo nianarako nandritra ny naha-eveka ahy.*



Nosoratan'i Michael Meyers

Nanana fahafahana tena tsara mba ho lasa eveka aho. Nandritra ireo taona ireo dia nianatra lesona bebe kokoa izay azoko tanisaina aho. Fa nianatra fahamarinana miisa valo aho izay inoako fa iainan'ny eveka rehetra. Na dia tsy tafiditra ato amin'ity lisitra ity avokoa aza ny zavatra rehetra dia ezaka nataoko ity mba hizarana ny zavatra andrasan'ny eveka tsirairay ho fantatry ny mpikambana ao amin'ny paroasiny.

**1. Tia ny mpikambana tsirairay ao amin'ny paroasiny amin-kitsim-po ny eveka.**

Mifandray amin'ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy antsika ny fitiavan'ny eveka iray ny paroasiny. Rehefa mitazana ireo mpikambana ao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo iray ny eveka iray, dia mitoetra eo aminy amin'ny fomba izay tsy mbola tsapany hatrizay ny fangorahana sy ny fiombonam-po amin'ny mpikambana. Rehefa mijoro eo amin'ny polipitra ny eveka iray ka milaza ny halehiben'ny fitiavany an'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny, dia tena avy amin'ny fo sy tena marina ny zavatra tsapany. Fantaro fa ny evekanareo dia tia anareo, mieritreritra ny aminareo, ary miraharaha anareo mihoatra ny hahafantaranareo izany.










**2. Ny eveka dia tohanana amin'ny lafiny ara-batana sy ara-pihetseham-po ary ara-panahy amin'ny alalan'ny finoana sy vavaka ataon'ireo mpikambana.**

Mandany ora marobe mba hanompoana ny eveka iray. Matetika izy no mandany ora maro any am-piangonana rehefa alahady sy mandany fotoana fanampiny amin'ny hariva mandritra ny herinandro rehefa avy miasa mba hamangiana, hanaovana dinidinika, ary hikarakarana ny mpikambana ao amin'ny paroasiny.

Afaka manao izany isan-kerinandro ny eveka noho ny finoana sy ny vavak'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy. Fony aho eveka vao nantsoina, dia nilatsaka ho azy ny ranomasoko isak'izay nandre mpikambana iray nivavaka mba "hitahiana ny eveka." Ny vavaka ataonareo amimpinoana dia tena voavaly tokoa, ary mandray sy mahatsapa ny fitaomana manohana avy amin'ireo vavaka ireo ny eveka. Mamaly ireo vavaka feno fahatokiana ireo eo ambony lohan'ireo evekan'ny Fiangonana ny Tompo.

**3. Matetika ny eveka no mahatsapa ho faran'izay tsy mendrika ilay antso (na dia afaka telo na efa-taona taorian'ny niantsoana azy aza).**


Vitsy dia vitsy ny eveka fantatro izay nahatsapa fa tena "vonona" ny hanao ilay antso. Fantatro kosa anefa fa "izay antsoin'ny Tompo dia ny Tompo no manomana azy."[1] Rehefa mahafantatra ny eveka iray fa manomboka ho voaomana ny hanao ilay antso izy, dia sahirana ihany koa izy amin'ny fahatsapana fa toa tsy hahavita tsara ilay antso mihitsy. Hanao izay tsara indrindra vitany izy hanome torohevitra hendry rehefa ilaina izany, sy tsy hanafintohina olona, ary ho vonona tsara hahatsapa ny Fanahy, kanefa mbola hanontany tena ihany izy indraindray raha toa ka azo ekena ny fomba hanatanterahany ny antsony.

KISARISARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

**4. Afaka miasa amin'ny alalan'ny eveka ny Fanahin' Andriamanitra rehefa manoro hevitra an'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy izy.**

Rehefa nanontaniana momba ny zavatra mampanembona ahy indrindra tamin'ny naha-eveka ahy aho, dia nolazaiko tamin'ny olona fa malahelo ny fitaomana mahery vaikan'ny Fanahy izay niaraka tamin'ny fahefana nananan'ny eveka iray aho. Na rehefa mampionona ireo izay namoy havan-tiana, na miresaka amin'ireo izay sahirana noho ny vady tsy mahatoky, na miantso olona hibebaka, dia ny Fanahin' Andriamanitra sy ny fanahin'ny fanambarana no Fanahy afaka miaraka amin'ny eveka mahatoky iray.

Vao haingana no nisy mpikambana tao amin'ny paroasy efa nifindra nangataka fanampiana tamiko mba hamahana olana an'ny tena manokana vitsivitsy. Nifindra tany amin'ny paroasy iray vaovao izy ka tsy hainy hoe te handeha any amin'ny evekany vaovao ve izy sa tsia mba hangataka fitarihana. Nozaraiko taminy ny zavatra izay efa nozaraiko imbetsaka hatramin'ny nisaorana ahy, dia ny hoe na dia faly ny hanampy aza aho dia tsy mihazona ny fanalahidy hazonin'ny eveka iray intsony, ary ireo fanalahidy ireo dia mety ho tena manan-danja lehibe amin'ny fanomezana ny fanampiana izay ilainy. Nandroso hevitra aho ny mba hiresahany amin'ny evekany. Niresaka taminy aho roa herinandro taty aoriana, dia nilaza izy fa nihaona tamin'ny evekany, ary toy ireny hoe efa nahafantatra ny olana nananany sy ny fomba tsara indrindra hanampiana azy ireny ilay eveka. Raha toa ka azo antoka fa mety ho diso tokoa ny eveka, ny Tompo kosa dia mitaona ny fanahiny, mitarika azy, ary mitahy fiainan'olona amin'ny alalan'ny torohevitra avy amin'ny fitaomampanahy izay omeny.




**5. Tsy tonga lafatra ny eveka. Indraindray izy dia manao fahadisoana ary indraindray dia tsy mety ny ataony.**

Na izany na tsy izany ireo eveka dia olombelona ihany. Tsy lavorary izy ireo, manana fahalemena, ny fiheviny manokana, ary ny olany manokana. Ny Fanahy masina no manomana ilay lehilahy izay mihazona ny anjara fanompoan'ny eveka, fa ilay eveka dia mbola olona iharan'ny olana sy ny fahalemena izay mihatra amintsika rehetra ihany.

Tsy tokony hampihena ny fanajantsika ny antsony na ny fihainoantsika ny toroheviny izany zavatra fantatsika izany. Mahafantatra tsara ny fahalemeny ny eveka iray ary miezaka ny handresy izany, na tsy mamela izany, farafaharatsiny, hanimba ny fanompoany amin'ny mahaeveka azy. Na dia eo aza ny ezaka mafy ataony dia tsy ho lavorary foana izy.

**6. Ny eveka dia mahatsapa fa tsy hanana fotoana ampy na oviana na oviana izy hijerena ireo mpikambana ao amin'ny paroasy na hahafahana hanao soa betsaka.**

Isan'andro ny eveka iray dia manontany tena ny amin'izay olona hafa azony nampiana na tokony ho nampiana tamin'io andro io. Tiako raha mba afaka niresaka matetika tamin'ny mpikambana tsirairay aho, saingy nanana asa tamin'ny fotoana feno aho, manana ny fianakaviako, nanana ny fandaharan'asa ho an'ny zatovo, ary nanana ireo mpikambana sasantsasany tao amin'ny paroasy izay nila fanampiana lehibe. Tsy nisy fotoana ampy tsotra izao mba hiresahana matetika tamin'ny mpikambana tsirairay.

Na izany aza anefa, tamin'ny naha-eveka ahy, dia nitaona ahy ny Fanahy indraindray mba hamangy mpikambana iray izay nanana olana. Imbetsaka ireo famangiana ireo no nanomboka tamin'ny fitenenan'izy ireo hoe: "Fantatro fa ho avy ianao." Ny Fanahy tsapanay dia matetika no nanenika anay rehefa samy tonga saina izahay fa ilay famangiana dia porofo fa mamaly vavaka Andriamanitra.

Nankafiziko ihany koa ny fomba fandraisan'ireo mpikambana mavitrika "nanana fijoroana ho vavolombelona matanjaka" ahy tany an-tranony. Mandeha mivavaka isan-kerinandro ireo olona mahafinaritra ireo, manompo amim-pahatokiana amin'ireo antso, tsy hita tety ivelany hoe manana olana goavana, ary mazàna no tsy voavangin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana matetika. Feno fankasitrahana izy ireo nanana fotoana nifanatrehan-tava tamin'ny evekany. Mamelà ahy hiteny aminareo rehetra hoe "Misaotra! Tohizo hatrany! Fantaro fa tia anareo ny evekanareo ary hamangy anareo bebe kokoa izy raha afaka."

**7. Tena ilain'ny evekanareo marina tokoa sy amin-kitsim-po ny hifanompoanareo.**

Fony aho eveka, rehefa nisy nilaza tamiko fa nisy mpikambana iray nanana olana, dia nanontany foana aho hoe: "Iza no mpampianatra sy mpamangy azy isan-tokantrano?" Fomba iray nanaovana tomban'ezaka izany fa ho voaray an-tanana ny fanomezana ny zavatra ilain'ilay mpikambana tamin'ilay fotoana sy amin'ny ho avy. Ny eveka izay manompo kanefa tsy mahazo fanampiana avy amin'ireo mpikambana hafa ao amin'ny paroasy sy ny tsatòka dia voafetra ihany ny loharanom-panampiana ananany. Azo antoka fa afaka, ary ho afaka, ny hamangy olona mandalo fotoan-tsarotra izy. Kanefa raha miaraka amin'ny olona ao amin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana izay afaka miara-miasa aminy izy, dia ho betsaka kokoa ny olona azony tompoina.

Izany no atao hoe fanompoana. Misy fotoana hanadinoan'ny sasany amintsika ny antony hifanompoantsika: Nandidy antsika ny Tompo mba "hifankatia" (Jaona 13:34). Fantaro fa ny evekanareo dia mampiasa ny fanompoana ho toy ny fomba nentanim-panahy mba "handraisany anjara bebe kokoa" eo amin'ny fiainan'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy.




**8. Maniry mba ho afaka hanao ny zava-drehetra ho an'ny ondriny ny eveka.**

Amin'ny fotoana rehetra, na andro na alina, na tsodranon'ny fisoronana izany, na fanoroana hevitra ny ankizy iray mania, na fihazakazahana ho any amin'ny toerana iray nisehoan'ny loza, dia tiany ny hanao izay rehetra ilain'ny mpikambana iray. Tsy afaka manao foana ny zavatra rehetra izy, ary mety tsy ho izy no olona ilaina amin'ny toe-java-misy rehetra, kanefa aza matahotra ny hangataka fanampiana rehefa mila izany ianareo. Fantaro fa eo ny eveka mba hanompo amin'ireny fotoana ireny ary samy mahazo fitahiana lehibe ianareo noho ny fiarahanareo miasa.

Feno fankasitrahana aho noho ny fahafahana masina nananako mba hanompo tamin'io antso masina io. Nandritra ny fanompoako dia niainga tamin'ny zavatra ninoana nankany amin'ny fahalalana aho. Tsy mino fotsiny intsony aho hoe marina ny filazantsara. Fantatro fa marina izany. Tsy mino fotsiny intsony aho hoe mahafantatra ahy Andriamanitra. Fantatro fa Andriamanitra dia tena mahafantatra tanteraka ny tsirairay avy amintsika, ny amin'ny fiainantsika isan'andro ary ny olana ananantsika manokana. Ankoatra izay dia fantatro fa miasa amin'ny alalan'ireo mpanompony Izy, indrindra fa ireo izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana. Fantatro fa tsy afaka nanompo tamin'ny naha-eveka ahy aho raha tsy teo ny firotsahan' Andriamanitra an-tsehatra ao anatin'ity asa ity. Ny fahamarinan'ny filazantsara sy ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany no mahatonga ny eveka tsirairay afaka manompo. ■


*Monina any Utah, Etazonia ny mpanoratra.*



**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, "Duty Calls," *Ensign,* mey 1996, 44.


HOLY BIBLE



TOKO 8

# Ny Fitsanganan'ny Fiangonan'i Kristy

*Ity no toko faha-8 ao amin'ny boky vaovao miisa efatra misy ny fitantarana ny tantaran'ny Fiangonana izay mitondra ny lohateny hoe* Olomasina: Ny tantaran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao andro farany izao. *Io boky io dia misy amin'ny fiteny miisa 14 izay voatonta printy sy hita ao amin'ny fizarana Histoire de l'Église ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile, ary en ligne ao amin'ny saints.lds.org. Ireo toko teo aloha dia navoaka tao anatin'ireo laharan'ny gazetiboky efa nivoaka teo aloha ary misy amin'ny fiteny miisa 47 ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile, ary ao amin'ny saints.lds.org.*

Tany amin'ny fiandohan'ny volana jolay 1828, niaraka tamin'ny rakitsoratra natao sora-tanana teny aminy, dia fantatr'i Joseph fa tian'ny Tompo izy hamoaka ny Bokin'i Môrmôna ary hanaparitaka ny hafatra ao amin'izany na aiza na aiza. Saingy tsy nahazatra azy sy ny fianakaviany ny asa famoahana boky. Nila niaro ilay rakitsoratra natao sora-tanana ho amin'ny toerana azo antoka izy, sy nitady mpanonta boky, ary hanao izay hahatonga ilay boky ho eny an-tanan'ny olona izay vonona ny hanaiky ny mety hisian'ny soratra masina vaovao.

Tsy ho mora ihany koa ny famoahana boky lava be iray toy ny Bokin'i Môrmôna. Tsy nihatsara ny toe-bolan'i Joseph hatramin'ny nanombohany ny fandikan-teny, ary ny vola rehetra azony dia nankany amin'ny famelomana ny fianakaviany. Torak'izany koa ny an'ireo ray aman-dreniny, izay mbola tantsaha mahantra niasa tamin'ny tany izay tsy azy ireo. Ny hany naman'i Joseph afaka namatsy vola ho an'ilay tetikasa dia i Martin Harris.

Nanomboka niasa haingana i Joseph. Mialoha ny nahatontosany ny fandikan-teny dia efa napetrany ny zon'ny mpamorona mikasika ilay boky mba hiarovana ilay lahatsoratra amin'izay olona mety hangalatra na haka izany ho an'ny tenany.[1] Nanomboka nitady mpanonta boky izay hanaiky ny hamoaka ilay boky ihany koa i Joseph, niaraka tamin'ny fanampian'i Martin.

Nandeha tany amin'i Egbert Grandin aloha izy ireo, mpanonta boky iray tao Palmyra izay nitovy taona tamin'i Joseph. Nolavin'i Grandin ilay fangatahana tamin'ny voalohany satria nihevitra izy fa hosoka ilay boky. Tsy kivy i Joseph sy i Martin fa nanohy nitady ka nahita mpanonta boky tao amin'ny tanàna iray tsy lavitra teo. Kanefa talohan'ny naneken'izy ireo ny tolotra nomen'ity mpanonta boky ity dia niverina tany Palmyra izy ireo ary namerina nanontany an'i Grandin raha toa ka naniry ny hamoaka ilay boky izy.[2]

Tamin'ity indray mitoraka ity dia toa vonona kokoa ny handray ilay tetikasa i Grandin, saingy naniry ny homena vola 3.000 dôlara izy hanontana sy hanambarana boky miisa dimy arivo mialoha ny nanombohan'ny asa. Efa nampanantena ny

*NANENDRY AN'I JOSEPH SMITH I OLIVER COWDERY, NATAON'I WALTER RANE*

hanampy amin'ny fiantohana ny fanontana i Martin, kanefa mba hahafahana manana vola be toy izany dia fantany fa mety mila manao antoka ny toeram-pamboleny sy fiompiany izy. Enta-mavesatra be ho an'i Martin izany, kanefa fantany fa tsy misy olon-kafa amin'ireo naman'i Joseph mety afaka hanampy azy amin'io vola io.

Sahiran-tsaina i Martin ka nanomboka niahiahy sao tsy mety ny hamatsiany vola ho an'ny Bokin'i Môrmôna. Anisan'ireo toeram-pambolena sy fiompiana tsara indrindra teo amin'ilay faritra io nananany io. Raha toa ka nanao antoka izany tany izany izy dia mety ho very izany. Mety hanjavona ao anatin'ny indray mipi-maso ny harena nohariany nandritra ny andro-piainany manontolo raha toa ka tsy mandeha tsara ny fivarotana ny Bokin'i Môrmôna.

Nolazain'i Martin tamin'i Joseph ny ahiahiny ary nangataka taminy izy mba hikatsaka fanambarana ho azy. Ho valin'izany dia niresaka momba ny sorona nataony ny Mpamonjy mba hanaovana ny sitrapon'ny Rainy, na inona na inona saran'izany. Nofariparitany ny fijaliany lehibe indrindra teo am-panefany ny saran'ny fahotana, mba hahafahan'ny rehetra mibebaka sy ho voavela heloka. Dia nandidy an'i Martin Izy avy teo mba hahafoy ny tombontsoany manokana ho fanatontosana ny drafitr' Andriamanitra.

*"[Aoka ianao tsy hitsiriritra] ny fanananao ihany," hoy ny Tompo tamin'i Martin Harris fa "[aoka izany homenao] malalaka ho fanontana ny Bokin'i Môrmôna."*

"'Tsy hitsiriritanao ny fanananao ihany," hoy ny Tompo, "fa ny hanomezanao izany malalaka ho fanontana ny Bokin' i Môrmôna." Nanome toky an'i Martin ny Tompo fa io boky io dia ahitana ny teny marina nataon' Andriamanitra, ary hanampy ny hafa hino ny filazantsara.[3]

Na dia tsy takatr'ireo mpifanolobodirindrina taminy aza ny fanapahan-keviny dia nankatò ny Tompo i Martin ary nanao antoka ny toeram-pamboleny sy fiompiany mba hiantohanany vola haloa.[4]

Nanao sonia ny fifanarahana i Grandin ary nanomboka nandrindra ilay tetikasa goavana.[5] Nahadika ny lahatsoratry ny Bokin'i Môrmôna tao anatin'ny telo volana i Joseph, izay nampian'ny mpitantsoratra iray isaky ny mandeha. Nila fito volana ny lehilahy roa ambin'ny folo niaraka tamin'i Grandin mba hanontana sy hanambarana ireo tahadika voalohany izay nahitana pejy 590.[6]

Rehefa nanana mpamoaka boky nokaramaina i Joseph dia niverina tany Harmony tamin'ny ôktôbra 1829 mba hiasa ao amin'ny toeram-piompiana sy famboleny ary mba hiaraka amin'i Emma. I Oliver, sy i Martin, ary i Hyrum, tetsy andaniny, dia nanara-maso ny fanontana ary nandefa vaovao tsy tapaka tany amin'i Joseph momba ny fivoaran'ny asan'i Grandin.[7]

Raha nahatsiaro ny hakiviana tsapany tamin'izy nanary ireo pejy voalohany nadikany i Joseph dia nangataka tamin'i Oliver izy mba handika ny pejy tsirairain'ny Bokin'i Môrmôna natao sora-tanana, ka nanao dika mitovy hoentina any amin'ilay mpanonta boky mba hanampiana ireo mari-piatoana sy hamaritana ny endri-tsoratra.[8]

Nankafy ny fandikana ilay boky i Oliver, ary feno ny fiteny avy ao amin'izany ireo taratasy nosoratany tamin'izany fotoana izany. Niombo-kevitra tamin'i Nefia sy i Jakoba ary Amioleka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna i Oliver ka nanoratra tamin'i Joseph momba ny fankasitrahany ny Sorompanavotana tsy misy fetra nataon'i Kristy.

"Rehefa manomboka manoratra momba ireo fahasoavan' Andriamanitra aho," hoy izy tamin'i Joseph, "dia tsy haiko hoe rahoviana no hijanona, saingy ny fotoana sy ny taratasy no tsy ampy."[9]

Izany fanahy izany ihany no nisarika ny hafa tamin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa natonta io boky io. I Thomas Marsh, izay mpianatra mpanonta boky teo aloha, dia niezaka nitady ny toerany tany amin'ny fiangonana hafa maro, kanefa toa tsy nisy na iray aza tamin'izy ireny ka hoe nampianatra ny filazantsara hitany ao amin'ny Baiboly. Nino izy fa hisy fiangonana vaovao hitsangana tsy ho ela ka hampianatra fahamarinana naverina tamin'ny laoniny.

Tamin'io fahavaratra io dia nahatsapa ho notaomin'ny Fanahy i Thomas handeha kilaometatra an-jatony miala ny tranony tao Boston hankany New York andrefana. Nijanona tao nandritra ny telo volana izy mialoha ny nandehanany nody, tsy nahalala mazava ny antony nanaovany dia lavitra toy izany. Rehefa nijanona teny an-dalana hody anefa izy dia nanontany azy ilay mpampiantrano azy raha toa izy ka efa naheno momba ny "boky volamenan'" i Joseph Smith. Nilaza tamin'ilay vehivavy i Thomas fa tsy mbola naheno izany izy ary nahatsapa ho toy ny misy nanery azy hanadihady lalindalina kokoa.

Nilaza taminy ilay vehivavy fa tokony hiresaka amin'i Martin Harris izy ka nasainy nandeha tany Palmyra izy. Nandeha tany avy hatrany i Thomas ka nahita an'i Martin tao amin'ny trano printin'i Grandin. Nomen'ilay mpanonta boky pejy miisa enina ambin'ny folo tamin'ny Bokin'i Môrmôna izy, dia nentin'i Thomas niverina tany Boston ireo, ary tsindrian-daona izy hizara ny tsiron'ity finoana vaovao ity tamin'i Elizabeth vadiny.

Namaky ireo pejy i Elizabeth, ary izy koa dia nino fa asan' Andriamanitra izy ireo.[10]

Tamin'io fararano io, raha nandroso haingana ny asan'ireo mpanonta boky nanomana ny Bokin'i Môrmôna, dia nisy mpitsara teo aloha nantsoina hoe Abner Cole izay nanomboka namoaka gazety iray tao amin'ny trano printin'i Grandin. Raha niasa alina i Abner, rehefa lasa nody ireo mpiasan'i Grandin, dia mora ho azy ny naka ireo pejy vita printy avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, izay tsy mbola voatambatra na koa vonona ny hamidy.

Dia nanomboka nanaraby ilay "Baiboly volamena" tao amin'ny gazetiny i Abner, ary nandritra ny ririnina dia nanonta ampahan-dahatsoratra avy tao amin'ilay boky izy niaraka tamin'ny fanamarihana nanesoeso.[11]

Rehefa henon'i Hyrum sy i Oliver ny zavatra nataon'i Abner, dia nifanehitra taminy izy ireo. "Avy aiza moa no anananao zo hanonta ny Bokin'i Môrmôna amin'izao fomba izao?" Hoy i Hyrum nanontany. "Tsy fantatrao va fa nahazo ny zon'ny mpamorona izahay?"

"Tsy misy idiranao izany," hoy i Abner. "Nanofa ny trano printy aho ary hanonta izay tiako."

"Mandrara anao aho tsy hanonta na inona na inona intsony avy ao amin'io boky io ao amin'ny gazetinao," hoy i Hyrum.

"Tsy raharahako izany," hoy i Abner.

Raha tsy nahafantatra mazava izay tokony hatao i Hyrum sy i Oliver, dia nandefa hafatra tany amin'i Joseph tany Harmony izy ireo, izay niverina haingana dia haingana nankany Palmyra. Hitany tao amin'ny efitra fanontana i Abner, teo am-pamakimakiana ny gazetiny ihany.

"Toa miasa mafy ianao izany," hoy i Joseph.

"Manao ahoana ianao, Andriamatoa Smith," hoy i Abner namaly tamin'ny fomba feno eso.

"Andriamatoa Cole," hoy i Joseph, "ny Bokin'i Môrmôna sy ny zo hamoaka izany dia ahy, ary mandrara anao aho tsy hiditra amin'izany."

Natsipin'i Abner ny palitaony dia namoritra ny tanan'akanjony izy. "Te hiady angaha ianao, Andriamatoa?" hoy izy nivazavaza, sady namokona ny totohondriny roa. "Raha te hiady ianao dia avia fotsiny."

Nitsiky i Joseph. "Tsara kokoa raha anaovanao ny palitaonao," hoy izy. "Mangatsiaka ny andro, ary tsy hiady aminao aho." Notohizany tamim-pilaminana hoe: "Saingy mila manajanona ny fanontana ny bokiko ianao."

"Raha mihevitra ianao fa ianao no lehilahy tsara indrindra," hoy i Abner, "dia esory ny palitaonao ary andramo raha maharesy ahy."

"Misy lalàna ity tany ity," hoy i Joseph namaly, "ary hahalala izany ianao raha toa ka tsy mbola nahafantatra izany hatramin'izay. Saingy tsy hiady aminao aho, satria tsy hitondra zava-tsoa izany."

Fantatr'i Abner fa diso izy teo anatrehan'ny lalàna. Nitony izy ary nitsahatra tamin'ny fanontana ampahan-dahatsoratra avy tao amin'ny Bokin'i Môrmôna tao amin'ny gazetiny.[12]

I Solomon Chamberlin, izay pasitera iray teny an-dalana ho any Kanadà, dia nandre voalohany momba ilay "Baiboly Volamena" tamin'ny fianakaviana iray izay nipetrahany tao akaikin'i Palmyra. Tahaka an'i Thomas Marsh, dia nifindrafindra fiangonana koa izy nandritra ny androm-piainany saingy nahatsapa ho tsy afa-po tamin'ny zavatra hitany. Ny fiangonana sasany dia nitory ireo fitsipiky ny filazantsara ary nino ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy, saingy tsy nanana mpaminanin' Andriamanitra na ny fisoronany. Tsapan'i Solomon fa ho avy ny fotoana izay hamoahan'ny Tompo ny fiangonany.

Rehefa nihaino ilay fianakaviana niresaka momba an'i Joseph Smith sy ireo takela-bolamena i Solomon dia nahatsapa toy ny herinaratra niainga avy eny an-tampon-doha ka hatrany am-paladia, ka nanapa-kevitra ny hitady ny fianakaviana Smith sy hianatra bebe kokoa momba ilay boky.

Nandeha nankany amin'ny tranon-dry Smith izy ka nihaona tamin'i Hyrum teo am-baravarana. "Fiadanana anie ho an'ity trano ity," hoy i Solomon.

"Antenaiko fa ho fiadanana izany," hoy i Hyrum namaly.

"Misy olona ve ato," hoy i Solomon nanontany, "izay mino ny fahitana na ny fanambarana?"

"Eny," hoy i Hyrum, "tia fahitana ny olona ato amin'ity trano ity."

Noresahin'i Solomon tamin'i Hyrum ny momba ny fahitana iray izay hitany taona maro lasa tany aloha. Tao anatin'izany, dia nisy anjely iray nilaza fa tsy nanana fiangonana teto ambonin'ny tany Andriamanitra saingy tsy ho ela dia hanangana anankiray izay hanana fahefana tahaka ilay fiangonan'ireo apôstôly fahiny. Takatr'i Hyrum sy ireo hafa tao an-trano ny zavatra nolazain'i Solomon ary nilaza taminy izy fa mino ny zavatra inoany koa izy ireo.

"Iriko ny hampahafantaranareo ny sasany amin'ireo zavatra hitanareo," hoy i Solomon. "Mino aho fa zakako izany."

Nanasa azy hivahiny tao amin'ny toeram-pambolena sy fiompian-dry Smith i Hyrum ary nampiseho taminy ny Bokin'i Môrmôna natao sora-tanana. Nandalina izany nandritra ny roa andro i Solomon ary niaraka tamin'i Hyrum nankany amin'ny trano printin'i Grandin, ka nomen'ilay mpanonta boky pejy vita printy miisa efatra amby enimpolo. Niaraka tamin'ireo pejy tsy voatambatra teny aminy, nanohy ny diany nankany Kanadà i Solomon, nitory ny zavatra rehetra fantany momba ilay finoana vaovao eran'ny ny lalana.[13]

Tamin'ny 26 martsa 1830, dia voatambatra ireo tahadika voalohan'ny Bokin'i Môrmôna ary azo nojifaina

tao amin'ny ambany rihan'ny trano printin'i Grandin. Natambatra mafy tsara tamin'ny hoditra zanak'ondry volontany izany ary namofona hoditra sy lakaoly, taratasy ary ranomainty. Ireo teny hoe *Bokin'i Môrmôna* dia hita teo amin'ny rirany tamin'ny litera volamena.[14]

Nankamamy ilay soratra masina vaovao i Lucy Smith ka nandray izany ho toy ny famantarana fa hanangona tsy ho ela ny zanany Andriamanitra ary hamerina amin'ny laoniny ny fanekempihavanany taloha. Ny pejin-dohateny dia nanambara fa ny tanjon'ny boky dia ny hampiseho ireo zava-dehibe nataon' Andriamanitra tamin'ny vahoakany tany aloha, ny hanolotra ireo fitahiana ireo ihany ho an'ny vahoakany ankehitriny, ary ny handresy lahatra ny tany manontolo fa i Jesoa Kristy no Mpamonjin'izao tontolo izao.[15]

Tao anatin'ilay boky dia nahitana ny tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo sy ireo Vavolombelona Valo, nilaza tamin'izao tontolo izao fa nahita ireo takelaka izy ireo ary nahafantatra fa marina ny fandikan-teny.[16]

*Nivory tao an-tranon'ny fianakaviana Whitmer i Joseph sy i Oliver tamin'ny 6 aprily 1830 mba hanaraka ny didin'ny Tompo sy hanorina ny Fiangonany.*

Na dia teo aza ireo tenivavolombelona ireo dia fantatr'i Lucy fa nihevitra ilay boky ho tantara noforoniny ny olona sasany. Maro tamin'ireo mpifanolobodirindrina taminy no nino fa soratra masina ampy ho azy ireo ny Baiboly, tsy nahafantatra fa nomen' Andriamanitra ny firenena maro mihoatra noho ny iray ny teniny. Fantany ihany koa fa ny olona sasany dia nandà ny hafatra ao amin'izany satria nino izy ireo fa efa niresaka indray mandeha tamin'izao tontolo izao Andriamanitra ary tsy hiresaka intsony.

Noho ireo antony ireo sy ny antony hafa dia tsy nividy ilay boky ny ankamaroan'ny olona tao Palmyra.[17] Saingy nandalina ireo pejin'ilay boky ny sasany, ka nahatsapa ny herin'ny fampianarana ao amin'izany, ary nandohalika mba hanontany ny Tompo raha toa ka marina izany. I Lucy manokana dia nahafantatra fa ny Bokin'i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra ary naniry ny hizara izany tamin'ny hafa izy.[18]

Saika raha vantany vao navoaka ny Bokin'i Môrmôna, dia niomana ny hanangana ny fiangonan'i Jesoa Kristy i Joseph sy i Oliver. Volana maro talohan'izay, dia niseho tamin'izy ireo ireo apôstôlin'ny Tompo fahiny dia i Petera sy i Jakoba ary i Jaona, ary nanome azy ireo ny Fisoronana Melkizedeka, araka ny nampanantenain'i Jaona Mpanao Batisa. Ity fahefana fanampiny ity no nahafahan'i Joseph sy i Oliver nanome ny fanomezana ny Fanahy Masina tamin'ireo izay nataon'izy ireo batisa. I Petera sy i Jakoba ary i Jaona dia nanokana azy ireo ihany koa ho apôstôlin'i Jesoa Kristy.[19]

Nanodidina izany fotoana izany, raha nitoetra tao amin'ny tranon-dry Whitmer i Joseph sy i Oliver, dia nangataka fahalalana bebe kokoa momba ity fahefana ity izy ireo. Ho valin'izany dia nandidy azy ireo ny feon'ny Tompo mba hifanokana ho loholona ao amin'ny fiangonana, saingy tsy hanao izany raha tsy efa nisy mpino nanaiky ny hanaraka azy ireo ho mpitarika ao amin'ny fiangonan'ny Mpamonjy. Nasaina ihany koa izy ireo hanokana mpiandraikitra ao amin'ny fiangonana ary hanolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ireo izay natao batisa.[20]

Tamin'ny 6 aprily 1830 dia nihaona tao amin'ny tranondry Whitmer i Joseph sy i Oliver mba hanaraka ny didin'ny Tompo ka hanangana ny fiangonany. Mba hahafeno ny fepetra takin'ny lalàna, dia nisafidy olona enina izy ireo mba ho tonga mpikambana voalohany ao amin'ilay fiangonana vaovao. Nisy vehivavy sy lehilahy manodidina ny efapolo teo ihany koa nitangorona tao anatin'ilay trano kely sy teo ivelany nanatri-maso ny zava-nitranga.[21]

Ho fankatoavana ny torolalana nomen'ny Tompo teo aloha, dia nangataka ny mpiangona i Joseph sy i Oliver mba hanohana azy ireo ho mpitarika ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra ary haneho raha toa ka mety ho azy ireo ny hiorina ho fiangonana. Nanaiky avokoa ny olona tsirairay tamin'ny mpiangona, ary nametraka ny tanany teo amin'ny lohan'i Oliver i Joseph ka nanokana azy ho loholon'ny fiangonana. Dia nifanolo toerana izy ireo avy teo, ary nanokana an'i Joseph i Oliver.

Taorian'izany izy ireo dia nanamasina ny mofo sy ny divain'ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana ny Sorompanavotan'i Kristy. Avy teo izy ireo dia nametraka ny tanan'izy ireo teo amin'ireo izay nataony batisa, ka nandray azy ireo ho mpikamban'ny fiangonana ary nanolotra azy ireo ny fanomezana ny Fanahy Masina.[22] Nirotsaka be dia be tamin'ireo izay tao amin'io fivoriana io ny Fanahin'ny Tompo, ary nanomboka naminany ny sasany tamin'ireo mpiangona. Nidera ny Tompo ny sasany, ary niara-paly ny rehetra.

Nandray ny fanambarana voalohany ho an'ny fiangonana vaovao manontolo ihany koa i Joseph. "Indro, hisy rakitsoratra hotanana eo anivonareo," hoy ny Tompo nandidy, nampahatsiahy ny vahoakany fa tokony hanoratra ny tantara masiny izy ireo, hanokana tantara iray momba ny asany sy vavolombelon'ny anjara asan'i Joseph tamin'ny naha-mpaminany, mpahita ary mpanambara azy.

"Izy no notaomiko tamin' ny fanahiko mba hampandroso ny foto-kevitr' i Ziona amin' ny hery lehibe ho amin' ny tsara," hoy ny nambaran'ny Tompo. "Fa ny teniny dia horaisinareo toa ireny avy amin'ny vavako ireny, amin'ny faharetana sy ny finoana rehetra. "Fa amin'ny fanaovana ireny zavatra ireny, ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy anareo."[23]

Taty aoriana dia nijoro teo akaikin'ny ony iray i Joseph ary nanatri-maso ny batisan'ny reniny sy ny rainy mba ho lasa mpikamban'ny fiangonana. Taorian'ny taona maro nandehanan'izy ireo tamin'ny lalana samy hafa tamin'ny fizahan'izy ireo ny fahamarinana, dia tafaray tao amin'ny finoana ihany izy ireo nony farany. Rehefa nivoaka avy tao amin'ny rano ny rainy, dia noraisin'i Joseph tamin'ny tanany izy, ka nampiany hankeo amin'ny sisin-drano, ary nofihininy.

"Andriamanitro ô," hoy izy nihiaka, nitampify teo antratran-drainy, "niaina aho mba hahita ny raiko natao batisa tao amin'ny fiangonana marin'i Jesoa Kristy!"[24]

Tamin'io hariva io dia nitsofoka tao amin'ny ala teo akaiky teo i Joseph, ny fony heniky ny fihetseham-po. Naniry ny ho irery izy, tsy ho tazan'ireo namany sy ny fianakaviany. Tao anatin'ny folo taona taorian'ny Fahitana Voalohany, dia nahita ny lanitra nisokatra izy, nahatsapa ny Fanahin' Andriamanitra, ary nampianarin'ny anjely. Nanota ihany koa izy ary namery ny fanomezam-pahasoavana nananany, ka nahafahany nibebaka, sy nandray ny famindram-pon' Andriamanitra, ary nandika ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny heriny sy ny fahasoavany.

Ankehitriny dia naverin'i Jesoa Kristy tamin'ny laoniny ny fiangonany ary nanome lalana an'i Joseph Izy niaraka tamin'ilay fisoronana izay nohazonin'ireo apôstôly taloha ihany rehefa nitondra ny filazantsara tamin'izao tontolo izao izy ireo.[25] Lehibe loatra ho azy ny hafaliana tsapany ka tsy tanany, ary rehefa nahita azy i Joseph Knight sy i Oliver taty aoriana tamin'io alina io, dia teo am-pitomaniana izy.


Feno ny fifaliany. Nanomboka ilay asa.[26] ■

Misy lisitra feno maneho ireo asasoratra amin'ny teny Anglisy ao amin'ny saints.lds.org.

Ny teny hoe *Lohahevitra* ao amin'ny fanamarihana dia manondro fampahalalana fanampiny en ligne ao amin'ny saints.lds.org.

**FANAMARIHANA**

1. Copyright for Book of Mormon, 11 jona 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:76–81.
2. "Prospect of Peace with Utah," *Albany Evening Journal,* 19 mey 1858, [2]; "From the Troy Times," *Albany Evening Journal,* 21 mey 1858, [2]; John H. Gilbert, Memorandum, 8 sept. 1892, tahadika, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19 (Revelation, circa Summer 1829, ao amin'ny josephsmithpapers.org); jereo ihany koa ny Historical Introduction to Revelation, circa Summer 1829 [FF 19], ao amin'ny *JSP,* D1:85–89; sy ny Knight, Reminiscences, 6–7.
4. McBride, "Contributions of Martin Harris," 1–9; Joseph Smith History, 1838–56, boky A-1, 34, ao amin'ny *JSP,* H1:352 (andran-tsoratra 2).
5. John H. Gilbert, Statement, 23 ôkt. 1887, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana; Indenture, Martin Harris to Egbert B. Grandin, Wayne County, NY, 25 aog. 1829, Wayne County, NY, Mortgage Records, boky 3, 325–26, microfilm 479,556, Fanangonana rakitsoratra ho an'i Etazonia sy Kanadà, Tranomboky momba ny tantaran'ny fianakaviana; Historical Introduction to Revelation, circa Summer 1829 [DC 19], ao amin'ny *JSP,* D1:85–89.
6. Copyright for Book of Mormon, 11 jona 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:76–81; John H. Gilbert, Memorandum, 8 sept. 1892, tahadika, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana; Porter, "The Book of Mormon," 53–54.
7. John H. Gilbert, Memorandum, 8 sept. 1892, tahadika, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana; Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 9, [8]; Joseph Smith to Oliver Cowdery, 22 ôkt. 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:94–97.
8. John H. Gilbert, Memorandum, 8 sept. 1892, tahadika, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana; Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 9, [2]; "Printer's Manuscript of the Book of Mormon," ao amin'ny *JSP,* R3, Tapany 1:xxvi. **Lohahevitra:** Printing and Publishing the Book of Mormon (Fanontana sy famoahana ny Bokin'i Môrmôna)
9. Oliver Cowdery to Joseph Smith, 6 nôv. 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:100–101; Môsià 3:18–19; 5:5–7; 4 Nefia 1:17; jereo ihany koa ny Oliver Cowdery to Joseph Smith, 28 des. 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:101–4.
10. Thomas B. Marsh, "History of Thomas Baldwin Marsh," *LDS Millennial Star,* 4 jona 1864, 26:359–60; 11 jona 1864, 26:375–76.
11. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 9, [9]. Raha hijery ireo ohatra amin'ireo ampahan-dahatsoratra avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay navoakan'i Abner Cole, dia jereo ny "The Book of Mormon," *Reflector,* 16 sept. 1829, 10; "Selected Items," *Reflector,* 23 sept. 1829, 14; "The First Book of Nephi," *Reflector,* 2 jan. 1830, 1; ary ny "The First Book of Nephi," *Reflector,* 13 jan. 1830, 1. **Lohahevitra:** Critics of the Book of Mormon (Ireo mpanakiana ny Bokin'i Môrmôna)
12. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 9, [9]–[12]; Lucy Mack Smith, History, 1845, 166–68.
13. Chamberlin, Autobiography, 4–11.
14. Copyright for Book of Mormon, 11 jona 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:76–81; John H. Gilbert, Memorandum, 8 sept. 1892, tahadika, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana; "Book of Mormon," *Wayne Sentinel,* 26 mar. 1830, [3]. Ny boky sasany dia nofonosina hoditra ondry.
15. Title Page of Book of Mormon, circa early June 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:63–65; jereo ihany koa ny Lucy Mack Smith to Solomon Mack, 6 jan. 1831, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana.
16. Testimony of Three Witnesses, Late June 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:378–82; Testimony of Eight Witnesses, Late June 1829, ao amin'ny *JSP,* D1:385–87.
17. Tucker, *Origin, Rise, and Progress of Mormonism,* 60–61.
18. Jereo ny Lucy Mack Smith to Solomon Mack, 6 Jan. 1831, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana.
19. Joseph Smith History, circa Summer 1832, 1, ao amin'ny *JSP,* H1:10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:12–13 (Revelation, circa Aug. 1830, ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:3, edisiona 1835, ao amin'ny josephsmithpapers.org); Oliver Cowdery to Phineas Young, 23 mar. 1846, Tranomboky momba ny tantaran'ny Fiangonana; "Joseph Smith Documents Dating through June 1831," ao amin'ny *JSP,* D1:xxxvii–xxxix; jereo ihany koa ny Cannon and others, "Priesthood Restoration Documents," 163–207. **Lohahevitra:** Restoration of the Melchizedek Priesthood (Famerenana ny Fisoronana Melkizedeka tamin'ny laoniny)
20. Joseph Smith History, 1838–56, boky A-1, 27, ao amin'ny *JSP,* H1:326–28 (andran-tsoratra 2).
21. Joseph Smith History, 1838–56, boky A-1, 37, ao amin'ny *JSP,* H1:364 (andran-tsoratra 2); Stevenson, Journal, 22 des. 1877; 2 jan. 1887; An Act to Provide for the Incorporation of Religious Societies (5 apr. 1813), *Laws of the State of New-York* (1813), 2:212–19. **Lohahevitra:** Founding Meeting of the Church of Christ (Ny fivoriana nanorenana ny Fiangonan'i Kristy)
22. Joseph Smith History, 1838–56, boky A-1, 37–38, ao amin'ny *JSP,* H1:364–71 (draft 2).
23. Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 37, ao amin'ny *JSP,* H1:366; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21 (Fanambarana, 6 apr. 1830, ao amin'ny josephsmithpapers.org); "History of Joseph Smith," *Times and Seasons,* 1 ôkt. 1842, 3:928–29.
24. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 9, [12]; Knight, Reminiscences, 8; jereo ihany koa ny Bushman, *Rough Stone Rolling,* 110.
25. Joseph Smith History, 1838–56, boky A-1, 38, ao amin'ny *JSP,* H1:372 (andran-tsoratra 2); Joseph Smith, "Latter Day Saints," ao amin'ny Rupp, *He Pasa Ekklesia,* 404–5, ao amin'ny *JSP,* H1:506.
26. Knight, Reminiscences, 7.



**Nosoratan'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny naha-feno famindram-po ny Tompo


*Ilay andiam-boky vaovao miompana amin'ny tantaran'ny Fiangonana dia hanampy antsika hitandrina ny fanekempihavanantsika amin'ny alalan'ny fampitomboana ny fahatsiarovantsika ny zavatra nataon'ny Mpamonjy ho antsika.*

Vao voalohany efa akaiky ho zato taona izao, no misy andiam-boky vaovao ahitana ny tantaran'ny Fiangonana izay navoaka eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ity tantara ity, izay mitondra ny lohateny hoe *Olomasina: Ny tantaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao andro farany izao,* dia mitantara ny tantara marina momba ireo olon-tsotra izay lasa Olomasina tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo ny Môsià 3:19). Ny boky voalohany, *Ny fanevan'ny fahamarinana, 1815–1846,* dia efa vita amin'izao ary efa nadika ho amin'ny fiteny miisa 14 mba haparitaka any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao.

Ny *Olomasina* dia tantara mikasika ny fomba namerenan' Andriamanitra ny fanekempihavanany maharitra mandrakizay noho ny fitiavany an'ireo zanany. Izany dia maneho ny fomba namerenan'ny Tompo ny filazantsarany mba hitondra fanantenana sy fiadanana ao anatin'ny fotoan'ny hotakotaka sy ny fitsapana ary ny fahoriana. Izany koa dia maneho ny fomba hitarihan'ireo fanekempihavanana naverina tamin'ny laoniny ho amin'ny fisandratana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy.

Mety hieritreritra ianao hoe hanomboka amin'i Joseph Smith ilay tantara, saingy ny *Olomasina* dia manomboka ny taona 1815 izay miresaka ny fipoahan'ny Vôlkano iray tany Indônezia, izay niteraka fahafatesan'olona maro sy aretina ary fikatsoana.




SANTOS
1815–1846
EL
ESTANDARTE
DE LA VERDAD

***Nohavaozin' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny mpaminaniny ireo fanekempihavanana izay tsy manafoana ny faharatsiana, ny alahelo, ny fijaliana ary ny fisarahana amin'ny fahafatesana, kanefa mampanantena fanasitranana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, ary manome toky antsika fa ny fifandraisana dia afaka ny haharitra mandrakizay.***



Io zavatra nentina nanomboka io dia nofidina niainga avy tamin'ny zavatra nambaran'ny Tompo mikasika ny fomba namerenany tamin'ny laoniny ny fanekempihavanana izay mamatotra antsika amin'ny Mpamonjy ka manome fahafahana antsika handresy ireo olan'ny fiainana rehetra:

"Izaho Tompo dia mahalala ny antambo izay hanjo ny mponin'ny tany, ka niantso an'i Joseph Smith zanany mpanompoko sy niteny taminy avy any an-danitra ary nanome azy didy; . . .

"Mba ho azo aorina ny fanekempihavanako maharitra mandrakizay" (F&F 1:17, 22).

Manomboka amin'ny fiandohan'ilay boky ka hatramin'ny fizarana izany maneran-tany, ny *Olomasina* dia mampahafantatra ny zanak' Andriamanitra na aiza na aiza fa tantaran'ny fanekempihavanana nataon'izy ireo tamin' Andriamanitra izany, izay mahafantatra ny zava-tsarotra iainan'izy ireo. Nohavaozin' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny mpaminaniny ireo fanekempihavanana izay tsy manafoana ny faharatsiana, ny alahelo, ny fijaliana ary ny fisarahana amin'ny fahafatesana, kanefa mampanantena fanasitranana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, manamasina sy manafy hery ny fiainantsika amin'ny fomba tena manan-danja, ary manome toky antsika fa ny fifandraisana izay ankamamiantsika eto an-tany dia afaka ny haharitra mandrakizay, "homban'ny voninahitra mandrakizay" (jereo ny F&F 130:2).

Ireo toko valo voalohany ao amin'ny *Ny fanevan' ny fahamarinana* dia efa navoaka tamin'ny laharan'ity gazetiboky ity mandritra ny taona. Ny laharana amin'ity volana ity no mamarana ireo toko navoaka tsikelikely avy ao amin'ny *Olomasina,* fa mbola mitohy ny tantara, izay azo jerena ao amin'ny **saints.lds.org,** ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile, ary amin'ny endriny voatonta printy (afaro ao amin'ny **store.lds.org**). Manasa anareo aho hanohy hamaky izany ao amin'ny iray amin'ireo famoaham-baovao ireo.

### Lamina sy drafitra avy amin' Andriamanitra

Ny *Olomasina* dia mampitohy lamina iray avy amin' Andriamanitra izay ampiasan'ireo mpaminany, ao anatin'ny asa fanompoana ataony, ny lasa mba hanampiana antsika hianatra hoe iza isika ary hahitantsika ny tanjon'

Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Maro ireo mpaminany ao amin'ny soratra masina no manomboka ny fampianarany amin'ny alalan'ny fitantarana tantara momba ny famindram-pon'ny Tompo tamin'ireo razambeny.[1] Namporisika ireo mpamaky ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia mba "[hahatsiaro] ny naha-feno famindram-po ny Tompo" tao anatin'ny fotoana maro "sy [hisaintsaina] izany ao amponareo" (Môrônia 10:3). Ny fieritreretana ny hatsaram-pon' Andriamanitra dia manomana antsika mba handray ny tenivavolombelon'ny Fanahy, izay mampianatra antsika "ny amin'ny zavatra araka ny tena toetrany sy ny amin'ny zavatra araka ny ho tena toetrany" (Jakôba 4:13; jereo koa ny Môrônia 10:4–5).

Ny fahafantarana fa ny Ray aman-dreníntsika any An-danitra dia nanao drafitra mba hahazoantsika ny fahasambarana faratampony ary ny fisandratana, dia manome antsika fahafahana hijery lavitra, manome antsika ny mahaizy antsika amin'ny maha-zanaka malalan'ny ray aman-dreny masina antsika, ary mampitombo ny fahatokiantsika ny Tompo, na dia ao anatin'ny fotoam-pahoriana aza. Ny fahatsiarovana ny hatsaram-pon' ny Tompo dia afaka ihany koa miaro antsika amin'ny avonavona sy ny loza mananontanona avy amin'ny firoboroboana. Nanoratra mikasika ny fotoana izay "[nanombohan'ny Nefita] nitombo harena fatratra tokoa" i Môrmôna. Tsy nitovy tamin'ireo vanim-potoana hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay namelan'ny olona ny avonavona sy ny harena hampianjera azy ireo anefa, fa nanaraka lalana hafa izy ireo tamin'ity indray mitoraka ity: "Nefa na dia teo aza ny hareny, na ny tanjany, na ny firoboroboany, dia tsy tafasondrotra tao amin' ny avonavon' ny fony izy; tsy nitaredretra koa izy tamin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny; fa izy kosa dia nanetry tena izaitsizy tokoa teo anoloany." Nitandrina ny fanekempihavanany izy ireo ary nijanona ho marina satria "nahatsiaro ny mahalehibe ny zavatra efa nataon'ny Tompo ho azy izy" (jereo ny Almà 62:48–50).

Ny *Olomasina* dia mampianatra lesona tahaka an'ireo sy ny maro hafa. Hanampy anao hahita ny fitarihan'ny Tompo eo amin'ny fiainanao izany rehefa miaina tsy mivantana ny fizahan-toetra ny finoana, ny ratram-po sy ny fifaliana, ny fanambarana sy ny fahavononan'ny olona tsy tanteraka izay tia ny Tompo sy nahatsapa ny fitiavany ianao.


Rehefa mamaky izany ianao, dia hahita hevibaovao indray na dia ao anatin'ireo tantara efa renao teo aloha aza. Tsy misy zava-nitranga be mpahafantatra mihoatra ny Fahitana Voalohany hitan'i Joseph Smith ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana, fa ny *Olomasina* anefa dia manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny fomba niadian'i Joseph mafy mba hampifanaraka ny zavatra tsapany tao am-pony sy ny zavatra neritreretiny tao an-tsainy.

Ny faniriana tena avy amin'ny fo nananan'i Joseph mba hahatsapa ny famelan-keloky ny Mpamonjy dia tsy tanteraka satria nilaza izy fa tsy nisy na dia iray aza tamin'ireo fiangonana efa nisy no nampianatra "ny filazantsaran'i Jesoa Kristy araka izay voarakitra ao amin'ny Testamenta Vaovao."[2] Nisaintsaina i Joseph hoe iza no fiangonana marina, sa miara-diso avokoa izy ireo? Nanantena mafy tao am-pony izy hoe mba ho marina ny iray tamin'izy ireo mba hahafahany mahita ny fiadanana nokatsahany. Rehefa sahiran-tsaina noho ny tsy fitovian'ny zavatra hitan'ny masony sy izay tsapany tao am-pony i Joseph, dia lasa fantany fa afaka mangataka amin' Andriamanitra izy. Nandeha tany anaty ala izy mba hivavaka. Nahita ny Ray sy ny Zanaka tao izy, izay namela ny helony ary namaha ny olany tamin'ny fomba izay tsy mbola azony an-tsaina mihitsy.[3]

I Joseph sy ny fianakaviany ary ireo olona maro hafa izay nanaiky ny fanekempihavanan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny dia naniry ny hahatsapa ny fitiavan'



***Ny* Olomasina *dia mampiseho fa ny asan'ny Tompo dia manome antsika fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, manampy antsika hahita ireo zavatra araka ny tena toetrany sy ny ho tena toetrany, ary manampy antsika hampihatra finoana fa hanampy antsika hiaritra ireo fotoan-tsarotra ny Tompo.***



Andriamanitra azy ireo, ny hianatra ny fomba hahafahan'izy ireo manakaiky Azy bebe kokoa, ary ny hanatsara ny fifandraisan'izy ireo amin'ireo olon-tiany. Ny *Olomasina* dia mitantara ny tantaran'izy ireo.

## Matoky ny Tompo mandritra ireo fitsapana

Ny boky 1 an'ny *Olomasina* dia ahitana ilay tantara tena mampalahelo momba an'i Amanda Barnes Smith sy ny fianakaviany, izay nankatò ny didin' Andriamanitra sy nanao ny sitrapony.[4] Nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana niaraka tamin'ny Olomasin'ny Andro Farany niisa 15 hafa izay nilasy teo amin'ny toeram-ponenana kely iray teo Shoal Creek tany Missouri ny vadin'i Amanda sy ny iray tamin'ireo zanany lahy. Nanampy an'i Amanda tao anatin'ilay zavatra niainana tena nahatsiravina ny Tompo, namaly ny vavaka nataony, nanome azy herim-po, ary nanome hery azy hahafahany manasitrana an'ilay zanany lahy naratra mafy.[5]

Ny *Olomasina* dia maneho ny fomba nahaizan'i Amanda natoky ny Tompo tao anatin'ny fahoriana lalina. Izy io ihany koa dia mitantara ny zavatra nianaran'i Joseph Smith momba ny hatsaram-pon' Andriamanitra na dia tao anatin'ny fotoana nampijaly aza. Izy io dia mampiseho fa ny asan'ny Tompo dia manome antsika fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, manampy antsika hahita ireo zavatra araka ny tena toetrany sy ny ho tena toetrany, ary manampy antsika hampihatra finoana fa hanampy antsika hiaritra ireo fotoan-tsarotra ny Tompo.

Rehefa nahafantatra ny zavatra nitranga tamin'ny fianakavian'i Amanda sy ireo hafa teo Shoal Creek ny Mpaminany Joseph dia tsapany fa aleony mandeha any am-ponja na hovonoina toy izay hamela ny Olomasina hatao sorona. Ny ampitson'io dia nanandrana nanao fifampiraharahana mba hitady vahaolana tamim-pilaminana tamin'ireo milisy tao Missouri izy, izay vonona ny hanafika ilay tena foiben'ny toeram-ponenan'ny Olomasina tao Far West. Tsy izay anefa no nitranga fa nosamborina sy notanana am-ponja i Joseph.

Efa hadiva ho dimy volana taorian'izay, dia mbola voatazona am-ponja ihany i Joseph, nahiboka tao anatin'ny tranomaizina ambanin'ny tany izay nangatsiaka sy tery tao Liberty Missouri. Nanontany tena izy hoe niafina taiza ary Andriamanitra ary hafiriana no mbola hahavitany hihaino ny kiakiakan'ireo mananotena sy kamboty. Nivavaka izy hoe: "Tompo ô, mandra-pahoviana no hiaretany ireny hadisoana sy fampijaliana tsy ara-dalàna

ireny vao hohalefahana aminy ny fonao ary hoentanin'ny fangorahana azy ny kibonao?" (F&F 121:3).

Ny *Olomasina* dia mampianatra antsika fa ny fahoriana dia tsy porofon'ny tsy fahafalian'ny Tompo, na ny fisintonana ny fitahiana nomeny. Ny fifanoherana dia tafiditra ao anatin'ny drafitr' Andriamanitra mba hanatsarana antsika sy hanomanana antsika hahazo anjara mandrakizay sy selestialy (jereo ny 2 Nefia 2:11). Nianatra i Joseph fa ny fijaliana tsy takatry ny saina niainan'ny Mpamonjy dia nanome Azy fahafahana hamonjy antsika ary hanandratra antsika amin'ny farany (jereo ny Almà 7:11–13). Ho valin'ny fitalahoan'i Joseph tao anatin'ny alahelo lalina dia nitanisa ireo karazana olana rehetra ny Tompo talohan'ny namaranany hoe:

"Raha ireo valanoranon' ny helo no hampitanatana ny vavany mba hitelina anao, dia fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany.

"Efa nidina tambanin'izany rehetra izany ny Zanak' Olona. Moa ve ianao lehibe kokoa noho Izy?" (F&F 122:7–8).

Ny fiainantsika an' *ireo zavatra ireo* dia afaka manome antsika fangorahana tahaka ny an'i Kristy ho an'ireo izay mijaly. "Ho malefaka kokoa mihoatra ny teo aloha foana ny foko taorian'izany," hoy i Joseph rehefa tonga saina fony mbola tao am-ponja. Naniry ny ho afaka hiaraka tamin'ireo Olomasina izy mba hampahery sy hampionona azy ireo. "Tsy hanana fahatsapana tahaka izay tsapako amin'izao mihitsy aho," hoy izy nanazava, "raha tsy nijaly noho ny zavatra tsy nety natao tamiko izay niaretako."[6]

Antony iray nanomezan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo andraikitra mba hanoratana sy nankatoavan'izy ireo ny *Olomasina* ny hoe afaka manampy ny tsirairay avy amintsika izany mba hiaina *ireo zavatra ireo* amin'ny alalan'ny tantaran'ny hafa. Afaka ianarantsika avy amin'i Amanda fa na dia amin'ny fotoana ahitan' Andriamanitra ao amin'ny fahendreny tsy misy fetra aza fa mahasoa ny tsy hanakanana ny faharatsiana na ny fahoriana, dia tia antsika Izy ary mahafantatra antsika. Mandre ny vavaka ataontsika Izy ary mamindra fo sy tsara fanahy.

### Fitahiana avy amin'ny tempoly naverina tamin'ny laoniny

Tsy misy toerana hafa hanehoana amintsika tsaratsara kokoa ny famindram-po sy ny hatsaram-panahy mihoatra ny ao amin'ny tempoly. Amin'ny ankapobeny, ny *Olomasina* dia tantaran'ny fitahiana avy amin'ny tempoly naverina tamin'ny laoniny. Ny boky voalohany dia mifarana amin'ny fotoana izay nandraisan'ireo Olomasin'ny Andro Farany an'arivony an'ireo ôrdônansy masina tao amin'ny Tempolin'i Nauvoo tamin'ny 1846. Ny boky faharoa dia hifarana amin'ny fanokanana ny Tempolin'i Salt Lake sy ny fanombohan'ny Olomasina nandray ireo ôrdônansy tao tamin'ny 1893. Ny boky fahatelo dia hifarana amin'ny fanombohan'ireo Olomasina Eorôpeana nivory tao amin'ny tempolin'i Suisse tamin'ny 1955. Ny boky fahaefatra dia hanohy ny tantara ho tonga amin'izao fotoana izao, izay fotoana ahitana ny tempoly manerantany sy andraisan'ny Olomasina manerana izao tontolo izao ny ôrdônansin'ny fisandratana, araka ny nahitan'ireo mpaminany fahiny elabe.

Manao fanekempihavanana ao an-tranon'ny Tompo isika ary mandray hery mba handresena ny vokatry ny Fahalavoana, tafiditra ao anatin'izany ny faharatsiana sy ny fijaliana eto amin'ity fiainana ity. Mahazo fiarovana isika ary mahazo hery any aoriana any mba hivoahana amin'ny Fitsanganana amin'ny maty, ary voafehy amin'ireo olontiantsika mandrakizay.


Ny *Olomasina* dia hanampy antsika hitandrina fanekempihavanana amin'ny alalan'ny fampitomboana ny fahatsiarovantsika amin'ny fomba masina. Hanampy antsika izany mba hahatsiaro mandrakariva ny zavatra nataon'ny Mpamonjy ho antsika. Raha tsy misy an'ireo rakitsoratra momba ny asa nataon' Andriamanitra tany amin'ny lasa, dia tsy afaka ny "[hahatsiaro] ny naha-feno famindram-po ny Tompo tamin'ny zanak'olombelona" (Môrônia 10:3) isika. Noho ireo antony ireo dia raiki-trosa amin'ny Tompo sy amin'ireo Olomasina izay nirakitra an-tsoratra ny fiainan'izy ireo ny fitiavan'ny Tompo azy ireo isika. Nandidy an'i Joseph Smith ny Tompo mba hirakitra an-tsoratra ny zavatra niainany (jereo ny F&F 21:1). Nanome didy ny olona iray mpanoratra ny tantaran'ny Fiangonana izay niasa teo ambany fitarihan'i Joseph Izy mba "hanoratra lalandava ny rakitsoratra sy ny tantaran'ny Fiangonana" (F&F 47:3). Nandidy izy mba ho voarakitra ao amin'ilay tantara "ny zavatra rehetra ho tombontsoan'ny fiangonana sy ny taranaka vao misondrotra" (F&F 69:8).

Rehefa nieritreritra ireo fanambarana sy fampanantenana avy amin'ny fanekempihavanana mba hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy ireo ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanomboka namolavola drafitra handrafetana ny *Olomasina* izy ireo 10 taona lasa izay. Ankehitriny izahay dia mamporisika anao hamaky izany, amin'ny fananana toky fa hanampy anao izany amin'ny fanakarana ny drafitr' Andriamanitra, amin'ny fahitana ny naha-feno famindram-po ny Tompo, amin'ny faharetana amim-pahatokiana ao anatin'ny fotoam-pifaliana sy ny fotoam-pahoriana, amin'ny fahazoana fangorahana tahaka ny an'i Kristy ho an'ny hafa, ary amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanana izay mitarika anao ho any amin'ny fisandratana. ■

**FANAMARIHANA**

1. Isan'ireo ohatra amin'izany i Nefia (1 Nefia 17:23–43), ny Mpanjaka Benjamina (Môsià 1), i Limia (Môsià 7), ny anjelin'ny Tompo iray niseho tamin'i Almà (Môsià 27), i Almà (Almà 9:10), i Môrmôna (Môrmôna 3:17–22), ary i Mosesy (Eksodosy 13:3).
2. Joseph Smith, ao amin'ny "History, circa Summer 1832," 2, josephsmithpapers.org.
3. Jereo ny "History, 1838–1856, volume A-1 [23 December 1805–30 August 1834]," 3, josephsmithpapers.org.
4. Jereo ny "Revelation, 12 January 1838–C," [1], josephsmithpapers.org.
5. Jereo ny *Olomasina,* boky 1, toko 30, "Fight Like Angels."
6. "Letter to Presendia Huntington Buell, 15 March 1839," [1], josephsmithpapers.org.

# ATODY, KIADIN'ARATRA, ARY FINOANA



Rehefa namantana teny amin'ny fandrehetan-tsigara ao anaty fiarakodia izay tsy nisy na inona na inona ny fandranitam-pensilihazo kely vita amin'ny vy anankiray, dia nikatso tampoka ny fiaranay. Nosimbainay ny kiadin'aratra.

Ny iray amin'ireo tanjon'ny fianakavianay dia ny hanangona vola ampy mba hapetraka ho vodiondrimbarotra hividianana ny tranonay. Raha tsy nisy izany tanjona izany dia mety ho nandany ny faran'ny herinandroko nijery fahitalavitra aho, niandry fahafahana hahazo vola ho tonga eo amiko.

Amin'ny maha-mpamily fiarakodia ahy ao amin'ny orinasa mitrandraka akoran-javatra any ambany tany any avaratr'i Chili, dia miasa mandritra ny efatr'andro lavitra ny fonenako any amin'ny foibe fitrandrahana akoran-javatra any ambany tany aho, ary avy eo tsy miasa mandritra ny telo andro, dia ny sabotsy hatramin'ny alatsinainy izany. Mba hanampiana ny vola miditra ao aminay sy ny tahirinay hividianana trano, dia nanapa-kevitra ny hanomboka hivarotra atody izahay. Ny drafitray dia ny handray ireo isan'ny atody ilain'ireo namana sy ireo mpifanolobodirindrina aminay ary ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana. Hividy atody eo amin'ny 1000 eo ho eo isan-kerinandro any amin'ny mpivarotra ambongadiny izahay ary haka sy hanatitra ireo atody isaky ny sabotsy sy alatsinainy.

Nanapa-kevitra izaho sy i Laura vadiko fa hoentinay miaraka aminay ny zanakay anankiroa rehefa manatitra entana ka hiaraka hankafy izany fotoana izany. Rehefa teny an-dalana hividy ny amboaran'atodinay voalohany izahay anefa dia nisy loza nitranga. Nilalao fandranitam-pensilihazo kely vita amin'ny vy ny iray tamin'ireo zanakay, dia natsipiny izany ka tonga dia namantana teny amin'ilay fandrehetan-tsigara anaty fiarakodia izay tsy nisy na inona na inona. Nisy zavatra nitselatselatra, ary tsy nisy rianaratra intsony ny fiaranay ka lasa tafajanona tampoka teo afovoan'ny lalambe roazotra izahay. Nosimbainay ny kiadin'aratra (fusible).

Rehefa nipetraka teo izahay sady nampitohana ny fifamoivoizana ary nieritreritra ny tokony hatao dia lasa sorena ka te hitomany. Saingy tamin'izay fotoana izay dia tsaroako fa ny Tompo dia nampanantena ny hampitraka antsika sy hanampy antsika raha toa isika ka mametraka ny fitokiantsika Aminy. Nisy fahatoniana nanenika ahy. Nahatsapa aho fa tsy afaka ny hipetraka fotsiny eo dia himenomenona. Nanana olana izahay ary miaraka amin'ny fanampian' Andriamanitra dia ho voavahanay izany.

Nifampijery izaho sy i Laura ary nilaza hoe: "Mila mampiseho finoana isika." Nivavaka izahay ary nofafanay ny ranomasonay. Avy eo dia nivoaka nanosika ilay fiara aho ary i Laura no namily. Olona maro no nivoaka ny fiarany ary nanampy ahy.

Natosikay teo amin'ny 200 metatra teo ilay fiara izay vao nahita toerana azo antoka nijanonana tany ivelan'ny lalambe roazotra izahay. Rehefa nandeha hatreny amin'ny toerampiantsonana iray ilay fiara dia tsikaritro fa nijanona teo anoloan'ny toerampivarotana fampivainganam-peo ao anaty fiara mihitsy izahay.

Hitako ilay kiadin'aratra simba, dia nandeha tao amin'ilay fivarotana aho ary nanontany hoe: "Moa ve ianareo manana anankiray amin'itony?"

Namaly ilay mpivarotra hoe: "mazava ho azy."

Nividy kiadin'aratra iray aho ary napetrako teo amin'ny toerana tokony hisy azy izany. Tonga dia velona ilay fiara ary lasa izahay. Efa kely sisa dia hikatona ilay toeram-pivarotana atody ambongadiny rehefa tonga teo izahay. Novidinay ny atodinay ary nanao ny fanaterana izahay.

Rehefa manana olana isika dia ilaintsika ny mahatsiaro ny tokony hangatahana fanampiana avy amin'ny Ray any An-danitra. Fantatro fa hamaly antsika Izy rehefa mandroso hatrany isika ary mampiseho ny finoantsika Azy. ■

Alvaro Alcaino, Antofagasta, Chili

SARY NATAON'I CAROLYN VIBBERT

# FITAHIANA AVY AMIN'NY SORA-TANAN'NY RENIKO

Indray andro dia nieritreritra aho hoe inona no hafatra hozaraina mandritra ny fihaonamben'ny paroasy izay hatao atsy ho atsy. Nandalina ny soratra masina aho nandritra ny herinandro, ary na dia nandray torolalana sy hevibaovao aza aho dia tsy mbola nahazo fitarihana mazava ny amin'izay tian'ny Tompo hozaraiko amin'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy aho amin'ny maha-filohan'ny tsatòka ahy.

Tao anatin'ny vavaka amimkafanampo no nangatahako fitarihana avy amin'ny Fanahy mba hitarika ny eritreritro. Dia nanokatra ny soratra masina aho ary nanomboka namaky indray. Tonga dia nankany amin'ireo tanjon'ny paroasy izay vao noresahanay sy ny evekako vao haingana ny saiko. Ny iray amin'ireo tanjona ireo dia ny hampiasa ny *Torio ny Filazantsarako* mba hizarana ny filazantsara amin'ireo namana sy mpifanolobodirindrina.

Nisy nanosika ahy hampiditra ny *Torio ny Filazantsarako* ho ao anatin'ny zavatra hohalaliniko tamin'izay hariva izay. Nalaiko ny tahadikan'izany ary nosokafako teo amin'izay pejy nisokafany fotsiny izany. Nahita toko sy andinin-tsoratra masina anankiroa nosoratana tanana teo amin'izany pejy izany aho, 1 Nefia 8:8–11 ary 1 Nefia 11:21–22. Rehefa nijery akaiky aho dia fantatro fa ireo toko sy andinin-tsoratra masina nosoratana ireo dia sora-tanan'ny reniko. Efa nodimandry taona maro talohan'izany ilay reny malalako, roa volana taorian'ny naha-feno 80 taona azy. Ohatra teo amin'ny fananana herim-po sy fahalalahan-tanana izy, izay nahita foana ny tsara ao amin'ny olona. Ary tiany ny soratra masina.

Nosokafako tany amin'ireo andininy ireo ny soratra masiko mba hahitana ny zavatra nanosika azy hanoratra azy ireo. Rehefa namaky azy ireo aho, dia tonga haingana tao an-tsaiko ny hafatra tokony hozaraiko. Izany dia hafatra tsotra izay matetika mety hadinon'ireo mpikamban'ny Fiangonana efa nanandrana ilay voa mafilotra an'ny filazantsara hoe, misy olona maro hafa mitady izany voa izany. Mila manolo-tanana isika ary miteny amin'izy ireo ny toerana ahitana izany.

Nieritreritra an'ilay reniko tsara fanahy aho rehefa namadibadika ny ambin'ny *Torio ny Filazantsarako*. Tsy nisy anarana na soratra hafa na zavatra izay nahafahana namantatra fa azy ilay boky. Nipetraka tao anatin'ny fahazendanana aho rehefa nieritreritra ny fitohitohizan'ireo bitsika ara-panahy izay nitondra teo amin'io fotoana io. Nanamafy tamiko ny Fanahy fa notarihina ny eritreritro toy ny nangatahiko tao anatin'ny vavaka nataoko mihitsy. Tsy fantatry ny reniko anefa na dia taona maro lasa aza no nanoratany an'ireo toko sy andinin-tsoratra masina ireo fa ho ampiasain'ny Tompo izy ireo ho valin'ny vavaka tamim-panetrentena nataon'ny zanany lahy. ■

Douglas Hedger, Nevada, Etazonia

Raha teo am-panomanana ny fihaonamben'ny paroasy aho dia nanokatra ny *Torio ny Filazantsarako* tao amin'ny pejy iray nahitana toko sy andinin-tsoratra masina izay sora-tanan-dreniko.




SARY NATAON'I DILLEEN MARSH

# FAHAGAGANA TAO AN-TRANON'NY TOMPO TANY KIEV

Nientanentana ery izaho sy ny fianakaviako tamin'ny fandehanana fiara avy any Roumanie nankany Kiev, Ukraine mba hamonjy ny fanokanana ny tempoly tamin'ny aôgositra 2010. Noho ny fahafantaranay fa io no ho tempoly ho an'ny Olomasina tao amin'ny Misiônan'i Moldavie Roumanie, dia nanao dia teo ho eo amin'ny 14 ora teo izahay mba hahatongavanay any fotsiny. Rehefa tonga tany izahay dia nihaona tamin'ny andian'olona iray hafa izay nanao dia avy any Roumanie ihany koa. Faly daholo izahay tonga tao Kiev mba hanatrika io fotoana masina io.

Tamin'ny andron'ny fanokanana dia nasaina nijery ny fanokanana tamin'ny alalan'ny fampitana mivantana tao amin'ny efitrano iray tao ambany rihina tao amin'ny tempoly ny vondrona avy any Roumanie izay nisy anay. Nanomboka nanambara ny fahadisoam-panantenany ny sasany. Nanantena ny hanatrika ny fanokanana niaraka tamin'ny mpaminany tao amin'ny efitrano selestialy izy ireo. Ny sasany aza dia niteny mihitsy hoe afaka nijanona tany an-trano fotsiny izy ireo dia nijery ny fampitana mivantana tao amin'ny trano fiangonany tany Roumanie.

Nanomboka nivavaka tao ampoko aho hoe: "Ray any An-danitra ô! Ahoana no ahafahanay manampy an'ireto mpikambana avy any Roumanie ireto hiaina zavatra tsy hay hadinoina ato amin'ny tranonao?"

Tsy mbola naharay valinteny akory aho rehefa nanomboka ny fivoriana fanokanana. Fotoana fohy taorian'izay dia nahafantatra izahay fa ny mpaminany, ny Filoha Thomas S. Monson (1927–2018) dia handeha hidina ary hametraka ny vato fehizoro amin'ny toerany. Mety izay angamba ny valinteny nandrasanay! Nivavaka aho mba hahafahan'ny mpaminany manatona

SARY NATAON'I ALLEN GARNS



sy miarahaba an'ireo Olomasina avy ao Roumanie.

"Tsy ho ahy irery no angatahako an'izany," hoy aho nivavaka, "fa ho an'ireo rahalahiko sy anabaviko."

Rehefa vita ilay lanonana fametrahana ny vato fehizoro, dia nandalo teo akaikin'ny efitrano nisy anay ny Filoha Monson rehefa niverina nankany amin'ny efitrano selestialy. Tampoka teo dia nahatsapa tao am-poko aho fa tokony hitsangana dia hanasa azy ho ao amin'ny efitrano nisy anay.

Nitsangana aho dia niteny hoe: "Ry Mpaminaninay ô! Avia mba hiresaka aminay. Avy any Roumanie izahay."

Toy ny hoe tsy nahare ahy izy. Fotoana fohy taorian'izay dia niverina izy. "Roumanie hoe e?" hoy izy sady niditra tao amin'ilay efitrano.

Niarahaba anay rehetra izy dia nilaza fa tiany be tokoa izahay. Feno fifaliana ny foko rehefa nahita ny endrik'ireo mpikambana malalanay izay feno fifaliana. "Misaotra Anao Ray Malala," hoy aho nivavaka, "noho ity fahagagana ato amin'ny tranonao ity."

Rehefa nandao ilay efitrano ny mpaminany dia tsy nisy nalahelo intsony. Tsapako fa tao amin'ny efitrano tena voatahy indrindra tao amin'ny tempoly no nisy anay. Zavatra niainana tsy hohadinoiko velively izany. ■

Doru Vasile, Bucarest, Roumanie

Nivavaka tao am-poko aho hoe: "Ray any An-danitra ô! Ahoana no ahafahanay manampy an'ireto mpikambana avy any Roumanie ireto hiaina zavatra tsy hay hadinoina ato amin'ny tranonao?"



# TSIKY MANEHO FANKASITRAHANA

Nanao fiaraha-mientana ny paroasinay indray alina izay nandanianay ora maro ny fanomanana azy. Taorian'ilay fiaraha-mientana dia nisy zatovo iray naman'ny Fiangonana nanao veloma ahy, saingy minitra vitsy taty aoriana dia niverina izy ary nanontany ahy hoe: "Eveka a! Rahoviana aho no mila miverina?" Nilaza taminy aho hoe amin'ny alahady. Dia niteny haingana ilay zatovoIahy hoe: "An! an! an! Angaha tsy misy fiaraha-mientana iray hafa?" Tena nankafy ny fotoana niarahany tamin'ny zatovon'ny paroasinay izy ka te hiverina.

Niresaka tamin'ny mpivady tonga nitsidika izay nanatrika ilay fiaraha-mientana koa aho ary nanontany izay eritreritr'izy ireo. Hoy ilay lehilahy hoe: "Hatramin'ny nahatongavanay teto dia nahatsapa fiadanana sy fahatoniana izahay," izay nohamafisin'ny vadiny tamin'ny fanetsehana ny lohany. Nahagaga ahy izany satria tamin'ny vao tonga izy ireo dia nisy olona maro be niresaka sy nikotaba. Saingy notohizany ny teniny ary nijery sy nanontany ahy izy hoe: "Ny Fanahy Masina izany, sa tsy izany?" Taitra aho ka eny sisa no voateniko.

Maro ireo zavatra natao ho fanomanana izany fiaraha-mientana izany, ka rehefa tapitra ny zavatra rehetra tamin'io alina io, dia ny hody ary hatory no hany zavatra tiako natao. Satria aho reraka loatra dia tsy afaka nieritreritra ireo resaka nifanaovako tamin'ireo naman'ny Fiangonana. Rehefa tonga tany an-trano aho dia nivavaka ary nandeha natory, saingy tsy nahita tory. Azoko sary an-tsaina ny Tompo nitsiky. Tsiky maneho fankasitrahana. Tamin'izay fotoana izay dia nanomboka nahatsiaro ireo zavatra mahafinaritra izay nitranga nandritra ilay fiaraha-mientana aho.

Takatro fa ny fahavitrihana sy ny fitiavana nasehon'ireo mpikambana tao amin'ny paroasy dia nahatonga ny fon'ireo naman'ny Fiangonana anankitelo ireo ho voakasika. Takatro fa ilay tsiky maneho fankasitrahana dia natolotra noho ny zavatra nataonay. Tsy voatanako ny ranomasoko ary nahatsapa ho tena feno fankasitrahana aho noho ny fanomezana nomen'ny Tompo anay. Nomeny tsiky maneho fankasitrahana izahay. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina ny tenin'ny Tompo, fa raha mitondra olona iray monja ho Azy isika dia akory ny halehiben'ny fifaliantsika ao amin'ny fanjakan'ny Ray (jereo ny F&F 18:15). ■

Franklin Romero, Manabí, Équateur

**ZARAO NY TANTARANAO**

Ny feon'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mamoaka tantara marina mifototra amin'izay mety ho lohahevitra momba ny filazantsara, saingy ny tadiavinay manokana dia ireo zavatra niainanao tao anatin'ny fanompoana ny hafa sy tamin'ny fanehoanao herim-po hiaina ny filazantsara. Alefaso en ligne ao amin'ny **liahona.lds.org** ny lahatsoratrao (tsindrio ny "Submit an Article or Feedback").

# NY faharisihantsika HIAINA ny filazantsara

**Nosoratan'i Mindy Selu**
Gazetibokin'ny Fiangonana

**Hisy foana ny "teny sarotra." Saingy hisy foana ny fahafahana hisafidy ny finoana ankoatra izay mety ho ahiahy sy fisalasalana.**

Ny lalan'ny maha-mpianatra dia feno fitahiana, na ny "hita maso na ny tsy hita maso."[1] Kanefa misy fotoana tsy maha-mora izany lalana izany na dia eo aza ireo fitahiana avy aminy. Mitaky asa sy fahafoizantena ny fahatongavana ho mpianatr'i Jesoa Kristy ary indraindray sarotra ny mahita ilay faharisihana hiaina ireo didy sy hanao ireo fahafoizantena ireo.

Amin'ny maha-tanora anao dia mety tena sahirana ianao mandrindra ireo andraikitra vaovao sy mandray fanapahan-kevitra manan-danja eo amin'ny fiainana ary mandrafitra ny ho endriky ny lalan'ny maha-mpianatra anao mandritra ny androm-piainanao. Ankoatra izany dia mety misy zavatra ao amin'ireo fitsipika na tantaran'ny Fiangonana na ao amin'ny fotopampianaran'ny filazantsara izay tsy dia takatrao loatra ary mety misy fakam-panahy izay manahirana anao ary koa fitahiana izay mbola andrasanao sy fanontaniana momba ny drafitr' Andriamanitra ho anao.

Mety misy sasany amintsika manontany tena indraindray raha toa ka mendrika ny hiainana ny filazantsara, noho ireo fitahiana izay nampanantenaina antsika. Mety hanaporofo isika fa tsy mahazo aina ao anatin'izany na asa be loatra izany na toa betsaka kokoa ny fanontaniana noho ny valiny. Kanefa ny zavatra tena ifotoran'izany dia ny faharisihana. Nahoana ianao no manao ny zavatra ataonao sy miaina araka ny fomba fiainanao? Nahoana ianao no manohy mitandrina ny didy na dia tsy misy olona aza manodidina mahatsikaritra fa manao izany ianao?

Na iza na iza ianao ary na inona na inona toe-javatra iainanao, dia miankina aminao ny hisafidy hahita faharisihana amin'ny alalan'ny fikolokoloanao ny finoanao ny Mpamonjy sy ny filazantsara.





### Hankany amin'iza moa isika?

Ny fahitana sy ny fanohizana ny faharisihana hiaina ny filazantsara dia tsy hoe fanamby tsy fahita raha tsy amin'izao androntsika izao ihany. Na fony ny Mpamonjy teto an-tany aza dia sahirana ny olona nanakatra ary avy eo nankatò ireo fitsipika nampianariny. Maro be tamin'ireo mpianany no nihaino raha nanazava ilay hevitra iray izay toa nanafintohina azy ireo Izy, dia ny andraikiny amin'ny maha-"mofon'aina" Azy (jereo ny Jaona 6:35–58). Namaly tamimpisalasalana izy ireo hoe: "Sarotra izany teny izany, iza no mahahaino izany?" (Jaona 6:60).

Rehefa hitan'i Kristy fa sahirana izy ireo nino na nanaiky izany fotopampianarana izany, dia nanontany izy hoe: "Mahatafintohina anareo va izay?" (Jaona 6:61). Maro tamin'ireo mpianany no "nihemotra ka tsy niara-nandeha taminy intsony" (Jaona 6:66), raha tokony hiantehitra tamin'ny finoany izy ireo fa tsy tamin'ny fisalasalany.

Saingy rehefa nanontany ireo mpianany sisa i Kristy raha toa koa izy ireo "te-hiala," dia nanome ilay hany valiny tena tokony nomena i Petera: "Hankany amin'iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay" (Jaona 6:67–68).

### Ilay loharanon'ny faharisihana

Fantatr'i Petera ny loharanon'ny faharisihany. Nifototra tany amin'ny antony anaovantsika ny zavatra ataontsika ao amin'ny filazantsara izany: ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika sy ny finoantsika an'i Jesoa Kristy. "Ary izahay mino ka *mahalala*," hoy ny nambaran'i Petera, "fa Hianao no Ilay Masin' Andriamanitra" (Jaona 6:69; nampiana fanamafisana).

Amin'ny alalan'ny fahazoana izany finoana

matanjaka momba an'i Jesoa Kristy sy ny maha-Andriamanitra Azy ary ny asany izany, dia afaka koa isika mahita ilay faharisihana hanohy hiaina ny filazantsara, na dia rehefa toa sarotra aza izany sy na dia rehefa tsy matoky isika fa te hanao izany.

Hisy foana ny "teny sarotra." Saingy hisy foana ny fahafahana hisafidy ny finoana ankoatra izay mety ho ahiahy sy fisalasalana. Hoy ny Loholona L. Whitney Clayton ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy hoe: "Ny fanapahan-kevitra hino no safidy faran'izay manan-danja horaisinao."[2]

Noho izany, inona no ataontsika raha toa ka ilazana "teny sarotra" isika?

1. Araho ny ohatra nasehon'i Petera sy ireo mpianatra hafa izay nijanona ho mahatoky na dia mora aza ny "[niala]." Henoy ny torohevitr'ireo mpaminany sy apôstôly ary mpitarika hafa:

"Amin'ny fotoan'ny tahotra na ny ahiahy na ny tebiteby dia hazony ilay finoana izay efa anananao. . . . *Mifikira amin'izay efa fantatrareo ary mijoroa mafy mandra-pahatonga ny fahalalana fanampiny*."[3]

"Mamindrà indray mandeha amim-pinoana, dia mamindrà indray avy eo. . . . Mifantoha amin'ireo fahamarinana izay [tena inoanao] ary avelao ireo fahamarinana ireo hameno ny sai[nao] sy ny fo[nao]. . . .

". . . Atombohy amin'ireo fahamarinana fototry ny filazantsara izany."[4]

2. Manakaikeza hatrany ny soratra masina ary araho ireo fampianarany:

"Halalino sy saintsaino ombambavaka isan'andro ny Bokin'i Môrmôna."[5]

"Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin' Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho" (Jaona 7:17).

"Aoka ho mpankatò ny teny hianareo fa aza mpihaino fotsiny ihany" (Jakoba 1:22).

3. Tandremo hatrany ireo didy.

"Tonga ireo valin'ireo fanontaniantsika amin-kitsimpo rehefa mikatsaka amim-pahamatorana isika sy rehefa miaina ireo didy. . . . Ny finoantsika dia afaka manampy antsika hino ireo zavatra izay tsy mitombina raha araka ny eritreritsika."[6]

"Rehefa manohy mankatò ianao, . . . dia homena ny fahalalana sy ny fahatakarana katsahinao."[7]

Amin'ny farany dia mifototra tsotra fotsiny amin'ilay zavatra nolazain'i Petera ny faharisihantsika. Moa ve isika mino fa i Jesoa no Kristy ary Izy no mitarika ny Fiangonany ary manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay? Moa ve ny finoantsika lehibe kokoa noho ireo "teny sarotra" izay mety tsy takatsika amin'izao fotoana izao?



**Ny valisoa avy amin'ny fiainana ny filazantsara**

Rehefa tena manapa-kevitra isika fa hitia sy hanaraka an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy ary hitandrina ny didiny na dia tsy ho takatsika daholo aza izy ireo dia tsy hay refesina ny valisoa. Ny olona araka ny nofo dia manontany hoe: "Inona no tombony azoko amin'io?" Izao no avalin'ireo fampianaran' ny filazantsara: "Fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy"; fitoerana iray nomanina ho anao any amin'ny fonenan' Andriamanitra; izay rehetra ananan'ny Ray any Andanitra; "fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana" (jereo ny F&F 59:23; Etera 12:34; F&F 84:38; Môsià 2:41); ary araka ny nambaran'ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ato [amin'ny Fiangonana] no hahitanareo zavatra sarobidy tsy hay sandaina. . . . Hahita ny tenin'ny

fiainana mandrakizay, ny fampanantenana ny fanavotana masina ary ny lalana mankany amin'ny fiadanana sy ny fahasambarana ianao ato."[8] Raha tsy hitanisa afa-tsy vitsivitsy monja.

Rehefa manolo-tena ny hanaraka an'i Kristy sy hankatò ny didiny isika, dia ampanantenaina antsika ireo rehetra ireo ary ireo maro hafa koa. Tsy midika akory izany fa ho mora sy ho takatra foana ilay lalana, saingy ireo fitahiana nampanantenaina antsika rehefa mitoetra ho mafy orina dia hirotsaka hatrany mandritra ny fiainantsika ary eny fa na aorian'izao fiainana izao aza.

Na dia tena miavaka aza ireo fitahiana ireo dia tsy tokony ho ireo no mandrisika antsika voalohany hiaina ny filazantsara. Na inona na inona fanontaniana anananao, na inona na inona fotopampianarana tsy takatrao, dia ny finoanao an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany no ho fanalahidin'ny faharisihanao hiaina ny filazantsarany, toy ny an'i Petera sy ireo hafa.


"Ny faharisihantsika sy ny eritreritsika amin'ny farany no hitarika ireo zavatra ataontsika," hoy ny Loholona Uchtdorf. "Ny fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny no iray amin'ireo hery mandrisika tena mahery vaika eo amin'ny fiainantsika. Nohamafisin'i Jesoa foana ny hery avy amin'ny eritreritra tsara sy faharisihana madio:—Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra—(F&F 6:36).

"Ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia hanampy antsika eo amin'ny fiainantsika mba hahafantatra ny drafitr' Andriamanitra manokana ho antsika ary avy eo handray andraikitra mifanaraka amin'izany. Izany dia manome antsika fahatokiana ny amin'ny fisian' Andriamanitra sy ny fahamarinana momba Azy ary ny hatsaram-panahiny, ny amin'ireo fampianaran'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ary ny amin'ny antso masin'ireo mpaminanin'ny andro farany."[9]

Raha ho ahy dia hanohy hiezaka aho na dia amin'ny fotoana mahasarotra azy aza izany. Hanohy hivavaka sy handalina ny soratra masiko aho. Hanao ezaka mba hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ny Mpamonjy aho isan'andro. Ary hiezaka hiaina toy ny tiany hiainako aho sy hiankina amin'ny teniny sy ireo mpaminaniny sy apôstôly velona mba hampianatra ahy ny fomba hanaovana izany, ary hiantehitra amin'ilay faharisihana izay tsy vokatry ny finoako sy ny fitiavako azy fotsiny fa vokatr'ilay sorona mandrakizay nataony sy ny fitiavany ahy. ■

**FANAMARIHANA**

1. Dieter F. Uchtdorf, "Ny lalan'ny maha-mpanara-dia," *Liahona,* mey 2009, 76.
2. L. Whitney Clayton, "Safidio ny hino," *Liahona,* mey 2015, 38.
3. Jeffrey R. Holland, "Tompo ô, Mino aho," *Liahona,* mey 2013, 93–94; fanamafisana avy any ifotony.
4. Rosemary M. Wixom, "Miverina amin'ny finoana," *Liahona,* mey 2015, 94.
5. Thomas S. Monson, "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," *Liahona,* mey 2017, 87.
6. Rosemary M. Wixom, "Miverina amin'ny finoana," 95.
7. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95–96.
8. Dieter F. Uchtdorf, "Andao hiaraka aminay," *Liahona,* nôv. 2013, 24.
9. Dieter F. Uchtdorf, "The Power of a Personal Testimony," *Liahona,* Nov. 2006, 37.



**SAFIDY ROA**

"Ny lalan'ny Tompo dia tsy sarotra. Ny fiainana no sarotra, fa tsy ny filazantsara. . . . Mafy ny fiainana ho antsika rehetra, nefa tsotra ihany koa ny fiainana. Roa ihany ny safidintsika. Na isika manaraka ny Tompo ary mitafy ny heriny sy manana fiadanana, fahazavana, tanjaka, fahalalana, fahatokiana, fitiavana ary hafaliana; na isika mandeha amin'ny lalana hafa, rehefa mety ho lalana hafa, na lalana inona izany dia ho irery, tsy manana ny fanohanany, sy ny heriny sy ny fitarihany, ary ho ao anatin'ny haizina dia hijaly, hiahiahy ary ho ory sy ho kivy. Dia manontany aho hoe, iza amin'ireo no lalana moramora kokoa?"

**Loholona Lawrence E. Corbridge ao amin'ny Fitopololahy, "Ilay lalana," *Liahona,* nôv. 2008, 36.**

**Nahatsapa haizina nandrakotra ny fiainako aho. Dia fantatro tamin'izay fa nila niresaka tamin'ny evekako aho.**

# Ny **dingana voalohany mankany amin'ny** fibebahana

**Nosoratan'i Aurilas Peterson**

Tadidiko aho nametraka ny datin'ny batisako niaraka tamin'ny misiônera. Nanontany ahy izy ireo raha vonona ny hanao io fanekempihavanana io tamin'ny Raintsika any An-danitra aho. Tsy nieritreritra an'ilay izy akory aho fa nilaza tamin'ny fo feno fifaliana hoe "Eny!" Naniry ny hanaiky ilay fanomezana manokana efa nomen'ny Raiko be fitiavana ahy aho, ary fantatro fa tsy ho faly toy izany aho raha tsy misy ny Mpamonjy eo amin'ny fiainako. Saingy tena tsy fantatro mihitsy izay hoentin'ny ampitso ho ahy.

Noho ny farany dia tonga ihany ilay andro lehibe. Tsy hay hadinoina ilay izy, ary tena faly tokoa aho.

### Ireo fotoan'ny haizina

Taorian'ny batisa sy ny fandraisana ahy ho mpikambana, dia toa lasa maizina tampoka teo ireo andro. Niatrika olana teo anivon'ny fianakaviana aho, ary sahirana aho tamin'ny fankatoavana ireo lalàn' Andriamanitra rehetra. Tsy fantatro izay tokony hataoko, ary te hilavo lefona aho. Toy tsy nisy olona nahazo an-tsaina izay nahazo ahy.

Tia namaky ny Bokin'i Môrmôna foana aho, fa nandritra izany fotoana izany dia tsy namaky mihitsy aho. Indray andro, rehefa irery tao an-trano aho, dia tsapako ny hamamin'ny Fanahy nibitsika tamiko mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna. Nivavaka aho aloha, nanam-paniriana ny hahazo valinteny afaka hitondra fiadanana hampitony ny fijaliako. Nosokafako avy hatrany tao amin'ny Almà toko faha-5 ny boky. Mivaky toy izao ny andininy faha-27 hoe: "Efa nandeha ve ianareo, nitandrina ny tenanareo ho tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra? Raha toa, hono, ka antsoina ho faty ianareo izao ankehitriny izao, moa va ianareo afaka miteny anakampo fa ampy tokoa ny fanetren-tenanareo? Fa ny fitafianareo dia efa nodiovina sy nofotsiana tamin'ny ran'i Kristy izay ho avy hanavotra ny olony amin'ny fahotany?"

Nony farany dia nahatsapa fitaomana mahery vaika avy tamin'ireo teny ireo aho. Fantatro fa nila nibebaka aho, ka noho izany dia nandamina fotoana hiresahana tamin'ny evekeko aho. Tsy azo lavina fa natahotra aho, saingy notereko ny tenako handeha dia hiresaka taminy.

### Mahatakatra ny fampanantenan' Andriamanitra

Rehefa tonga tao amin'ny biraon'ny eveka aho, dia nahatsapa ho meloka tokoa ka dia te hiverin-dalana tsy hiresaka taminy tsotra izao. Saingy

SARY NATAON'I JOSHUA DENNIS

nivavaka aho mba hanana ny herim-po hilazana ny zavatra rehetra nilaiko nolazaina. Nandray tsara ahy tao amin'ny biraony ny eveka, ary avy eo izy dia nanonona vavaka mba hahazo ny fanampian' Andriamanitra. Niresaka tamiko toy ireny zanany lahy ireny izy ary naneho ny fitiavany ahy tamin'ny alalan'ny teniny. Nanome torohevitra ahy izy ary nangataka ahy hanao zavatra vitsivitsy mba handraisako ny famelan-keloka avy amin' Andriamanitra, ary avy eo dia hiverina hihaona aminy indray.

Faly ery aho noho izany fahafahana izany. Narahako ny toroheviny ary taty aoriana aho dia lasa nahatakatra ny fampanantenana nomen' Andriamanitra an'i Almà manao hoe: "Raha miaiky ny fahotany eo anatrehanao sy eo anatrehako izy ary mibebaka amin'ny fahitsin'ny fony, dia hamela azy ianao ary Izaho koa hamela azy" (Môsià 26:29). Rehefa avy nibebaka tamin-kitsimpo aho, dia fantatro fa namela ahy Andriamanitra. Afaka nahatsapa ny fitiavan'ny Ray any An-danitra ahy tao am-poko aho nony farany, ary nisinda ilay haizina. Faly aho ary nirehareha noho ny amiko.

**Eo ny eveka mba hanampy**

Ny eveka no solontenan'ny Tompo ho an'ny paroasy. Tokony ho fantatrao fa eo izy mba hanampy anao hahazo ny fifaliana marina izay natokan' Andriamanitra ho anao. Matokia azy. Raha manana olana ianao, na mila mibebaka dia mandehana mitady azy. Hanampy anao izy.

Fantatro fa tsy mora indraindray ny mandeha miresaka aminy. Kanefa nanazava toy izao momba ny drafitra mandrakizain'ny Raintsika any An-danitra ny Filoha Lorenzo Snow (1814–1901) hoe: "Mino aho fa tany amin'ny [fiainana talohan'ny nahaterahana] tontolon'ny fanahy, rehefa naroso tamintsika ny hevitra mba . . . handalo izao zavatra iainana izay omena antsika izao, dia tsy tena nahafinaritra antsika tanteraka izany. . . . Kanefa tsy isalasalana fa hitantsika sy takatsika mazava tsara tany amin'ny tontolon'ny fanahy fa, mba hahafahana manatanteraka ny fisandratana sy ny voninahitsika, dia traikefa nilaina ho azo izany." Dia mbola notohizany hoe: "Vonona ny hanoa ny sitrapon' Andriamanitra isika, ka noho izany dia tonga ety isika" (*Enseignements des Présidents de l'Église: Lorenzo Snow* 2012).

Anisan'ny fanoavana ny sitrapon' Andriamanitra ny fibebahana. Ka noho izany dia aleo atao namana ny eveka toy izay hatahorana. Nofidian' Andriamanitra izy, ary afaka manampy anao hibebaka sy hanasitrana ny fanahinao amin'ny alalan'ny fanatonana an'i Jesoa Kristy. Te hanampy antsika ny Tompo, kanefa mila manao izany dingana voalohany mankany amin'ny fibebahana izany isika. Raha izay no ataontsika dia afaka ny hahita ny fahatanterahan'ilay fampanantenana ao amin'ny Isaia 1:18 isika hoe: "Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala." Ary eo ny eveka mba hanampy amin'izany dingan'ny fibebahana izany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra ary i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika. Samy tia be antsika Izy ireo! ■

***Monina any Ouest, Haïti ny mpanoratra.***



# ARAKA NY FOMBAN'NY TOMPO MIANATRA



**Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny fanafainganan'ny Tompo ny asany dia mitaky antsika mba hanohy hianatra sy hiova ary hibosesika handroso miaraka amin'ny finoana ny Mpamonjy.

## Ny fakantahaka iray amin'ny zavatra rehetra

Tao anatin'ny fanambarana nomena ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny jona 1831 dia nanambara ny Tompo hoe: "Homeko anareo ny fakantahaka amin'ny zavatra rehetra, mba tsy ho azo fitahina ianareo; fa mivezivezy eran-tany i Satana, ary mivoaka izy hamitaka ireo firenena" (F&F 52:14).

Ny mahavariana dia nomen'ny Tompo "ny" fakantahaka amin'ny zavatra rehetra isika fa tsy "ireo" fakantahaka amin'ny zavatra rehetra. Tsy mino aho hoe ny tian'ny Tompo holazaina amin'ny hoe "ny fakantahaka amin'ny zavatra rehetra" dia fakantahaka iray ihany no ananany mba hampiasaina amin'ny toe-javatra rehetra. Fa ny fomban'ny Tompo dia ahitana karazana fakantahaka izay azo ampiasaina mba hanatanterahana tanjona ara-panahy samihafa.

Ny tanjontsika faratampony ao anatin'izay mety ho fianarana na fampianarana dia tokony ny hamantatra sy hampiasa ilay fakantahaka na ireo fakantahaka izay tena mifanaraka tsara amin'ny zavatra ilaintsika ary hanatanteraka ireo vokatra andrandraina avy amin'ny fianarana.

## Ny Fanahy Masina no Mpampianatra

Ny Fanahy Masina dia mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra, sy Mpanambara, Mpampianatra, Mpananatra, Mpanamasina, ary Izy no hampahatsiaro antsika ny zavatra rehetra (jereo ny Jaona 14:16–17, 26; 3 Nefia 27:20). Ny Loholona James E. Talmage (1862–1933) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava hoe: "Ny anjara asan'ny Fanahy masina ao anatin'ireo asa fanompoana eo anivon'ny olona dia voafaritra ao amin'ny soratra masina.

*Ny fanasana ny Fanahy Masina mba ho mpampianatra no tanjona manan-danja ao anatin'ireo fakantahaka rehetra napetraky ny Tompo ho an'ny fianarana.*



NY FIANARANA AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA DIA MITAKY FO SY SAINA MARISIKA.



Mpampianatra nalefan'ny Ray Izy ary ireo izay mandray ny fampianarany dia hanambarany ireo zavatra rehetra ilaina ho an'ny fivoaran'ny fanahy."[1] Ny fanasana ny Fanahy Masina mba *ho* mpampianatra no tanjona manan-danja ao anatin'ireo fakantahaka rehetra napetraky ny Tompo ho an'ny fianarana sy fampianarana.

Ny mpianatra iray mampiasa ny fahafahana misafidy ary manao zavatra mifanaraka amin'ireo fitsipika marina dia manokatra ny fony amin'ny Fanahy Masina, ary noho izany manasa ny fampianarany, sy ny heriny mijoro ho vavolombelona, ary ny tenivavolombelony mitondra fanamafisana. Mitaky fiezahana ara-panahy, ara-tsaina, ary ara-batana ny fianarana miaraka amin'ny finoana sy amin'ny alalan'ny finoana fa tsy vitan'ny mihaino fotsiny ihany. Ao anatin'ny maha-tena avy amin'ny fo ny asa avy amin'ny fitaoman'ny finoana izay ataontsika sy ny tsy fahatapahan'izany no hanehoantsika amin'ny Raintsika any An-danitra i Jesoa Kristy Zanakalahiny ny fahavononantsika hianatra sy handray torolalana avy amin'ny Fanahy Masina.

Diniho ny fomba hanampian'ireo misiônera ireo naman'ny Fiangonana mba hianatra amin'ny alalan'ny finoana. Ny fanaovana sy fitandremana fanolorantena ara-panahy, toy ny mandalina sy mivavaka mikasika ny Bokin'i Môrmôna sy mitandrina ny didy ary manatrika ireo fivoriampiangonana dia mitaky ny naman'ny Fiangonana iray hampihatra finoana sy hanao asa. Io fitsipika io koa dia mihatra amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana rehetra, ka tafiditra ao anatin'izany ireo ray aman-dreny sy mpampianatra ary mpitarika.

Ny fampianarana sy ny famporisihina ary ny fanazavana, na dia manan-danja aza izy ireo, dia tsy afaka velively hanome tenivavolombelon'ny fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ho an'ny naman'ny Fiangonana iray na ankizy iray na mpianatra iray na mpikambana iray. Raha tsy rehefa miteraka fanaovana asa sy manokatra ny lalana mankany amin'ny fo ihany ny finoan'izy ireo vao afaka manome tenivavolombelona mitondra fanamafisana ny Fanahy Masina. Mazava ho azy fa tsy maintsy mianatra mampianatra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy ireo misiônera sy mpampianatra ary mpitarika. Manan-danja toy izany koa anefa ny andraikitr'izy ireo eo amin'ny fanampiana ny hafa hianatra mivantana amin'ny alalan'ny finoana.

Ny fianarana faritako eto dia mihoatra lavitra ny fahatakarana ara-tsaina tsotra fotsiny sy ny fihazonana ary fitadidiana fampahalalana. Ny karazana fianarana resahiko dia mahatonga antsika hifoha ho an' Andriamanitra (jereo ny Almà 5:7), hanaisotra ny maha-olona araka ny nofo (jereo ny Môsià 3:19), hanova ny fontsika (jereo ny Môsià 5:2), ary hiova fo ho an'ny Tompo, dia tsy hihemotra na oviana na oviana (jereo ny Almà 23:6). Ny fianarana amin'ny alalan'ny finoana dia mitaky fo sy saina marisika (jereo ny F&F 64:34) sy vokatry ny fitondran'ny Fanahy Masina ny herin'ny tenin' Andriamanitra ho any amin'ny fo sy miditra ao anatin'ny fo. Ny fianarana amin'ny alalan'ny finoana dia tsy afaka miampita avy any amin'ny mpampianatra iray mankany amin'ny mpianatra iray, na avy any amin'ny misiônera iray mankany amin'ny naman'ny Fiangonana iray, na amin'ny alalan'ny fampianarana lesona, na fanehoana amin'ny alalan'ny ohatra, na andrana ho fianaran-javatra; fa ny mpianatra kosa no tsy maintsy mampihatra finoana sy manao asa mba hahazoany fahalalana ho an'ny tenany.

## Ny fakantahaka ho an'ny fianarana sy fampianarana

***1. Miomana hianatra.*** Raha toa ianao ka manatrika ny kilasin'ny Sekoly Alahady ary mihaino ny mpampianatra anao mamelabelatra lohahevitra iray dia tsara izany. Fa raha niasa sy niomana ianao, raha

mieritreritra ireo zavatra izay nasain'ny mpampianatra anao mba hovakina sy hosaintsainina ary hoentina ambavaka mialoha ny fotoam-pianarana ianao, dia afaka ny hirotsaka amin'ny fomba mahery vaika ny Fanahy ary ho lasa mpampianatra anao ny Fanahy Masina. Manasa ny fanambarana mba hirotsaka ny fiomanana.

***2. Manao fifamalian'asa mba hitondrana fahazavan-tsaina amam-panahy.*** Te hisintona ny sainareo amin'ity andininy ity aho. "Manendre mpampianatra iray eo anivonareo, ary aoka tsy indray ho mpitondra teny ny rehetra; fa aoka hiteny tsirairay ary hihaino izay lazaina ny rehetra, ka rehefa avy miteny ny rehetra, dia ho azo aorina ny rehetra amin'ny alalan'ny rehetra, mba hananan'ny olona tsirairay zo mitovy" (F&F 88:122).

Iray amin'ireo fakantahaka mahery vaika napetraky ny Tompo ho an'ny fianarana sy ny fampianarana izany. Mamelà ahy hanolotra fomba fijery iray hafa an'ity andininy ity: "Manendre mpampianatra iray eo anivonareo." Iza ilay mpampianatra? Ny Fanahy Masina. Azo atao ve izany hoe, raha tianareo ho ny Fanahy Masina no ho mpampianatra dia "aoka tsy indray [hiteny] ny rehetra; fa aoka hiteny tsirairay ary hihaino izay lazaina ny rehetra, ka rehefa avy miteny ny rehetra, dia ho azo aorina ny rehetra amin'ny alalan'ny rehetra"? Ny hany afaka mitondra izany fahazavan-tsaina amam-panahy izany dia ny Fanahy Masina.

Manasa ny fanambarana mba hirotsaka ny fifamalian'asa mba hitondrana fahazavan-tsaina amam-panahy. Amin'izao fotoana izao ao amin'ny Fiangonana dia mianatra sy mampihatra fakantahaka ho an'ny fianarana sy fampianarana izay sarotsarotra sy henjana ary mitaky zavatra maro bebe kokoa ara-panahy foana isika. Moa ve isika hanao foana izay efa nataontsika hatrizay ary hahazo ireo vokatra toy ny hatrizay, izay efa azontsika foana, sa hibebaka sy hianatra isika ary hiova sy hampianatra bebe kokoa ny fomban'ny Tompo?

***3. Manasa mba handray andraikitra.*** Fanontaniana tsotra iray dia manampy amin'ny fanatratrarana izany tanjona izany. Inona no hataonao eo anatrehan'ny zavatra nianaranao androany? Manasa ny fanambarana mba hirotsaka bebe kokoa ny fandraisana andraikitra eo anatrehan'ny fanambarana.

Mivavaka aho mba hahazaka ny fandehan'ny fanafainganan'ny Tompo isika, mba tsy hanao tsotra fotsiny izay efa nataontsika hatrizay amin'ny fomba fanaovantsika azy hatrizay.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fisian'i Jesoa Kristy Tompo marina. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Izy no lohan'ity Fiangonana ity ary mitantana ny raharaha ao anatin'izany Izy. Mamporisika antsika rehetra izy mba hanaraka ny fandehan'ny fanafainganany sy hanaraka ireo fakantahaka izay napetrany ho an'ny fivoarantsika sy ny fianarantsika. ■

*Avy amin'ny lahateny iray natao nandritra ny seminera ho an'ny filohan'ny misiôna vaovao tamin'ny 25 jona 2014.*

**FANAMARIHANA**

1. James E. Talmage, *Articles of Faith,* ed. faha-12 (1924), 162.



# MANASA NY FANAMBARANA MBA HIROTSAKA NY FIOMANANA.


# FOMBA 5 HIANARAN-JAVATRA AVY AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY

**NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY DIA FAHAFAHANA MAHATALANJONA** hiarahana amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany hihaino ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy handray fitarihana avy amin'ny Tompo. Ny fijerena sy ny fihainoana ary ny fandalinana ny hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia hitondra ny Fanahy ho eo amin'ny fiainanao ary hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananao. Fahafahana ho anao izany mba handraisana fanambarana ho an'ny tena manokana sy hampiharana izany.

Ireto misy fomba dimy ahafahanao mianatra zavatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

## 1 SORATY MIALOHA NY HANOMBOHAN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA IREO FANONTANIANAO


Makà fotoana hanoratana ireo fanontanianao mialoha ny hanombohan'ny fihaonambe, ary aorian'izay dia henoy tsara ny valiny izay tonga eo aminao mandritra ny fihaonambe. Afaka ny ho voavaly ny vavakao sy ny fanontanianao rehefa mandray anjara sy mihaino ny Fanahy ianao.



SOMBIN-TSARY AVY AMIN'NY *I KRISTY SY ILAY MPANANKARENA*, NATAON'I HEINRICH HOFMANN.

## 2 MIKATSAHA NY HIANATRA MOMBA AN'I KRISTY

Mijoro ho vavolombelona sy mampianatra momba ny Mpamonjy ireo mpaminany (jereo ny Asan'ny Apostoly 10:43). Rehefa mihaino ny hafatra avy amin'ny fihaonambe ianao, dia azonao atao ny mieritreritra ny zavatra ampianarin'ireo mpandaha-teny anao momba an'i Jesoa Kristy. Azonao atao lisitra ao anatin'ny zavatra noraisinao an-tsoratra mihitsy aza izany.



Manana ny fahafahana handray fanambarana sy hanao asa mifanaraka amin'izany tsy amin-tahotra *ianareo*.

**Filoha Henry B. Eyring, "Mitarika ny Fiangonany ny Tompo," Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, ôkt 2017**

## 3 TADIAVO IREO LOHAHEVITRA

Rehefa avy nijery fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany sasany ianao dia mety hahatsikaritra fa nandre lohahevitra na ventin-kevitra notononina mihoatra ny indray mandeha. Izany lamina tsikaritrao izany dia mety fomba iray hanampian'ny Fanahy anao hahafantatra ny zavatra ilainao ianarana.



## 4 RAISO AN-TSORATRA NY FILAZANA MOMBA NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Afaka mianatra zavatra be dia be ianao amin'ny alalan'ny fihaionoana tsara ny soratra masina resahin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana, indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna, izay "vato ifaharan'ny fivavahantsika" (teny fanolorana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna). Jereo raha arakao tsara ny fotoana rehetra hanononana izany ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ho gaga tokoa ianao amin'ny zavatra izay ho hitanao!

## 5 MANÀNA RISI-PO ARY METEZA HO TAOMIM-PANAHY MBA HANAO ASA

Soraty ireo hafatra sy teny nindramina izay manentana ny fanahinao, na manasa anao hanao asa. Afaka manampy anao izany hampihatra ny zavatra nianaranao, ary hanampy anao hahatsiaro ny zavatra neritreretinao any aoriana rehefa mila ilay fampahatsiahivana ianao! ■





Mitaky fiezahana ara-panahy, ara-tsaina, ary ara-batana ny fianarana amin'ny alalan'ny finoana fa tsy vitan'ny mihaino fotsiny ihany ny hafatra.

**Loholona David A. Bednar, "Mianatra araka ny fomban'ny Tompo," ao amin'ny pejy 50 amin'ity laharana ity**

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES; SARIN'NY ZATOVOLAHY IRAY EO AMBONY HAVOANA AVY AMIN'I JOSHUA EARLE/UNSPLASH

NAMPIANARIN'

# NY FANAHY MASINA

***Ireto tanora ireto dia niomana*** mialoha ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany mba ho ampianarin'ny Fanahy. Ireto ny zavatra nianaran'izy ireo avy amin'ny fihaonambe iray teo aloha sy ny fomba fanao novain'izy ireo vokatr'izany.







## Torolalana avy amin'ny fitaomam-panahy

Nahazo fitaomam-panahy avy tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aho. Raha teo am-pihainoana ny torolalana avy amin'ireo mpitarika antsika mba hanompo ny hafa, hatoky an'i Kristy, ary hifikitra mafy tamin'ny anja-by aho, dia nahatsapa ny Fanahy Masina nijoro ho vavolombelona tamiko fa marina ity filazantsara ity ary afaka mahazo ny fiainana mandrakizay isika amin'ny alalan'ny fitandremana ny didy sy ny fanarahana ny tenin' Andriamanitra. Nametraka tanjona aho mba hanao asa fanompoana bebe kokoa eo amin'ny fiaraha-monina misy ahy sy hanamafy orina ny fijoroako ho vavolombelona amin'ny alalan'ny vavaka isan'andro sy ny fandalinana ny soratra masina. Fantatro fa zanakavavin'ny Ray any An-danitra aho. Velona Izy ary tia ahy foana sy mandrakizay.

***Madelyn B., 16 taona, Delaware, Etazonia***

*Mombamomba azy:* Zokiny indrindra amin'ny mpiray tampo miisa telo; manao cross-country; tia mamaky boky sy mihira; tia ny teny Espaniôla ary maniry ny hampianatra ny teny Anglisy izay fiteny ôfisialy faharoa

## Valin'ireo fanontaniana

Talohan'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia nanana fanontaniana roa aho: (1) Ahoana no ahafahako manana fomba fisainana tsara hatrany ary hanampy ny namako rehefa mandray fanapahan-kevitra ratsy izy ireo? Sy ny hoe (2) Ahoana no ahafahako mijoro ho vavolombelona momba ny Fiangonana kanefa tsy manesoeso ahy izy ireo? Nijoro ho vavolombelona tamiko ny Fanahy nandritra ny fihaonambe fa tsy irery aho. Ankehitriny dia fantatro fa amin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina amin'ny foko manontolo no hahazoako ny valin'ireo fanontaniako momba ireo namako. Fantatro fa mihaino ny vavako ny Raiko, ary hiezaka ny ho tsaratsara kokoa aho isan'andro.

***Isaak R., 13 taona, Pichincha, Équateur***


*Mombamomba azy:* Lahitokana; tia mitendry pianô, milalao skate, milalao baolina kitra, manao judo, milomano, mihira, ary tia manamboatra vatomamy; te ho lasa mpitsabo; maitso no loko tiany indrindra



SARY ANKOATRA NY SARIN'OLONA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES







## Nahazo fanasana mba hivoatra

Nampatanjaka ahy ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny alalan'ny fanomezana ahy faniriana ny hanaraka ny lalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nanampy ahy izany mba hahafantatra sy hahatakatra fa ity no Fiangonana marina, izay mitondra fahazavana sy fahasambarana ho antsika. Tsapako ny Fanahy nanasa ahy hivoatra isan'andro sy hamaky ny Bokin'i Môrmôna mba hahazoako fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny filazantsara. Mino aho fa tian'ny Ray any An-danitra ny hihainoako ireo hafatra nentanim-panahy ireo.

***Vicente A., 16 taona, Région Métropolitaine, Chili***

*Mombamomba azy:* Zokiny indrindra amin'ny mpiray tampo miisa efatra; tia milalao jeux video, mihaino hira, ary milalao baolina kitra; milalao tantara an-tsehatra; te hanao asa fitoriana



## Vonona ny hianatra

Nahatsapa tamin'ny fomba mahery vaika ny Fanahy aho tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Hatramin'ny nanombohako nanomana fanontaniana sy nanomanako ny tenako ara-panahy ho an'ny fihaonambe, dia lasa nisy lanjany bebe kokoa teo amin'ny fiainako izany, ary afaka nianatra bebe kokoa hatrany aho tao anatin'ny lahateny tsirairay. Feno fankasitrahana ny mpaminany sy ny apôstôly aho, ary fantatro fa nirahin'ny Ray any An-danitra izy ireo mba hitarika antsika sy hanoro antsika eo amin'ny fiainantsika!

***Ben H., 17 taona, Kentucky, Etazonia***

*Mombamomba azy:* Tia fanatanjahan-tena; milalao basket sy tennis any an-tsekoly; tia manao ski, milalao snowboard, tia manao dia lavitra, ary tia mihanika tendrombohitra



## Mikatsaka ny hazavana

Fotoan-tsarotra ho ahy ny tamin'ny roa taona lasa. Niady tamin'ny homamiadana ny dadako, ary nisy fanafihana nataon'ny mpampihorohoro tao amin'ny tanàna nisy ahy. Feno tebiteby aho, nanontany tena hoe ahoana no ahafahako mahatsapa fiadanana kanefa aho natahotra ireo loza nananontanona ahy ara-panahy sy ara-batana. Nianarako avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fa afaka ny hahita fiadanana isika rehefa miaina amim-pahamendrehana, mamonto ny fontsika amin'ny finoana, ary miezaka ny hanana fomba fijery mibanjina ny mandrakizay hatrany. Notaomim-panahy aho mba hitodika tany amin'i Kristy tao anatin'ny fotoan-tsarotra fa tsy hiantehitra fotsiny tamin'ny fahatakarana nananako. Fantatro fa afaka mandresy ny fitaoman'ny haizina aho amin'ny alalan'ny famirapiratan'ny hazavan'i Kristy.

***Olivia H., 17 taona, Belgique***

*Mombamomba azy:* Mpilomano; tia manompo, anisan'izany ny firotsahana an-tsitrapo hiasa amin'ny toerana fikarakarana sakafo ho an'ny sahirana, amin'ny fikarakarana zaza kamboty, ary fandaharan'asa fampianarana ireo manan-kilema ao amin'ny sekoly misy azy



"HO AN'IREO TANORA MPIKAMBAN'NY FIANGONANA,

**MAMPANANTENA AHO**

FA RAHA

# MIHAINO

[NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY] IANAREO, DIA HAHATSAPA NY FITOMBON'NY FITAOMAN'NY FANAHY MASINA AO ANATINAREO. HILAZA AMINAREO IZAY TIANY HATAONAREO AMIN'NY FIAINANAREO NY TOMPO."

Loholona Robert D. Hales (1932–2017)
tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
"Ny Fihaonamben'ny Fiangonana: Manamafy orina ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona"
fihaonamben'ny Fiangonana ôkt. 2013

# Toe-javatra mikasika ny FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY

Ny ôrga ao amin'ny Ivon-toeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana dia manana fantsona miisa

**7.667**

saingy ny 170 ihany no hitan'ny mpanatrika

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanolotra lahateny miisa

**84**

nandritra ny 34 taona naha-Manampahefana Ambony azy

Olona any amin'ny firenena sy faritany miisa

**221**

no mijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

Adika amin'ny fiteny miisa

**94**

ireo lahateny




Ilay hazon'ny polipitra ao amin'ny Ivon-toeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana dia avy amin'ny hazo noaie efa antitra iray izay an'ny **FILOHA GORDON B. HINCKLEY** (1910–2008)

Olona mihoatra ny

**100.000**

no manatrika ireo fivoriana dimy ao amin'ny Ivon-toeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ao Salt Lake City, Utah, Etazonia

Omby ao amin'ny efitrano lehiben'ny Ivon-toeran'ny Fihaonambe ny **FIARAMANIDINA BOEING 747** iray, izay 70,5 m ny halavany

Lahateny miisa

**35**

eo ho eo no zaraina isaky ny fihaonambe

## IREO FANAMBARANA MANAN-DANJA NATAO NANDRITRA IREO FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY:

**SEPT. 1995:** "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao"


**APR. 1998:** Fanorenana tempoly madinika

**APR. 2001:** Nanomboka ny Kitapom-bola Maharitra ho an'ny Fianarana

**ÔKT. 2012:** Nampidinina ny taona ahafahana ho misiônera

**APR. 2018:** Nanolo ny fampianarana sy ny famangiana isan-tokantrano ny fanompoana

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES




# "Ahoana no ahafahako manasa ny Fanahy ho ao an-tranoko rehefa miady na mifamaly ny olona?"

**MIJOROA HO MPAMPIHAVANA**

*"Rehefa tsy afaka manova ny fitondrantenan'ny hafa isika, dia aleo isika no miezaka mitondra ny tenantsika araka ny tokony ho izy. . . .*

*"Mba hanoloana toerana ny fifamaliana sy ny fifandirana eo amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana, dia manana andraikitra isika ny hifampiorina, sy hifampihaino, ary hifanampy mba ho samy ho tonga saina."*

Loholona Marvin J. Ashton tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo (1915–94), "No Time for Contention," fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany apr. 1978.



### Mitenena hoe azafady

Rehefa avy nifamaly tamin'olona aho dia hitako fa ny fitenenana hoe azafady sy ny fiaikena hoe diso ianao, na dia mihevitra aza ianao na mahafantatra fa manana ny rariny ianao, dia mamerina ny filaminana ao anatin'ilay efitrano. Dia mialà eo amin'izay, aza miteny intsony, na ovao ny resaka, na mitadiava zavatra hitoviana hevitra. Vetivety dia hiverina eo ny Fanahy.

***Dylan M., 15 taona, Californie, Etazonia***

### Tiavo fotsiny ny olona

Nianatra aho fa ny fanehoana fitiavana madio ho an'ny fianakaviako dia manasa ny Fanahy hitoetra ao an-tranonay. Ny mpaminany dia nilaza fa ny fitiavana no fitaovana izay mahatonga ny fiovana ary balsama izay mitondra fanasitranana ho an'ny fanahy. Ny toe-tsaina feno fitiavana dia mitondra fiarovana sy fiadanana ao an-tokantranontsika.

***Joseph C., 18 taona, Arizona, Etazonia***

### Miresaha amin'ny fianakavianao

Raha tsy mpikamban'ny Fiangonana ny fianakavianao, dia lazao azy ireo ny halehiben'ny alahelonao rehefa mifamaly izy ireo, dia asao izy ireo mba hivoatra. Raha tsy mahomby izany dia mivavaha, ary andramo indray. Raha mpikambana izy ireo, dia ampahatsiahivo azy fa zanak' Andriamanitra izy ireo ary tokony hisoroka ny fifandirana izy ireo.

***Carolina S., 19 taona, Goiás, Brésil***



### Mivavaha mba hahatsapa ny Fanahy

Raha vao mifamaly ny fianakaviana manodidina anao dia sarotra ny mahatsapa ny fisian'ny Fanahy, fa tsy midika akory izany hoe tsy afaka ny hahatsapa izany ianao raha mendrika. Mivavaha ao amponao mba hahatsapa bebe kokoa ny Fanahin'ny Tompo ary mifantoha misimisy kokoa amin'ireo bitsika izay alefany. Afaka manampy anao ny Ray any An-danitra mba hahatsapa fiadanana sy hahafantatra ny fomba tsara indrindra hitondrana filaminana ao an-tokantranonao.

***Katie G., 17 taona, Utah, Etazonia***

### Miezaha mitady marimaritra iraisana

Miresaha amin'ny fianakavianao mba hamahana ilay olana amin'ny fomba izay hahazoan'ny rehetra tombontsoa avy amin'izany, na mizarà soratra masina, na mihirà hira ao amin'ny fihirana. Afaka mangataka fanampiana amin'ny Ray any An-danitra koa ianao mba hamaha ilay olana. Raha izay no ataonao dia hitony ny rehetra ka ho afaka ny hamaha ilay olana tsy amintabataba na amin'ny herisetra. Azo antoka fa hameno anareo amin'ny fiadanana ny Fanahy Masina ary hampitsiry faniriana ao amin'ny rehetra mba tsy hiady intsony.

***Luis F., 14 taona, Playa del Carmen, Mexique***

*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

EO AMIN'NY ANKAVIA: SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES




## Moa ve ny fijoroana ho vavolombelona mihoatra noho ny fahatsapana fotsiny?

Ny fijoroana ho vavolombelona dia ilay zavatra noresahan'ny Mpamonjy raha niteny tamin'i Petera izy hoe: "Sambatra hianao, ry Simona Barjona; fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra" (Matio 16:17). Fahalalana avy amin' Andriamanitra izany izay nambara tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Ny Fanahy Masina dia miteny amin'ny feo izay tsapantsika kokoa noho ny hoe henontsika, kanefa sady "avy ao an-tsainao *izany* no avy ao amponao" (F&F 8:2; nampiana fanamafisana). Eritreritsika ary koa fahatsapantsika izany.

Ny Mpaminany Joseph Smith dia namaritra ny fanahin'ny fanambarana ho toy ny fahatsapana "fahalalana madio mirotsaka ao anatinao, ka [manome] anao hevitra tonga tampoka" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 132).

Rehefa mampitodika ny saintsika sy ny fontsika, ny eritreritsika sy ny fahatsapantsika ary ny faniriantsika, any amin' Andriamanitra isika, dia afaka miresaka ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika amin'ny alalan'ilay feo tony sy malefaka an'ny Fanahy Masina Izy. Rehefa miresaka amin'ny fanahintsika Izy dia toa misy karazana fahatsapana sy eritreritra mirotsaka ao amintsika. Izany no fijoroana ho vavolombelona omeny antsika.

***Inona no eritreritrao?***

"Ahoana no fomba hahitako namana miaina fitsipika tsara?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 nôvambra 2018 ao amin'ny liahona.lds.org (tsindrio ny "Submit an Article").

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

# Ireo lalana izay manomana anao amin'ny hoavinao

**Nosoratan'i Leah Barton**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Mino aho fa tsy misy tovovavy 14 taona maniry ny hahita ny tenany any amin'ny tranom-bokatra mamovoka mamadibadika sahiratsy efa harefesina ary manadio efitranon-tsoavaly izay mamofona. Kanefa tany no nisy ahy isaky ny avy nianatra isan'andro mandra-pahatonga ahy teo amin'ny taona ahafahana manao asa hafa.

Tsy toe-javatra niriko mihitsy ny hiasa mandritra ireo taona nianarako tany amin'ny lisea, saingy takatro tamin'izay fa raha maniry ny hanao asa izay tena tiako aho any aoriana, asa iray izay tsy ahitana fanadiovana ireo loto ataon'ny biby, dia ilaiko ny oniversite ary mila mianatra any amin'ny oniversite aho ary mila vola. Fantatro fa ho ahy, ny fianarana no dingana tsara mitondra mankany amin'ny fananana asa (antenaina) fa hampivoatra.

Ny zavatra tsara dia ilay lalana izay nosafidiko, dia iray amin'ireo lalana maro fotsiny ihany izay afaka manampy anao hianatra hiasa sy hamelona ny tenanao. Antsoina hoe lasa mizaka tena ara-batana sy ara-panahy izany. Rehefa mandinika ireo safidy eo anoloanao ianao dia miezaha misafidy lalana iray izay tsapanao fa hanomana anao amin'ny fomba tena tsara.

Ireto tantara ireto dia avy amin'ny olona izay nanana ny taonanao vao taona vitsy monja izay. Amin'ny alalan'ny fanarahana ireo ohatra nasehon'ireo tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony ireo, dia afaka mahita ny lalanao manokana mankany amin'ny fizakan-tena mahomby ianao.



## DINIHO IREO ZAVATRA TADIAVINA MANODIDINA ANAO

*Nataon'i Oudom Piseth, Cambodge*

Mba hanatratrarako ny tanjoko dia miteny amin'ny tenako foana aho fa zava-dehibe ny miasa mafy, kanefa fomba iray hahombiazana ny miasa miharo fampiasana ny faharanitan-tsaina. Taorian'ny asa fitoriana nataoko tany Angletera dia niverina tany Cambodge aho ary nijery an'ireo tolotr'asa. Nojereko ireo zavatra toy ny hoe ny halavan'ny fiofanana mba hahazoana ny asa tsirairay ary ny saran'ny fiofanana.

Hitako fa ilay lalam-piofanana ho mpivarotra akanjo dia fohy saingy sarotra ary vitsy ny olona manao azy. Hitako hoe zavatra tsara araraotina izany ka nanapa-kevitra ny hanao izany aho. Efa nahavita ilay fandaharan'asa aho ary mpivarotra ao amin'ny orinasa mpamokatra akanjo iray.

Mety ho tena sarotra ny fahitana ilay asa sahaza ny tena, saingy manana ny Mpamonjy ahy aho mba hanampy ahy sy hanohana ahy.

*Na mianatra any amin'ny oniversite ianao na mitady asa na mianatra asa tanana dia mampivelatra toetra tena ilaina amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra ianao.*

## AMPIASAO NY FIANARANA HO TOY NY FANOKAFANA VARAVARANA

*Nataon'i Iolanda Teixeira, Cap Vert, Afrika*

Namporisika foana ahy tamin'ny alalan'ilay fehezan-teny hoe, "Ny fianarana no fanalahidin'ny fahombiazana" ny reniko. Te hanana hoavy tsara kokoa ho an'ny tenako ary indrindra ho an'ny fianakaviako aho, ka mba hanaovana izany dia nilaiko ny nanohy ny fianarako. Noho ny tsy fananako vola handehanana tany amin'ny ivon-toeram-pampianarana ambony tamin'izany fotoana izany, dia nanao fangatahana vatsim-pianarana mba hianarako any amin'ny sekoly miompana amin'ny fampianarana teknika aho mba hianatra momba ny firafitry ny solosaina sy ny fanamboarana izany.

Niatrika olana maro aho nandritra ny fianarako, saingy tsy nanakana ahy handroso hatrany izany miaraka amin'ny maso mibanjina ilay hoavy tsara kokoa. Nanampy ahy be dia be ny vavaka ary mikatsaka torohevitra avy amin'ny Tompo foana aho. Naneho fanolorantena ho an'ny fianarako foana aho ary amin'izao fotoana izao dia maneho fanolorantena ho an'ny asako hatrany aho, ka manolotra ny tsara indrindra avy amiko amin'ny maha-teknisianina mikasika ny solosaina ahy sy amin'ny maha-mpanampy eo amin'ny lafiny haivarotra ahy.





SARY LAFIKA NATAON'I JOSH TALBOT; SARY NAPETRAKA AO ANATINY NATAON'NY GETTY IMAGES

## MANAOVA ASA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO IZAY HITONDRA ANAO ANY AMIN'ILAY HOAVY IRINAO

*Nataon'i Ann-Sophie sy Lawrence Cavin, Écosse, Royaume Uni*

**Ann-Sophie:** Naniry foana ny hianatra tany amin'ny oniversite aho, saingy ireo drafitro momba ny zavatra izay hianarana dia niova be nandritra ireo taona naha-zatovo ahy. Taorian'ny nahavitan'ny fianarako tany amin'ny lisea, dia nilatsaka hiasa an-tsitrapo tao amin'ny hôpitaly iray aho nandritra ny enim-bolana. Nanomboka tamin'izay dia tiako ilay hevitra hoe ho mpanampy mpitsabo, kanefa tsy nieritreritra ny hahavita izany aho.



Tao amin'ny kilasy fianarana momba ny fizakan-tena ao amin'ny paroasiko dia nangatahina izahay mba hisafidy asa iray tianay hatao na dia tsy manana ny fahaiza-manao takina amin'izany aza izahay. Nivavaka mikasika ny zavatra hataoko aho ary niverimberina tao an-tsaiko ny hoe mpanampy mpitsabo. Nanapakevitra ny hanaraka ny bitsiky ny Tompo aho.

Tsy mora ny fanarahana izany lalana izany. Mba hanombohana azy dia nanao fikarohana momba ny lalam-piofanana ho mpanampy mpitsabo aho sy ny zavatra hotakina amiko raha hianatra. Niresaka tamin'ny olona izay nanaraka dingana nitovy tamin'izany aho. Tamin'izaho nanao fangatahana voalohany hanaraka ilay lalam-piofanana ho mpanampy mpitsabo dia tao anatin'ny lisitry ny olona mbola miandry aho. Saingy tsy nilavo lefona fa nanao fangatahana indray ary tafiditra ihany tamin'ny farany. Indraindray ianao dia mila manana faharetana sy fahatokiana ny Tompo noho ny fananany drafitra manokana ho anao.



**Lawrence:** Fony aho zatovo dia nametraka tanjona aho mba hanao izay tsara indrindra avy amiko na inona na inona zavatra hianarako na asa hataoko. Niezaka foana ny hianatra sy hivoatra aho mba hanomezako ny tenako ny fahafahana tsara indrindra hahita fahombiazana.

Amin'izao fotoana izao aho dia mpitantana orinasa mamokatra akanjo iray, saingy te hiditra ao amin'ny tafiky ny pôlisy aho. Any Écosse, dia tsy maintsy mipetraka ao amin'ny firenena mandritra ny telo taona maninjitra ianao mialoha ny hanaovana fangatahana hirotsaka ho pôlisy. Noho ny tenako tany ivelan'ny firenena nanao asa fitoriana nandritra ny roa taona, dia tsy maintsy niandry volana vitsivitsy fanampiny aho mialoha ny hirotsahako tao anatin'izany.

Na dia sakana goavana aza izany dia tsy nilavo lefona aho. Manana asa tsara mba hamelomako ny fianakaviako aho ary niasa mafy aho mba hahazoako loharano hanovozankevitra ho an'ireo asa any aoriana.

Toy ireo tanora ireo dia hahita lalana maro afaka manomana anao mba hikarakara ny tenanao sy ny fianakavianao any aoriana ianao. Afaka mandrafitra ny fomba ahitana fahombiazana ianao miaraka amin'izany tanjona izany. Nampianatra ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:"Aoka isika hanao izay tsara indrindra vitantsika ary hanao izay hananana laza tsara amin'ny zavatra rehetra izay ataontsika. Aoka isika hanokana ny saintsika sy ny vatantsika amin'ireo fahafaha-manao asa maro izay atolotry ny andro vaovao tsirairay" ("Ireo fitsipika roan'ny fahariana," ôkt. 2009 fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany). Rehefa mifantoka amin'ny fianarana sy ny asa ianao amin'izao fotoana izao dia hamorona fahazarana izay hanampy anao hahatsapa fahatokiana bebe kokoa momba ny hoavy ianao. ■

*Fanamarihana avy amin'ireo nanoratra ireo lahatsoratra: Eritrereto ny hangataka ny evekanao mba hampahafantatra anao ireo tompon'andraikitra misahana ny fizakan-tena ao amin'ny tsatòka misy anao. Afaka manampy anao hahita zavatra azo atao mikasika ny fianarana sy ny asa hataonao any aoriana izy ireo.*

# MITADY NY LALANAO

## 1.

**FANTARO NY TENANAO**
Inona no zavatra hainao? Inona no zavatra izay tianao ny manao azy? Ny famaliana ireo fanontaniana ireo dia afaka manampy anao hahita asa mahabe fanantenana izay mifanentana amin'ireo fahaiza-manao sy ireo zava-manavanana ary ireo talenta izay efa ao aminao.

**TOROHEVITRA:** Eritrererito ny hanontany ny ray amandreninao sy ireo mpampianatra anao ary ireo namanao mikasika ireo talenta hitan'izy ireo fa anananao. Mety ho gaga ianao amin'ny zavatra lazain'izy ireo!

## 2.

**FANTARO NY ZAVA-MISY EO AMIN'NY TONTOLO MANODIDINA ANAO**
Inona ireo asa tadiavina any amin'ny toerana ipetrahanao? Iza avy ireo orinasa mampidi-tra mpiasa? Tsara ny misafidy lalan-kasa any amin'ny faritra iray izay mivelatra ary tena hahitana zava-mahasoa amin'ny ho avy.

**TOROHEVITRA:** Ireo ivontoeram-pampianarana ambony, na ireo oniversite na ireo sekoly fianarana asa tanana dia matetika mahafantatra ireo fahaiza-manao tadiavina sy ireo orinasa miroborobo.

## 3.

**FANTARO NY ZAVATRA ILAINAO ATAO MANARAKA**
Inona avy ny fiomanana takina amin'ilay asa tadiavinao? Aiza no hahitanao ny fiofanana sy ny fianarana izay ilainao? Ahoana no fomba handoavanao ny saran'izany? Mba hahatratrarana ilay tanjona amin'ny fahazoana asa maharitra dia ilainao ny mahafantatra ny fomba hanatratrarana izany.

**TOROHEVITRA:** Eritrereto ny hiresaka amin'ny olona izay efa manao ny zavatra tianao hatao. Mametraha fanontaniana amin'izy ireo. Tian'ny ankamaroan'ny olona ny manoro hevitra sy manolotra sosokevitra.

# Mampitampita ny fitiavan' Andriamanitra



Nosoratan'i Allie B., 12 taona, Kentucky, Etazonia



Taona vitsivitsy lasa izay dia nifindra tao Kentucky ny fianakaviako. Tena tezitra aho satria nandao ny namako sy ireo havako rehetra. Hafa be tamin'izay efa nahazatra ahy ny tao Kentucky. Tamin'ny fotoana voalohany nandehananay tany am-piangonana dia hitako fa tsy dia betsaka ny olona tao. Rehefa hitako fa vitsy olona tokoa tao amin'ny sampana nisy ahy, dia nanapa-kevitra aho hoe aleoko manao zavatra ho an'ilay sampana toy izay manaratsy an'ilay izy.

Ny ampitson'io dia nandeha niantsena izaho sy ny reniko. Talohan'ny nialanay tao an-trano dia naka antontan-karatra fizara aman'olona aho. Rehefa tonga tao amin'ilay toeram-pivarotana izahay dia naka barre chocolatée iray aho ary nandeha nandoa vola. Nampandalovin'ilay mpandray vola teo amin'ny fitaovana fanamarinam-bidy ilay barre chocolatée, dia natolony ahy. Naveriko taminy ilay izy. Toa gaga izy ary niteny hoe: "Vao avy nandoa ny vidin'ity ianao teo."

Hoy aho hoe: "Eny tokoa, fa ataoko fanomezana ho anao ity." Dia nampiarahako tamin'ny karatra fizara amin'ny olona ilay barre chocolatée. Nitsiky izy dia nisaotra ahy. Nojereny tao ambadik'ilay karatra fizara amin'ny olona, izay nasiako soratra hoe "Zanak' Andriamanitra daholo ny olona rehetra." Nandeha nivoaka tamin-kafaliana aho, nahafantatra fa na tsy hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana aza izy dia nanao zavatra tsara foana aho.

Nony afaka elaela tamin'io andro io, dia tadidiko fa navelako teo amin'ilay toerana fandoavam-bola ny sisa tamin'ireo karatra fizara! Tamin'ny fotoana nanaraka nandehananay tao amin'ilay toeram-pivarotana dia nandeha nanontany aho raha mbola tao ireo karatra. Dia nahita zavatra aho ka nijanona tsy nandeha intsony. Toerana fandoavam-bola teo ho eo amin'ny dimy teo no nanana karatra fizara amin'olona izay ahitana soratra hoe "Zanak' Andriamanitra daholo ny olona rehetra." Nozarain'ilay mpandray vola tamin'ny olona ireo karatra! Faly ery aho noho ny zavatra nataoko. ■

SARY NATAON'I EMMA GILLETTE

# Vavaka teny amin'ny canyon





**Nosoratan'i Carsen K., 11 taona, Utah, Etazonia**

Tamin'ny herintaona dia nandeha an-tongotra nitsangantsangana niaraka tamin'ny dadako sy ny rahalahiko aho. Namakivaky lalina an'ilay canyon izahay. Vetivety teo izahay dia nanomboka nandeha tamin'ny lalan-kely iray nanara-tsisiny. Nahita lava-bato lehibe sy toerana tsara hitazanana ny hatsaran'ny zavaboary izahay. Nihanika avoavo kokoa hatrany teo amin'ireo vato somary nihozongozona sy ireo tendrombohitra nideza izahay.

Nony afaka elaela dia very tanteraka izahay. Tsy fantatray ny lalana tokony haleha mba hahatongavana any amin'ny farany ambanin'ilay canyon. Raikitra teo amin'ireo kirihitra matevina izahay, ka tsy hitanay intsony na ny tampon'ilay canyon na ny farany ambanin'ilay canyon. Nanomboka natahotra tokoa aho. Tsy fantatro ny toerana tokony haleha, ary tsy nahafantatra koa ny dadako!

Nanomboka nihamaizina sy nangatsiaka ny andro, ary mbola ho ela izahay vao ho tafavoaka tao amin'ilay canyon. Fantatro fa ny Ray any An-danitra dia nahafantatra ny lalana tokony haleha.

Hoy aho hoe: "Raha te ho tafavoaka ato isika dia mila mivavaka!" Ka dia nandohalika nivavaka izahay telo, nangataka ny Ray any An-danitra mba hitarika anay hivoaka avy ao amin'ilay canyon.

Rehefa nanomboka nandeha izahay dia nisy fahatsapana nilaza tamiko fa rehefa mahita hazo lava mahitsy iray aho dia tokony hivily miankavia. Rehefa avy nivily niankavia aho dia hitako ny fiaranay. Fantatro fa nanampy anay ny Ray any An-danitra mba hivoaka tao amin'ilay canyon. Namaly ny vavakay ny Ray any An-danitra, ka dia tafavoaka soa aman-tsara izahay, raha iny nody iny mihitsy ny masoandro.

Feno fankasitrahana aho noho ny herin'ny vavaka sy ny fihainoan'ny Ray any An-danitra anay. ■

SARY NATAON'I KEVIN KEELE

# Mamirapiratra any amin'ny République Tchèque

*Natambatr'i Sharon Goodrich, Gazetibokin'ny Fiangonana*

Izahay dia ankizy ao amin'ny Kilonga any amin'ny République Tchèque. Toy izao ny fomba hamirapiratanay any amin'ny firenenay.

Indray mandeha, very ny fonon-tanana tiako indrindra. Tena nalahelo aho. Nivavaka izaho sy ny reniko, saingy tsy hitanay izany. Niezaka nanana finoana aho. Herinandro taty aoriana dia hitan'ilay zandriko kely teny an-dalana ilay fonon-tanako! Mamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra. Tiako Izy ary fantatro fa velona Izy.

**Andre W., 9 taona**








Manana namana izay tsy mpikamban'ny Fiangonana aho any am-pianarana, izay mbola manaja ireo fitsipika iainako. Niteny aho indray mandeha hoe tokony hivavaka isika, dia nanaiky izy ireo! Tena faly aho.

**Ivana A., 11 taona**






Handeha hidina izaho sy ireo namako. Rehefa tonga teo amin'ny ascenseur izahay dia nahatsapa ho tsy nahazo aina aho ary nangataka ireo namako mba tsy hampiasa izany. Nanapa-kevitra ny hampiasa izany ihany anefa izy ireo. Nidina ny tohatra aho.



Rehefa tonga tany ambany aho dia tsy teo ireo namako. Nihitsoka ilay ascenseur! Ela vao tafavoaka tao izy ireo. Faly aho fa tsy nisy zava-doza nitranga. Faly koa aho fa nankatò ny Fanahy Masina.

**Amalie N., 10 taona**



Nanomboka nihamaizina ny lanitra teny amoron-dranomasina. Nifofofofo ny rivotra ary niteraka onja lehibe! Nisy kotroka sy tselatra ary havandra. Nihazakazaka nialoka ny olona rehetra. Tsy tratran'ilay oram-baratra izahay. Nahita avana anankitelo izahay teny an-dalana. Fantatray fa nanampy anay sy niaro anay Andriamanitra.

**Jakub B., 10 taona**





Manana namana iray tsy tian'iza na iza ho namana aho any am-pianarana. Nanomboka niteny taminy zavatra manafintohina izay nahatsapany ny tenany ho ratsy tarehy ireo ankizy hafa. Nolazaiko tamin'ny mpampianatra ahy izany ary nanasa an'ilay namako aho mba hiaraka hilalao amiko. Nahafaly ilay namako izany!

**Ludmila V., 8 taona**



Tezitra tamin'ny reniko aho satria tsy te handro sy handeha hatory aho. Nalahelo aho ny ampitson'izany noho ny safidy ratsy nataoko. Nilaza ny reniko fa afaka mivavaka isika ary mangataka ny Ray any An-danitra mba hamela antsika. Nandohalika izahay ary nivavaka. Nahazo aina kokoa aho. Nianatra aho fa afaka mibebaka isika ary noho i Jesoa Kristy dia afaka mahazo famelan-keloka aho.

**Samuel H., 5 taona**







Nizara ny fijoroako ho vavolombelona aho tany am-piangonana. Nitaky herim-po izany! Nanomboka tamin'izay aho dia nahatsapa ny Fanahy.

**Eliska K., 11 taona**

Rehefa narary ilay cochon d'Inde izay biby notezaiko tao an-trano, dia nivavaka ho azy aho. Feno fankasitrahana ny Ray any An-danitra aho noho ny fanampiany anay.

**Aneta P., 10 taona**



## ANDEFASO KINTANA IZAHAY!



Efa kely sisa ny fanangonanay kintana dia ho tapitra! Raha tsy mbola nandefa iray ianao dia ataovy haingana izany ary alefaso ao amin'ny liahona@ldschurch.org ny sarin'ny kintanao miaraka amin'ny tantaranao sy ny sarinao ary ny fahazoan-dalana avy amin'ny rainao na reninao.





"Mijoro ho vavolombelona ny Aminy aho, ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao sy Mpampianatra antsika rehetra. Izy Ilay Zanaka Lahitokan' Andriamanitra velona."

**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
*"Miracles of the Restoration,"* Ensign, *Nov. 1994, 34.*

SARY NATAON' I SIMINI BLOCKER

# Ny pejintsika



Rehefa mandeha mivavaka aho dia mahatsapa ny Fanahin' Andriamanitra sy ny fitiavako Azy sy i Jesoa Kristy Mpamonjy ahy. Tiako ny Mpanavotra ahy.

**Ayana B., 7 taona, Frantsa**







Tiako ny mankao amin'ny tempoly miaraka amin'ny fianakaviako. Toerana tsara tarehy izay azoko handehanana izany rehefa feno 12 taona aho. Tranon'ny Tompo izany.

**Aldo C., 10 taona, Mexique**




**"Ny Filoha Monson sy ireo mpanolotsainy"**
**Omar A., 9 taona, Pérou**



Tiako ny mizara ny filazantsara amin'ireo namako any am-pianarana, indrindra fa amin'ny zazalahy iray izay manana olana amin'ny fitenenana sy ny fanoratana ary ny famakian-teny. Ny fomba iray hizarana ny filazantsara araka ny nampianarin'i Jesoa Kristy dia amin'ny alalan'ny fanampiana sy ny fanompoana ny hafa. Rehefa manome anay asa atao ao amin'ny bokin'ny enti-mody ny mpampianatra dia vonona ny hanampy an'io zazalahy io foana aho. Tia manompo ny hafa aho satria manampy ahy hahatsapa ny fitiavan'ny Ray any An-danitra izany.

**Allison M., 10 taona, Salvador**

# Fanantenana tany Hollande

**Nosoratan'i Megan Armknecht**
Niainga tamin'ny tantara marina



*Tovovavy 15 taona nipetraka tao Hollande nandritra ny Ady Lehibe faha-II i Grace. Efa naharitra ela dia ela ny ady. Maty mosary ny vahoaka tao Hollande, ary nanantena izy ireo fa hifarana tsy ho ela ny ady.*

Ny taona farany tamin'ny Ady Lehibe faha-II no ratsy indrindra ho an'i Hollande. Nalain'ny Nazi avokoa ny zavatra rehetra. Tsy afaka nandeha tany an-tsekoly i Grace. Tsy nisy arina hanafanana ny tranon'izy ireo. Tsy maintsy nihinana vodina tulipe ny fianakaviany mba tsy ho maty mosary. *Ratsy be* ny tsiron'izany! Fa ny tena ratsy indrindra dia mbola babo an'ady i Dada.

Kanefa mbola nisy ihany ny fanantenana. Nilaza ny olona fa efa ho resy ireo Nazi. Ary tamin'ny volana mey tamin'ny taona 1945 dia nitolo-batana ny Nazi. Afaka indray i Hollande nony farany! Nankalaza izany teny an-dalambe ny olona. Tamin'izay dia afaka niverina tany an-tsekoly i Grace. Tsy nisy miaramila natahorana.

Ary ny tena tsara indrindra, indray andro rehefa nody avy any an-tsekoly i Grace sy ireo anadahiny, dia hitan'izy ireo fa nihofahofa teo anoloan'ny tranon'izy ireo ny sainan'i Hollande. Fantatr'izy ireo fa tsy misy afa-tsy zavatra iray ihany no tian'izany hambara.

"Tonga i Dada!" hoy i Heber nihorakoraka.

Nihazakazaka niditra i Grace sy ireo anadahiny. Nampiantsampy ireo sandriny teo amin'i Dada i Grace dia namihina azy mafy. Nofihinin'i Dada mafy ihany koa i Grace. Tena nahafinaritra ery ny nahita an'i Dada tao an-trano.

Fotoana fohy taorian'izay dia nanomboka tonga tao Hollande ireo baoritra feno sakafo, akanjo, ary fanafody. Nandefa vatsy marobe ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana tao Salt Lake City mba hanampiana ny olona taorian'ny ady. Nahazo akanjo vaovao mihitsy aza i Grace! Akanjo iray ihany no nanaovany nandritra ny dimy taona, ka dia faly be izy nahazo iray vaovao.

Izay no fotoana voalohany tao anatin'ny taona maro nahafahan'i Grace nihinana sakafo ampy azy tsara. Ny fiadidian'ny misiôna sy ny governemanta tao Hollande dia nanapa-kevitra ny hanomboka tetikasa fambolena ovy mba hamokarana sakafo bebe kokoa. Namboly ovy be dia be teo amin'ireo saha teny akaiky teny ny mpikamban'ny Fiangonana. Rehefa tonga ny fararano dia hanana ovy an'arivony maro hohanina izy ireo.

"Jereo anie e!" Hoy i Grace tamin'i Dada, sady nanondro ny zanak'ovy vao nitsiry iray. "Tsy ho noana intsony isika!"

Nanaiky tamin'ny alalan'ny fihetsika tamin'ny lohany i Dada kanefa tsy nitsiky. Hoy izy: "Niresaka tamin'ny Filoha Zappey aho. Nilaza tamiko izy fa mbola maty mosary ny Olomasin'ny Andro Farany any Alemaina, tahaka izay nahazo antsika mihitsy. Tsy mahazo fanampiana avy amin'ny governemanta tahaka antsika izy ireo."

Napetrak'i Dada manodidina ny sorok'i Grace ny sandriny. "Nanontany ahy ny Filoha Zappey raha azontsika omena an'ireo Olomasina Alemanina ny ovintsika."

"Omeo azy ireo ny ovintsika!" Hoy i Grace nihiaka mafy. Fa angaha moa ny *Nazi* tsy avy any Alemaina? "Mety hoe Olomasin'ny Andro Farany izy ireo ry Dada a! Saingy mbola Alemanina ihany izy ireo."

"Fantatro fa tsy mora izany," hoy i Dada. "Fa zanak' Andriamanitra ihany koa izy ireo. Tiany koa izy ireo. Namela azy ireo aho tamin'ny nanagadrany ahy. Afaka

SARY NATAON'I REBECCA SORGE



manampy antsika rehetra hamela heloka ny Tompo."

Niandrandra nijery an'i Dada i Grace. Izy no olona be herim-po indrindra fantatr'i Grace, kanefa tsy fantatr'i Grace raha nanana herim-po hamela heloka tahaka azy izy. Dia tadidiny avy eo ny iray tamin'ireo mpampianatra azy tany an-tsekoly nandritra ny ady. Nilaza ny mampianany fa tsy Nazi daholo ny Alemanina rehetra, ary tsy olon-dratsy daholo ny miaramila Nazi rehetra. Ary tamin'izay dia maty mosary tahaka ny nahazo an'i Grace koa ny ankizivavy sy ny ankizilahy tany Alemaina.

Nisento mafy i Grace. "Azoko," hoy izy. "Andao omentsika azy ireo ny ovintsika"

Namihina azy i Dada dia nitsiky. "Zazavavy be herim-po tokoa ianao. Zavatra sarotra atao izany. Fa mpianatr'i Jesoa Kristy isika, ary toy izay koa ireo Alemanina izay rahalahy sy anabavintsika."

Nitsiky i Grace. Nisinda ilay hatezerana tsapany tao am-pony, dia nahatsapa ho tony sy feno fitiavana izy. Afaka namela ireo Alemanina izy. Ary afaka nanampy azy koa i Jesoa mba ho tia azy ireo. ■


*Mipetraka any New Jersey, Etazonia ny mpanoratra.*

Nanome ovy 70 taonina sy hareng (trondro kely) 90 taonina ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany Alemanina ny Olomasin'ny Andro Farany tao Hollande. Taty aoriana, tamin'ny 1953 dia nandefa vatsy ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana tany Hollande ny Olomasina Alemanina taorian'ny tondra-drano lehibe iray.

# Fikambanan'ny mpamaky ny Bokin'i Môrmôna

## MIARAHA AMINAY AMIN'NY ALALAN'NY FAMAKIANA NY BOKIN'I MÔRMÔNA!

Afaka mamaky irery ianao na miaraka amin'ny fianakavianao na miaraka amin'ny namanao. Dia andefaso sarinao anankiray mamaky ny Bokin'i Môrmôna izahay ary lazao aminay ny zavatra nianaranao na tantara tena tianao avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Alefaso ao amin'ny liahona.lds.org izany (tsindrio ny "Submit an Article").




**Ny soratra masina amin'ity volana ity:**
**Môrônia 10:4**

". . . Raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina."



Ny tantara tiako indrindra avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia hita ao amin'ny 3 Nefia 17, ary mikasika an'i Jesoa nitsodrano ireo ankizy madinika izany. Tiako ilay tantara satria miteny amintsika izany fa tena tia antsika i Jesoa sy ny Ray any An-danitra. Afaka mahatsapa ny zavatra tsapan'ireo ankizy ireo aho ary maka sary an-tsaina ny tenako aho hoe nijoro teo.

**Barbora J., age 11 taona, République Tchèque**



Tiako ny Bokin'i Môrmôna satria boky marina izany. Nosoratan'ireo mpaminany izany. Manampy ahy hisafidy ny tsara izany ary rehefa manana olana aho dia manampy ahy izany. Mino izany aho.

**Jason S., 10 taona, Maharashtra, Inde**

# Be herim-po i Estera

I Estera dia mpanjakavavin'i Persia. Tsy fantatry ny Mpanjaka hoe Jiosy i Estera. Nanana namana ratsy toetra izay nankahala Jiosy ny mpanjaka. Nofitahiny ny mpanjaka mba hilaza fa tsy maintsy vonoina ireo Jiosy rehetra ao amin'ny tany. Nanapa-kevitra ny hangataka ny mpanjaka mba hanavotra ny vahoakany i Estera. Saingy mety ho vonoina izy raha mandeha any amin'ny lapan'ny mpanjaka. Nangataka an'ireo Jiosy i Estera mba hifady hanina ho azy. Rehefa nandeha tany amin'ny lapan'ny vadiny i Estera dia noraisiny izy. Nasain'i Estera izy sy namana iray mba hiara-hisakafo. Teo no nilazan'i Estera tamin'izy ireo fa Jiosy izy. Tsy afaka nanova ilay lalàna ny mpanjaka, saingy navelany hiaro ny tenany ireo Jiosy. Namonjy ny vahoakany i Estera niaraka tamin'ny fanampian' Andriamanitra!




*"I Estera Mpanjakavavy," Rebecca C., 8 taona, Aragua, Venezuela*

*Vakio ny momba an'i Estera ao amin'ny Estera 2–8.*

SARY NATAON'I DILLEEN MARSH




**Olona feno fahasahiana i Estera ary nino an' Andriamanitra. Afaka ny ho be herim-po sy hijoro amin'ny fahamarinana aho!**

- ☐ Ianaro tsianjery ny ampahany farany amin'ny Estera 4:14.
- ☐ Jereo ny toko 45 ao amin'ireo tantara ao amin'ny Testamenta taloha ao amin'ny scripturestories.lds.org.
- ☐ Raha miteny ny ray aman-dreninao fa efa lehibe ianao dia mifadia amin'izay hanina ho an'ny olona iray izay tianao.
- ☐ Afaka ny ho be herim-po aho amin'ny alalan'ny . . .

______________________________

______________________________

# I Estera Mpanjakavavy

Nosoratan'i Kim Webb Reid



Mpanjakavavy i Estera. Vadin'ny mpanjakan'i Persia izy.



Nanana namana iray izay lehilahy ratsy fanahy ny mpanjaka. Nofitahiny ny mpanjaka mba hamoaka lalàna fa tsy maintsy vonoina ny Jiosy rehetra! Tsy fantatry ny mpanjaka fa i Estera vadiny dia Jiosy.


SARY NATAON'I APRYL STOTT

Nanapa-kevitra i Estera fa hangataka ny mpanjaka vadiny mba hanavotra ny vahoakany. Saingy natahotra izy sao dia mety ho tezitra ny mpanjaka. Nangataka ny Jiosy rehetra i Estera mba hifady hanina sy hivavaka ho azy. Dia nandeha tany amin'ny mpanjaka i Estera avy eo. Tsy tezitra izy!






Nanasa ny mpanjaka sy ilay namany hiara-hisakafo i Estera. Nandritra ilay fisakafoana dia nilaza tamin'ny mpanjaka i Estera fa Jiosy *izy*. Tezitra ny mpanjaka fa namitaka azy ilay namany. Nilaza tamin'ny Jiosy izy fa afaka miaro tena izy ireo. Nanampy tamin'ny fanavotana ny vahoakany i Estera!




Afaka mivavaka isika mba hangataka fanampiana amin'ny Ray any An-danitra. Afaka ny ho feno fahasahiana sy be herim-po tahaka an'i Estera isika. ■

*Nalaina tao amin'ny Estera 2–8.*

# Afaka manampy ny hafa hahatsapa hoe tiana aho



SARY NATAON'I APRYL STOTT



**Nosoratan'ny Filoha James E. Faust (1920–2007)**
Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# FANOHANANA AVY AMINTSIKA

*Ny fitarihana ara-panahy dia miankina be dia be amin'ny firaisam-po aman-tsaina amin'ireo . . . mpaminany sy mpahita ary mpanambara.*



Te hiresaka mikasika ireo anjara fanompoana masin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana aho izay "voantso sy voafidy" (F&F 55:1) mba hitarika ny Fiangonana amin'izao andro izao. . . .

. . . Ireo Rahalahiko [ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo], tsy misy an-kanavaka dia lehilahy tsara sy mendri-panajana ary azo itokiana. Fantatro ny ao am-pon'izy ireo. Mpanompon'ny Tompo izy ireo. Ny hany fanirian'izy ireo dia ny hiasa ao anatin'ireo antso lehibe nomena azy ireo ary hanorina ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Ireo Rahalahintsika izay manompo amin'izao andro sy fotoana izao dia voasedra sy niaina fitsapana ary mahatoky. . . . Tena madio ny fon'izy ireo, tena lehibe ny zavatra niainan'izy ireo, tena matsilo ny sain'izy ireo ary tena lalina ny fahendrena ara-panahin'izy ireo, ka mankahery na dia ny miaraka amin'izy ireo fotsiny aza.

. . . [Fony aho voantso dia nomena torohevitra aho] fa ny zavatra tena manan-danja indrindra tokony hataoko dia ny miray fo aman-tsaina amin'ireo Rahalahiko. . . . Nanakoako ho toy ny zavatra tiako hatao amin'ny foko rehetra izany.

. . . Hitako fa ny fitarihana ara-panahy amin'ny ankapobeny dia miankina amin'ny firaisam-po aman-tsaina amin'ny Filohan'ny Fiangonana, sy ny Fiadidiana Voalohany, ary ny Kôlejin'ny Roambinifololahy. Ireo rehetra ireo dia notohanana . . . ho mpaminany, sy mpahita, ary mpanambara. Tsy fantatro hoe ahoana no hiandrandrantsika ho iray fo aman-tsaina amin'ny Fanahin'ny Tompo raha toa isika ka tsy miray fo aman-tsaina amin'ny Filohan'ny Fiangonana sy ireo mpaminany, sy mpahita, ary mpanambara hafa. . . .

Ny torohevitro ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia ny manohana ny Filohan'ny Fiangonana, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ireo Manampahefana Ambony hafa amin'ny fo sy ny saina manontolo. Raha manao izany isika dia ho voaro. . . .

Isika koa dia mila manampy sy manohana ireo mpitarika antsika eo an-toerana, satria izy ireo koa dia "voantso sy voafidy." Ny mpikambana rehetra ato amin'ity Fiangonana ity dia afaka mandray torohevitra avy amin'ny eveka iray, na filohan'ny sampana iray, na filohan'ny tsatòka na filohan'ny misiôna iray, ary ny Filohan'ny Fiangonana sy ireo mpiaramiasa aminy. Tsy nisy nangataka mba hahazo ny antsony ireo rahalahy ireo. Tsy misy olona tonga lafatra izy ireo. Kanefa izy ireo no mpanompon'ny Tompo, izay nantsoiny tamin'ny alalan'ireo izay nomena fahefana hahazo fitaomam-panahy. Ireo olona nantsoina, notohanana, ary natokana ireo dia manana zo ny hotohanantsika. ■

*Nalaina avy tamin'ny lahateny natao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny ôktôbra 2005.*

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES




EDMUND BLAIR LEIGHTON (1852–1922), *ILAY LEHILAHY JAMBA TEO AMIN'NY FARIHIN'I SILOAMA*, 1879, HUILE SUR TOILE, 40 X 50 1/4 POUCES. MUSÉE DES ARTS, ONIVERSITEN'I BRIGHAM YOUNG , NOVIDINA TAMIN'NY VOLA NOMEN'I JACK R. WHEATLEY, 2014.

***ILAY LEHILAHY JAMBA TEO AMIN'NY FARIHIN'I SILOAMA,***
**NATAON'I EDMUND BLAIR LEIGHTON**

*"Ary izy namaly ka nanao hoe: Ilay lehilahy atao hoe Jesosy no nanao feta, dia nanosotra ny masoko ka nanao tamiko hoe: Mankanesa any Siloama, ka sasao ny masonao; koa nandeha aho dia nanasa azy, ka dia nahiratra. . . .*

*"Raha tsy avy amin' Andriamanitra izany Lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona Izy" (Jaona 9:11, 33).*

HO AN'NY TANORA

**FAMAKAFAKANA NY FANONTANIANA APETRAKAO**

*Inona no mamporisika anao hiaina ny filazantsara?*

44



ZATOVO

**NY FOMBA AHAFAHAN'NY FANAHY MASINA MAMPIANATRA ANAO**

50, 56

**MIASÀ DIENY IZAO HO AN'NY HOAVY IZAY TIANAO HANANANA**

62

FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY

**FOMBA 5 HIANARAN-JAVATRA AVY AMIN'NY FIHAONAMBE**

50, 54, 58

MALAGASY

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY